



NY MARINA AMIN'NY TANTARAN'NY IMAM Houssein (A.S) TAO KARBALA



Karbala

*Nosoratan'ny Sheikh Salim Manrouf
(Volana Mouharram 1441 H/2019)*



Institut Islamique de Madagascar



Daroul-hikmah

Ambohitrarimo

دار الحكمة

**“Ny marina amin’ny tantaran’ny
Imàm Houssein (a.s) tao Karbalà”**

Tany Karbalà'zao



Tany Karbalà'zao!
Tany Karbalà'zao!

Maro ireo mpitantara
‘Zay manambara
Milaza an’izany e
Tany Karbalà'zao!

Tena hetaheta be
Sy hanoanam-be
Nahazo azy ireo e
Tany Karbalà'zao!

Tsy mba nisy fijaliana
Na koa fahoriana
Mitovy amin’izany e
Tany Karbalà'zao!

Mampalahelo anay
Ary mahaory anay
‘Zany fahorian-dreo e
Tany Karbalà'zao!

* * *

**Ny marina amin'ny tantaran'ny
Imàm Houssein (a.s) tao Karbalà**

* * * * *



Nosoratan'ny Sheikh Salim Manrouf

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

"قُلْ لَا أَسْأَلُكُمْ عَلَيْهِ أَجْرًا إِلَّا الْمَوَدَّةَ فِي الْقُرْبَىٰ"

“Lazao hoe: Tsy mangataka tambiny aminareo amin’izany aho afa-tsy ny fitiavana ireo havana akaiky.”¹

قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ):

"مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ مَاتَ شَهِيدًا، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ مَاتَ مُغْفُورًا لَهُ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ مَاتَ تَائِبًا، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ مَاتَ مُؤْمِنًا مُسْتَكْمِلَ الْإِيمَانِ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ بَشَّرَهُ مَلَكُ الْمَوْتِ بِالْجَنَّةِ ثُمَّ مُنْكَرٌ وَنَكِيرٌ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ يُرْفُ إِلَى الْجَنَّةِ كَمَا تُرْفُ الْعُرُوسُ إِلَى بَيْتِ زَوْجِهَا، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ فَتَحَ لَهُ فِي قَبْرِهِ بَابَانِ إِلَى الْجَنَّةِ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ جَعَلَ اللَّهُ قَبْرَهُ مَزَارَ مَلَائِكَةِ الرَّحْمَةِ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى حُبِّ آلِ مُحَمَّدٍ مَاتَ عَلَى السُّنَّةِ وَالْجَمَاعَةِ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى بُغْضِ آلِ مُحَمَّدٍ جَاءَ يَوْمَ الْقِيَامَةِ مَكْتُوبًا بَيْنَ عَيْنَيْهِ آيِسٌ مِنْ رَحْمَةِ اللَّهِ، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى بُغْضِ آلِ مُحَمَّدٍ مَاتَ كَافِرًا، أَوْ لَا وَ مَنْ مَاتَ عَلَى بُغْضِ آلِ مُحَمَّدٍ لَمْ يَسْمَ رَائِحَةَ الْجَنَّةِ"².

Nilaza ilay Irak'i Allah (s.a.w) nanao hoe:

“Izay maty amin’ny fitiavana ny fianakavian’i Mouhammad dia maty maritiora; tsy marina ve fa izay maty amin’ny fitiavana ny fianakavian’i Mouhammad dia maty voavela heloka; tsy marina ve fa izay maty amin’ny fitiavana ny fianakavian’i Mouhammad dia maty ao anatin’ny fibebahana; tsy marina ve fa izay maty amin’ny fitiavana ny fianakavian’i Mouhammad dia mpino maty marina feno ny fananam-pinoany; tsy marina ve fa izay maty amin’ny fitiavana ny fianakavian’i

¹ Souratoush-shourà 42 :23

² مَصَادِرُ الشَّيْخَةِ:

- الصدوق في فضائل الشيعة: 2ح1 - والشيخ الطوسي في الامالي: 30، ط قديم - وابن الطريق في العمدة: 54 - و علامة الحلي في الرسالة السعدية: 22 - والمقدس الإدريلي في مجمع الفائدة: 7، 527 - والقمي في مئة منقبة: 64 - تاويل الآيات: 863، 1ح - والطبري في بشارة المصطفى: 36 و 197 - والخزاعي في الأربعين حديثاً: 1ح - وابن طاروس في الطرائف: 29 عن الثعلبي - والعلامة المجلسي في بحار الأنوار 7، 221 و 23، 233 و 27، 111 و 39، 277 - وشرف الدين في المراجعات: 69، 83 - و نجم الدين العسكري في مقام الإمام علي: 44 - ومنار الهدى: 594، عن ابن خالويه - والصافي في أمان الأمة: 191. مصادر السنة:

-الزمخشري في تفسير الكشاف: 3، 82، و2، 339، ط2 - وابن الفوطي في الحوادث الجامعة: 153 - والحموي الشافعي في فرائد السمطين: ب 49 - والقندوزي في ينابيع المودة: 27، 263 و 369 - والشبلنجي في نور الابصار: 104 - وعبيد الله أمر تسرى الحنفي في ارجح المطالب: 320 - وولي الله اللكهنوي في مرآة المؤمنين: 5 - وابن حجر الهيثمي في الصواعق المحرقة: 109 أوله - رشفة الصادي: 45 - نزهة المجالس: 469.

Mouhammad dia anehoan'ily Anjelin'ny fahafatesana vaovao mahafaly ho azy fa hiditra ao am-Paradisa avy eo manao toy izany koa i Mounkar sy i Nakir; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fitiavana ny fianakavian'i Mouhammad dia tarihina mankao am-Paradisa sahala amin'ny fitarihana ny vehivavy vao vita mariazy mankao an-tranon'ny vadiny; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fitiavana ny fianakavian'i Mouhammad dia sokafana ho azy ao anatin'ny fasany varavarana anankiroa mankany am-Paradisa; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fitiavana ny fianakavian'i Mouhammad dia ataon'i Allah ho fitsidihan'ireo Anjelim-pahasoavana ny fasany; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fitiavana ny fianakavian'i Mouhammad dia maty ao amin'ily sori-dàlana sy ao amin'ily fikambanana marina; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fankahalana ny fianakavian'i Mouhammad dia tonga amin'ny andro fitsanganana misoratra eo anelanelan'ny masonry roa hoe "ily kivy amin'ily famindrampon'i Allah"; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fankahalana ny fianakavian'i Mouhammad dia maty tsy mpino; tsy marina ve fa izay maty amin'ny fankahalana ny fianakavian'i Mouhammad dia tsy haheno ny fofon'ny Paradisa".

جَاءَ الْحَدِيثُ عَنِ النَّبِيِّ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ أَنَّهُ إِذَا كَانَ يَوْمَ الْقِيَامَةِ أَقُولُ لِأُمَّتِي: "كَيْفَ خَلَقْتُمُونِي فِي التُّفَلِينَ؟ فَيَقُولُونَ: أَمَّا الْأَكْبَرُ فَعَصِيَاءُ، وَأَمَّا الْأَصْغَرُ فَفَتَنَاءُ. فَأَقُولُ: أَسَلُّوا طَرِيقَ قَادَتِكُمْ فَيَنْصَرِفُونَ ضَمًّا مُسَوَّدَةً وَجُوهُهُمْ"¹

Voalaza ao amin'ny hadith izay voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) fa amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty dia hiteny amin'ireo vahoakakoAho hanao hoe :

“Nanao ahoana ny fandraisanareo ahy taoriako eo amin'ireo zavatra mavesa-danja anankiroa?”

Dia hamaly izy ireo hoe:

“Raha ny amin'ny lehibe dia efa notoherinay, fa ny amin'ny kely dia novonoinay”.

Koa hoy aho hoe: “manaraha ianareo ny làlan'ny mpitarikareo, ka hiaraka handeha izy ireo amin'ny tarehy mivalomainty”.

¹الخصال: ص 459، المسترشد ص 679، مثير الأحران ص 10.

Teny fanolorana

Ny tantaran'ny Imàm Houssein (a.s) mikasika ny fampahoriana nataon'ireo fahavalo Azy sy ireo fianakaviany, indrindra fa ny famonoana Azy tao Karbalà, dia tena manan-danja tokoa eo amin'ny tantaran'ny islam sy ny tantaran'izao tontolo izao satria na iza na iza olona fatrampaninika sy mahay mamakafaka tsara ny zava-nisy, eny fa na dia tsy mpino silamo aza, dia mahazo lesona fianarana sy tombontsoa maro avy amin'izany tantarany izany, izay tantaram-pitolomana nanoherany ny tsy fahamarinana sy ny fanagejana.

Izany tolona nataon'ny Imàm Houssein (a.s) izany dia sekoly hany tokana maharitra mandrakizay, mampianatra amin'ny alalan'ny fahaizana mandaha-teny sy ny zava-misy marina izay tsy tahaka ny sekoly hafa rehetra ary koa mampianatra amin'ny fomba miavaka izay tsy mba tahaka ny fampianaran'ny mpampianatra hafa rehetra.

Ny tolona nataon'ny Imàm Houssein (a.s) dia fanilo manokana izay nampielay sy mbola mampielay hatrany amin'ny vanim-potoana rehetra ny fahazavany mba hanazava ny lalana tokony hizoran'ireo izay nivily lalana no sady manala baraka an'ireo izay mpanimba ny asa fampielezana ny islam hatramin'izay ka hatramin'izao.

Ny tanjona fototra nahatonga izany tolona nataon'ny Imàm Houssein (a.s) izany, dia avy amin'ny andry lehibe eo amin'ny islam izay antsoina hoe “amrou bil-maenrouf wa nah'you anil-mounkar”; eny tsy midika anefa izany fa tsy misy tanjona masina maromaro hafa ankoatr'izany, fa ny tena lehibe amin'izy ireo dia io voalaza io, araka ny resaka nambaran'ny Imàm Houssein (a.s) tamin'Izy vao nanomboka niala tao Madīnah izay nilazany nanao hoe:

"إِنِّي مَا خَرَجْتُ أَشْرَأَ وَلَا بَطْرَأَ، وَلَا مُفْسِدًا، وَلَا ظَالِمًا، إِنَّمَا خَرَجْتُ لِطَلَبِ
الإِصْلَاحِ فِي أُمَّةٍ جَدِّي، أُرِيدُ أَنْ أَمَرَ بِالْمَعْرُوفِ وَأَنْهَى عَنِ الْمُنْكَرِ، وَأَسِيرُ بِسِيرَةِ
جَدِّي وَأَبِي".

“Tena marina fa Izaho dia tsy nivoaka nohon’ny fireharehana na fanambonian-tena, na ho mpanimba na ho mpanageja, fa kosa Izaho dia nivoaka mba hitady ny fanatsarana ny vahoakan’ny Raibeko. Izaho dia mila mananatra amin’ny tsara sy manakana ny ratsy, ary mizotra amin’ny lalana nizoran’ny Raibeko sy ny Raiko ...”.

Marihina fa ny tanjona amin’ny nanoratako an’ity boky ity dia tsy ny hanambara ireo tsiambaratelo sy ireo lesona izay azo tsoahina tamin’ny tolona nataon’ny Imàm (a.s) tao Karbalà, na dia izany aza no tena tsara hosoratana raha miresaka momba an’ny Imàm Houssein (a.s) sy ny tolona izay nataony, fa nohon’ny tsy fisian’ny fotoana malalaka ahafahana manoratra izany, sy nohon’ny fiangavian’ireo mpino maromaro tamiko mba hanoratra tantaran’i Karbalà na dia fohifohy ihany aza, dia voatery aho namaly izany fiangaviana izany ka nanoratra ity boky ity izay niainga avy tamin’ny boky malaza antsoina hoe *يَتَابِعُ الْمَوَدَّةَ لِذَوِي الْقُرْبَى*, “yanàbi’oul-mawaddah lidhawil-qourbà” nosoratan’ny manam-pahaizana sounnah antsoina hoe Cheikh Soulaïmàn Ibn Ibràhim Al-qoundouzi Al-hanafi, teraka tamin’ny daty 1220 H. ary maty tamin’ny 1294 H. Ary nisy manam-pahaizana shian antsoina hoe Sayyed Ali Djamàl Achraf Al-housseini no nanamarina io boky io.

Koa raha nandinika aho dia hitako fa tsara ny handikàna izany boky izany ho an’ireo izay mitady ny fahamarinana momba ny tantaran’ny Imàm Houssein (a.s).

Enga anie izy ity mba ho vatsy ho ahy sy ho an’ny ray amandreniko sy ireo izay nahitako an’ity finoana marina ity, ary koa izay rehetra nanampy ahy tamin’ny fanatontosana azy. Koa dia mangataka aho mba hatsangan’i Allah miaraka amin’ny Imàm Houssein (a.s) any amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty izahay rehetra voalazako teo ireo.

سالم معروف
Salim Manrouf

بسم الله الرحمن الرحيم

الحمد لله رب العالمين والصلاة والسلام على سيدنا محمد وآله الطيبين الطاهرين.

Ny Imàm Houssein Ibn Ali (a.s)

Anarany: Al-Houssein

Raibe avy amin'ny reniny: An-nabi Mohammad (s.a.w)

Raibe avy amin'ny rainy: Abou Twàlib (a.s)

Renibe avy amin'ny reniny: Khadîdjah Bint Khouwailid (a.s)

Renibe avy amin'ny rainy: Fâtwmah Bint Asad (a.s)

Rainy: Ali Amiroul-mou'eminin (a.s)

Reniny: Fâtwmah sayyatoun-nisà'il-anlàmin (a.s)

Rahalahiny avy amin'ny ray sy reniny: Al-Imàm Hassan (a.s)

Anabaviny avy amin'ny ray sy reniny: Zâinab sy Oummou Koulthoum.

Ny fahaterahany:

Teraka tao Madinah ny Imàm Houssein (a.s) tamin'ny andro fahatelon'ny volana Chaanbàn taona faha-4 hidjriyah, ary raha vao teraka Izy dia nentina tao amin'ny raibeny, ilay Irak'i Allah (s.a.w) izay faly dia faly tamin'izany ka nataony adhàn teo amin'ny sofiny havanana sy iqàmah teo amin'ny havia, avy eo nangarona ny lanilanin'ilay zaza tamin'ny alalan'ny rorany; nony tamin'ny fahafiton'ny andro nahaterahany dia nomeny anarana hoe Houssein Izy, ary nanao “anqîqah” ondry ho Azy, sy nibaiko ny reniny mba hanaratra ny lohany ka hamoaka ho “sadaqah” ny lanjan'ny volony amin'ny volafotsy.

Ny toe-batany:

Nanana toetra mitovy amin'ilay Irak'i Allah Izy, manana toe-batana sady tsy lava no fohy, somary mivelatra ny hadriny, manana somotra matevina, lehibe ny tratrany, matanjaka soroka, maventy taolana, ny felatanany sy ny faladiany dia be velarana, voloina ny tongony, mirafitra tsara ny vatany, ny volo-kodiny dia fotsy manompy mena.

Nitombo Izy (a.s) teo ambany aloky ny raibeny, ilay Iraka lehibe (s.a.w) izay nandray andraikitra nivantana tamin'ny fitaizana sy fanarahamaso Azy.

Ireo anarambositra fiantsoana Azy (a.s)

Ilay Hendry, ilay Mahatoky, ilay Tsara, ilay Madio, ilay Voahasina, ilay Mpankato izay sitrak'i Allah, ilay Porofon'ny tenan'i Allah, ilay zafy avy amin'ny zanakavavy, ilay lehiben'ireo tanoran'ny paradisa.

Tsy nisaraka tamin'ny rainy mihitsy Izy ary hita foana teo amin'ny madressah lehibe nandritra ny ampahefan'ny taonjato teo ho eo. Niaraka tamin-drainy tao anatin'ireo ady miisa telo nataon'ny rainy: dia ny adin'ny rameva sy ny adin'ny Siffine ary ny adin'ny Nahrwàn.

Ireo vadiny

- 1-Laïlah Bint Abi Mourrah Ibn Ounrwah Ibn Mas'ound Ath-thaqafi.
- 2-Oummou Is'haq Bint Twal'hà Ibn Onbaïdoullah At-tayoumï.
- 3-Shah Zanàn Bint Kisrà Yazdadjar (mpanjakan'i Perse).
- 4-Ar-roubàb Bint Imri'il-Kis Ibn Ondaïy.

Ireo zanany

Ireo zanany lehilahy dia ny Al-Imàm Zainoul-Anbidïn, i Ali Akbar, i Djaenfar, i Abdoullah, fa ny zanany vavy dia i Sakina, i Fàtwimah, i Roukayah.

Ny tombon-kasen'ny perany

Teo amin'ny perany dia nahitana tombon-kase voasikotra misoratra amin'ny teny arabo hoe: “Hasbiya Allah”.

Ny mpanao tononkalony

Izy (a.s) dia nanana mpiventy tononkalo manokana toa an'i Yahya Ibn Al-hakam sy ireo hafa.

Ny irakirany

As'and Al-hidjri no ilay ataony irakiraka.

* * *

﴿ فِي الْأَحَادِيثِ الْوَارِدَةِ فِي شَهَادَةِ الْحُسَيْنِ
صَلَوَاتُ اللَّهِ وَرَحْمَتُهُ وَبَرَكَاتُهُ وَسَلَامُهُ عَلَيْهِ
وَعَلَى أَهْلِ بَيْتِهِ وَمَنْ مَعَهُ دَائِمًا سَرْمَدًا ﴾

Mikasika ireo hadith malaza momba ny maritioran'i Houssein Tso-dranon'i Allah sy ny famindrampony sy ny fahasoavany ary ny fiadanany anie ho Aminy sy ho amin'ireo Ankohonany sy izay miaraka Aminy hatramin'izay ka ho mandrakizay.

- فِي الْمَشْكَاةِ: عَنْ أُمِّ الْفَضْلِ بِنْتِ الْحَارِثِ امْرَأَةِ الْعَبَّاسِ (رَضِيَ اللَّهُ عَنْهُمَا) إِنَّهَا دَخَلَتْ عَلَى رَسُولِ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) فَقَالَتْ: يَا رَسُولَ اللَّهِ، إِنِّي رَأَيْتُ حُلْمًا مُنْكَرًا اللَّيْلَةَ.

- Ao amin'ny boky al-mishkàt: avy tamin'i Oummoul-Falwl zanak'i Al-hàrith vadin'i Al-abbàs (fifalian'i Allah anie ho azy roa) fa izy dia tonga tao amin'ilay Irak'i Allah (s.a.w) ka niteny nanao hoe: “Ry Irak'i Allah, izaho dia nanonofy ratsy tamin'ny alina”.

قَالَ: مَا هُوَ؟

Hoy Izy (s.a.w) hoe: “inona izany?”

قَالَتْ: إِنَّهُ شَرِيرٌ.

Niteny izy hoe: “nofy tena ratsy izany.”

قَالَ: وَمَا هُوَ؟

Hoy Izy (s.a.w) hoe: “fa inona izany?”

قَالَتْ: رَأَيْتُ كَأَنَّ قِطْعَةً مِنْ جَسَدِكَ الْمُبَارَكِ قُطِعَتْ وَوُضِعَتْ فِي جُرِي.

Dia hoy izy hoe: “hitako toa nisy silaky ny vatanao masina no tapaka ka napetraka teo ampfoako”.

فَقَالَ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ): رَأَيْتَ خَيْرًا، تَلِدُ فَاطِمَةُ - إِنْ شَاءَ اللهُ تَعَالَى - غُلَامًا يُكُونُ فِي حِجْرِكَ.

Niteny Izy (s.a.w) hoe: “nahita hatsarana ianao, i Fâtwymah - raha sitrak’i Allah Avo Indrindra - dia hiteraka zazalahy ka hipetraka eo ampofoanao.”

قَالَتْ: فَوَلَدْتُ فَاطِمَةَ الْحُسَيْنِ، فَكَانَ فِي حِجْرِي، فَأَرْضَعْنَاهُ بِلَبَنِ قُنْمٍ، فَدَخَلْتُ يَوْمًا عَلَى النَّبِيِّ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) فَوَضَعْنَاهُ فِي حِجْرِهِ، ثُمَّ حَانَتْ مِنِّي التَّفَاتَةُ فَاذَا عَيْنَا رَسُولِ اللهِ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) تُهْرِقَانِ الدُّمُوعَ.

Hoy izy: “fa niteraka an’i Houssein tokoa i Fâtwymah, ary izy dia teo ampofoako, ka nampinonoiko tamin’ny ronono efa sorona Izy, ary indray andro aho nandeha tao amin’ily Mpaminany (s.a.w) ka napetrako teo ampofoany Izy, avy eo dia nitodika nijery Azy (s.a.w) aho dia tazako ireo mason’ily Irak’i Allah (s.a.w) fa kotsa-dranomaso”.

فَقُلْتُ: يَا رَسُولَ اللهِ بِأَيِّ وَامِّي مَا لَكَ؟

Fa hoy aho: “Ry Irak’i Allah, ataoko sorona ho Anao anie ny ray aman-dreniko fa inona no mahazo Anao?”

قَالَ: أَتَانِي جِبْرَائِيلُ (ع) فَأَخْبَرَنِي أَنَّ أُمَّتِي سَتَقْتُلُنِي ابْنِي هَذَا.

Namaly Izy (s.a.w) hoe: “tonga tamiko i Djabrâil (a.s) ka nanambara fa ny vahoakako dia hamono an’ity zanako ity.”

فَقُلْتُ: هَذَا؟

Hoy aho: “izy ity ve?”

قَالَ: نَعَمْ. وَآتَانِي بِثُرْبَةٍ مِنْ ثُرْبَتِهِ حَمْرَاءَ.

Hoy Izy hoe: “eny, ary izy dia nitondra ho ahy vovoka avy amin’ny vovon-taniny miloko menamena.”

- وَفِي جَمْعِ الْفَوَائِدِ: عَائِشَةُ رَفَعَتْهُ:
إِنَّ جِبْرَائِيلَ أَخْبَرَنِي أَنَّ ابْنِي حُسَيْنًا مَقْتُولٌ فِي أَرْضِ الطَّفِ، وَإِنَّ أُمَّتِي
سَتَقْتُلُنِي بَعْدِي.

- Ary ao amin'ny boky djam'oul-fawàid: nilaza i Aïchah nanao hoe:

“Nanambara tamiko i Djabràil fa ny zanako i Houssein dia hovanoina ao amin'ny tanin'i At-twaf, ary marina dia marina fa ny vahoakako dia hiharan'ny fitsapana any aoriako any.”

* * *

- وَفِي الْإِصَابَةِ: أَنَسُ بْنُ الْحَارِثِ بْنُ نَبِيهِ: قَالَ الْبَخَّارِيُّ فِي تَارِيخِهِ، وَالْبَعَوِيُّ، وَابْنُ السَّكِينِ، وَغَيْرُهُمَا: عَنِ أَشْعَثِ بْنِ سَحِيمٍ، عَنِ أَبِيهِ، عَنِ أَنَسِ بْنِ الْحَارِثِ، قَالَ:

- Ao amin'ny boky al-iswàbah: voaray avy tamin'i Anas zanak'i Al-hàrith zanak'i Nabih: nilaza i Al-boukhàrī ao amin'ny bokiny tantara, nilaza i Al-baghawī sy Ibn As-sakīn sy ny hafa ankoatr'azy roa hoe: avy tamin'i Ash'anth Ibn Sahīm, avy tamin'ny rainy, avy tamin'i Anas Ibn Al-hàrith, hoy izy hoe:

- سَمِعْتُ رَسُولَ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) يَقُولُ: إِنَّ ابْنِي هَذَا - يَعْنِي الْحُسَيْنَ - يُقْتَلُ بِأَرْضٍ يُقَالُ لَهَا "كَرْبَلَاءُ" فَمَنْ شَهِدَ ذَلِكَ مِنْكُمْ فَلْيَنْصُرْهُ. فَخَرَجَ أَنَسُ بْنُ الْحَارِثِ إِلَى كَرْبَلَاءَ فَقَاتَلَ بِهَا مَعَ الْحُسَيْنِ (عَلَيْهِ السَّلَام).

“Reko ilay Irak'i Allah (s.a.w) niteny hoe: ity zanako ity -izany hoe i Houssein- dia hisy hamono Azy ao amin'ny tany antsoina hoe Karbalà, koa izay mahita izany aminareo dia aoka hanavotra Azy.”

Koa lasa nankany Karbalà i Anas Ibn Al-hàrith ary novonoina tao niaraka tamin'i Houssein (fifalian'i Allah anie ho azy sy ho an'izay miaraka aminy).

* * *

- وَفِي كِتَابِ مَوَدَّةِ الْقُرْبَى: عَنِ الْحُسَيْنِ (ع) قَالَ: قَالَ لِي جَدِّي (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ): يَا بُنَيَّ إِنَّكَ لَكَبْدِي، طُوبَى لِمَنْ أَحَبَّكَ وَأَحَبَّ دُرِّيَّتَكَ، فَالْوَيْلُ لِقَاتِلِكَ يَوْمَ الْحَزَاءِ.

- Ao amin'ny boky mawaddatoul-qourbà: voaray avy tamin'i Houssein (a.s) izay niteny hoe:

Nilaza tamiko ny Raibeko (s.a.w) hoe: “ô ry zanako, marina dia marina fa ianao dia sombin'aiko, sambatra izay mitia anao sy mitia ny

taranakao, fa loza ho an'izay mpamono anao amin'ny andron'ny fitsarana.”

* * *

- وَأَخْرَجَ الْبَغَوِي فِي مَجْمَعِهِ، وَأَبُو حَاتِمٍ فِي صَحِيحِهِ، وَأَحْمَدُ وَابْنُ أَحْمَدَ، وَعَبْدُ بْنُ حَمِيدٍ وَابْنُهُ أَحْمَدُ: عَنْ أَنَسٍ:

- Navoakan'i Al-baghawī ao amin'ny bokiny madjmaen, sy navoakan'i Abou Hâtim ao amin'ny bokiny swahih, sy i Ahmad sy Ibn Ahmad, ary i Abd Ibn Hamid sy ny zanany i Ahmad: voaray avy tamin'i Anas izay nilaza nanao hoe:

إِنَّ النَّبِيَّ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) قَالَ: إِسْتَأْذَنَ مَلِكُ الْقَطْرِ رَبَّهُ أَنْ يَزُورَنِي فَأَذَّنَ لَهُ، وَكَانَ يَوْمَ أُمِّ سَلَمَةَ، فَقَالَ رَسُولُ اللهِ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) يَا أُمَّ سَلَمَةَ، احْفَظِي عَلَيْنَا الْبَابَ لَا يَدْخُلُ أَحَدٌ، فَبَيْنَا هِيَ عَلَى الْبَابِ إِذْ دَخَلَ الْحُسَيْنُ فَأَقْتَحَمَ فَوَثَبَ عَلَى حِجْرِ جَدِّهِ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) فَجَعَلَ رَسُولُ اللهِ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) يَلْتِمُهُ وَيُقْبَلُهُ.

Ilay Mpaminany (s.a.w) dia nilaza hoe: nangata-dàlana tamin'ny Tompony ny Anjely iray Al-qatwr mba hamangy Ahy fa dia nahazo alalana izy, ary izany dia tamin'ny andro anjaran'i Oummou Salamah, dia niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: ry Oummou Salamah, arovy ho antsika ny varavarana mba tsy hisy olona miditra, fa nony teo amin'ny varavarana izy dia niditra tampoka amboletra i Houssein ka nitsambikina teo ampofoan'ny raibeny (s.a.w) ary dia nanorokoroka sy nanafosafo azy ilay Irak'i Allah (s.a.w).

فَقَالَ لَهُ الْمَلِكُ: أَتُحِبُّهُ؟

Fa nanontany Azy (s.a.w) ilay Anjely hoe: “moa ve tianao izy?”

قَالَ: نَعَمْ.

Namaly Izy (s.a.w) hoe: eny.

قَالَ: إِنَّ أُمَّتَكَ سَفَقْتُهُ وَإِنْ شِئْتَ أُرِيكَ الْمَكَانَ الَّذِي يُقْتَلُ بِهِ. فَأَرَاهُ فَجَاءَهُ بِسَهْلَةٍ¹ وَتُرَابٍ أَحْمَرَ، فَأَخَذَتْهُ أُمُّ سَلَمَةَ فَجَعَلَتْهُ فِي ثَوْبِهَا.

¹ وَالسَّهْلَةُ: رَمْلٌ خَشِينٌ.

Dia hoy izy hoe: ny vahoakanao no hamono Azy ary raha tianao dia ampahitako Anao ny toerana izay hamonoana Azy”.

Koa dia nampahitany azy ny tany malemy sy vovon-tany mena, ary noraisin’i Oummou Salamah izany ka napetrany tao anaty lambany.

قَالَ ثَابِتٌ : كُنَّا نَقُولُ : إِنَّهَا كَرْبَلَاءُ .
وَرَادَ أَبُو حَاتِمٍ : إِنَّهُ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) سَمَّهَا وَقَالَ : رِيحُ كَرْبَلَاءَ .

Nilaza i Thàbit hoe: izahay taloha dia milaza hoe: izy io dia Karabalà.

Nanampy izany i Abou Hàtim nilaza hoe: Izy (s.a.w) dia nanombolo izany ary niteny hoe: “fofon’i Karbalà”.

* * *

- وَفِي رِوَايَةِ الْمَلَّا وَابْنِ أَحْمَدَ :
قَالَ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) : يَا أُمَّ سَلْمَةَ ، فَمَتَى صَارَ دَمًا فَأَعْلَمِي أَنَّهُ قُتِلَ .
قَالَتْ أُمَّ سَلْمَةَ : فَوَضَعْتُهُ فِي قَارُورَةٍ فَرَأَيْتُهُ يَوْمَ قُتِلَ الْحُسَيْنُ قَدْ صَارَ دَمًا .
وَقَالَتْ : لَمَّا كَانَتْ لَيْلَةُ قَتْلِهِ سَمِعْتُ قَائِلًا يَقُولُ :

أَيُّهَا الْقَاتِلُونَ جَهْلًا حُسَيْنًا
قَدْ لَعِنْتُمْ عَلَى لِسَانِ ابْنِ دَاوُدَ
فَأَبْشِرُوا بِالْعَذَابِ وَالتَّذَلِيلِ
وَمُوسَى وَحَامِلِ الْإِنْجِيلِ

- Ao amin’ny hadith voaray avy tamin’i Al-mallà sy Ibn Ahamd:
Nilaza Izy (s.a.w) hoe: “ry Oummou Salamah, rehefa hitanao fa miova rà izany dia fantaro amin’izay fotoana izay fa novonoina Izy”.

Niteny i Oummou Salamah hoe: “fa nataoko tao anaty tavoahangy izany, ary tamin’ny andro namonoana an’i Houssein dia hitako niova rà ilay tany”.

Ary hoy ihany izy hoe: tamin’ny alin’ny namonoana Azy dia naheno feo aho niteny hoe:

*Ô ianareo mpamono izay tsy mahalala an’i Houssein
Miandrasa ianareo amin’ily sazy sy ilay fahafaham-baraka
Efa voaozona ianareo tamin’ny lelan’ny zanak’i Daoud
Sy i Moussa ary ilay mpitondra ny Evanjely.*

Koa dia nitomany aho ary novahaiko ilay tavoahangy fa lasa niova rà ny tao anatiny.

* * *

- وَأَخْرَجَ التِّرْمِذِيُّ: عَنْ سَلْمَى - إِمْرَأَةٍ مِنَ الْأَنْصَارِ - قَالَتْ:

-Navoakan'ny manam-pahaizana sounni antsoina hoe At-tirmidhi: avy tamin'i Salmà - vehivavy iray avy amin'ireo foko Al-answàr - izay nilaza nanao hoe:

دَخَلْتُ عَلَى أُمِّ سَلْمَةَ وَ هِيَ تَبْكِي، فَقُلْتُ: مَا يُبْكِيكِ؟ قَالَتْ: رَأَيْتُ رَسُولَ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) فِي الْمَنَامِ وَعَلَى رَأْسِهِ وَلِحْيَتِهِ التُّرَابُ، فَقُلْتُ: مَا لَكَ يَا رَسُولَ اللَّهِ؟

Niditra tao amin'i Oummou Salamah aho ary hitako nitomany izy, dia nanontany aho hoe: inona no mampitomany anao? Namaly izy hoe: hitako tamin'ny nofy ilay Irak'i Allah (s.a.w) ary teo amin'ny lohany sy ny somony dia nisy vovoka, ka hoy aho hoe: naninona Ianao ô ry Irak'i Allah?

قَالَ: شَهِدْتُ قَتْلَ الْحُسَيْنِ أَنْفَاءً.

Namaly Izy hoe: “nahita ny famonona an'i Houssein aho teo vao tsy ela”.

قَالَتْ أُمُّ سَلْمَةَ: مَا سَمِعْتُ نَوْحَةَ الْجَنِّ مُنْذُ قُبِضَ رَسُولُ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) إِلَّا لَيْلَةَ الَّتِي قُتِلَ قَبْلَهَا الْحُسَيْنُ.

أَيُّهَا الْقَاتِلُونَ جَهْلًا حُسَيْنًا
فَأَبْشِرُوا بِالْعَذَابِ وَالتَّذَلِيلِ
وَمُوسَى وَحَامِلِ الْإِنجِيلِ
قَدْ لَعِنْتُمْ عَلَى لِسَانِ ابْنِ دَاوُدَ

Niteny i Oummou Salamah hoe: izaho dia tsy naheno feona jiny hatramin'ny nahafatesan'ilay Irak'i Allah (s.a.w) raha tsy tamin'ny alina izay nialohan'ny namonoana an'i Houssein.

*Ô ianareo mpamono izay tsy mahalala an'i Houssein
Miandrasa ianareo amin'ilay sazy sy ilay fahafaham-baraka
Efa voaozona ianareo tamin'ny lelan'ny zanak'i Daoud
Sy i Moussà ary ilay mpitondra ny Evanjely.*

* * *

وَلنُورِدَ مَا فِي جَمْعِ الْفَوَائِدِ:

‘Ndeha hojerentsika izay voalaza ao amin’ny boky djam’oul-fawàid:

- الشَّعْبِيُّ: رَأَيْتُ (فِي النَّوْمِ كَأَنَّ) رَجَالًا مِّنَ السَّمَاءِ نَزَلُوا مَعَهُمْ حَرَابٌ يَّبْعُونَ قَتْلَةَ الْحُسَيْنِ، فَمَا لَبِثْتُ أَنْ نَزَلَ الْمُخْتَارُ فَقَتَلَهُمْ.

-Nilaza ilay manam-pahaizana sounnah antsoina hoe Ash-shaenbi nanao hoe: hitako (tamin’ny nofy fa toa) nisy lehilahy maromaro avy any amin’ny lanitra no nidina, mitondra fitaovam-piadiana izy ireo nandeha nanaraka ireo namono an’i Houssein, fa tsy ela taorian’izay dia nivoaka i Al-moukhtâr ka namono azy ireo.

* * *

- الزَّهْرِيُّ: قَالَ مَا رُفِعَ بِالشَّامِ حَجْرٌ (يَوْمَ قِتْلِ الْحُسَيْنِ) إِلَّا وَجَدَ تَحْتَهُ دَمٌ. وَ (فِي رِوَايَةٍ): لَمْ تُرْفَعْ حِصَاةٌ بِنَيْتِ الْمَقْدَسِ إِلَّا وَجَدَ تَحْتَهَا دَمٌ عَيْبُطٌ.

-Nilaza i Az-zahrî hoe: “tsy nisy vato tao an-tanànan’i Shàm tamin’ny andro namonoana an’ny Imàm Houssein raha tsy hita teo ambaniny ny rà”.

Fa amin’ny hadith hafa dia milaza manao hoe: “tsy nisy vato nonjonina tao amin’ily Trano masin’i Jerosalema raha tsy nahitana rà velona teo ambaniny”.

* * *

- أَبُو قُبَيْلٍ: لَمَّا قُتِلَ الْحُسَيْنُ انْكَسَفَتِ الشَّمْسُ حَتَّى بَدَتِ الْكَوَاكِبُ ...

اللَّيْثُ بْنُ سَعْدٍ: إِنَّهُ قُتِلَ مَعَ الْحُسَيْنِ الْعَبَّاسِ بْنِ عَلِيِّ بْنِ أَبِي طَالِبٍ وَ أُمُّهُ أُمُّ الْبَيْتِ وَ جَعْفَرُ وَ عَبْدِ اللَّهِ وَ عُثْمَانُ وَ أَبُو بَكْرٍ، هُمْ بَنُو عَلِيِّ بْنِ أَبِي طَالِبٍ، وَ أُمُّ أَبِي بَكْرٍ لَيْلَى بِنْتُ مَسْعُودٍ، وَ عَلِيُّ الْأَكْبَرُ بْنُ الْحُسَيْنِ، وَ أُمُّهُ لَيْلَى التَّقْفِيَّةُ، وَ عَبْدِ اللَّهِ بْنُ الْحُسَيْنِ، وَ أُمُّهُ الرَّبَابُ مِنْ بَنِي كَلْبٍ، وَ هُوَ رَضِيعٌ، وَ أَبُو بَكْرٍ بْنُ الْحَسَنِ وَ عَوْنٌ وَ مُحَمَّدٌ بَنُو عَبْدِ

اللهِ بْنِ جَعْفَرِ بْنِ أَبِي طَالِبٍ، وَمُسْلِمٌ وَجَعْفَرُ بْنُ عَقِيلِ بْنِ أَبِي طَالِبٍ، وَ سُلَيْمَانُ مَوْلَى
الْحُسَيْنِ .

- Nilaza i Abou Qoubaïl nanao hoe: “rehefa novonoina i Houssein dia takona ny masoandro hatramin’ny nampiharihary an’ireo kintana”

Nilaza i Al-lith Ibn Saand hoe: “Novonoina niaraka tamin’i Houssein i Abbàs zanak’i Ali Ibn Abi Twàlib ary ny reniny dia i Oummou Banin, sy i Djaenfar sy i Abdoullah sy i Othmàn sy i Abou Bakr, izy ireo dia taranak’i Ali Ibn Abi Twàlib ary ny renin’i Abou Bakr dia i Laïlà Bint Mass’ound, sy i Ali Al-Akbar Ibnoul-Houssein, ary ny reniny dia i Laïla Ath-thaqafiyah, sy Abdoullah Ibnoul-Houssein ary ny reniny dia i Roubàb avy amin’ny fokon’i Kalb, izy dia zazamena vava, sy i Abou Bakr zanak’i Hassan, sy i Anwn ary i Mouhammad izy roa dia zanak’i Abdoullah Ibn Djaenfar Ibn Abi Twàlib, ary i Mouslim sy Djaenfar izay samy zanak’i Anqil Ibn Abi Twàlib izy roa ireo, ary i Soulaïmàn mpanompon’i Houssein”.

* * *

- أَبُو قُبَيْلٍ: لَمَّا قُتِلَ الْحُسَيْنُ احْتَزُّوا رَأْسَهُ وَ قَعَدُوا فِي أَوَّلِ مَرَحَلَةٍ يَسْرَبُونَ
النَّبِيَّ فَخَرَجَ قَلَمٌ مِنْ حَدِيدٍ مِنْ حَائِطٍ فَكَتَبَ بِدَمِّ:

أَتَرْجُو أُمَّةً قَتَلَتْ حُسَيْنًا شَفَاعَةَ جَدِّهِ يَوْمَ الْحِسَابِ

فَهَرَبُوا فَتَرَكَوا الرَّأْسَ الشَّرِيفَ الْمُبَارَكِ، ثُمَّ رَجَعُوا (هُؤَلَاءِ الْأَحَادِيثُ
أَخْرَجَهَا الطَّبْرَانِيُّ فِي الْكَبِيرِ).

- Nilaza i Abou Qoubaïl hoe: “tamin’ny fotoana namonoana an’i Houssein dia notapahin’izy ireo ny lohany ary nipetraka nisotro labiera izy ireo tamin’ny toeram-pijanonana voalohany, fa teo noho eo dia nivoaka avy tamin’ny rindrina ny penina vy nanoratra tamin’ny ranomainty rà toy izao:

*Mitavandra ve ny vahoaka namono an'i Houssein
Ny fanavotan'ny Raibeny any amin'ny andro fitsarana?*

Teo noho eo dia lasa nandositra izy ireo ary namela ilay loha masina feno fahasoavana, fa niverina ihany izy ireo avy teo. (*Ireo hadith ireo dia navoakan'i At-twabran'i ao amin'ilay boky al-kabir*).

* * *

- مُحَمَّدُ بْنُ الْحَنَفِيَّةَ قَالَ: قُتِلَ مَعَ الْحُسَيْنِ سَبْعَةٌ عَشَرَ كُلُّهُمْ اِتَّصَلَ فِي رَحْمِ فَاطِمَةَ.

-Nilaza i Mouhammad Ibn Hanafiyah hoe: “nisy fito ambin'ny folo no novonoina niaraka tamin'i Houssein izay samy nanana rohim-pihavanana tamin'i Fàtwimah.

- عَمَّارَةُ بْنُ عَمِيرٍ قَالَ:

لَمَّا جِيءَ بِرَأْسِ عَبْدِ اللَّهِ بْنِ زِيَادٍ وَأَصْحَابِهِ نُضِدَتْ فِي الْمَسْجِدِ فِي الرَّحْبَةِ فَأَنْتَهَيْتُ إِلَى النَّاسِ وَهُمْ يَقُولُونَ: قَدْ جَاءَتْ قَدْ جَاءَتْ، فَإِذَا حَيَّةٌ قَدْ جَاءَتْ تَخَلَّلَ الرَّؤُوسَ حَتَّى دَخَلَتْ فِي مَنْحَرِ عَبْدِ اللَّهِ بْنِ زِيَادٍ، فَمَكَتَتْ هُنَيْهَةً ثُمَّ حَرَجَتْ فَذَهَبَتْ حَتَّى تَغَيَّبَتْ ثُمَّ قَالُوا: قَدْ جَاءَتْ، قَدْ جَاءَتْ فَفَعَلْتُ ذَلِكَ مَرَّتَيْنِ أَوْ ثَلَاثًا (لِلتِّرْمِذِيِّ).

-Nilaza i Ammàrah Ibn Oumair hoe: “Rehefa nentina ilay lohan'i Obaïdoullah Ibn Ziyad sy ireo mpanara-diany dia nangonina teo amin'ny toerana malaladalaka tao amin'ny Moske ary nony tonga teo amin'ny olona aho dia tratrako izy ireo milaza hoe: efa tonga, efa tonga, ary teo noho eo dia nisy bibilava niseho izay nisisika tao amin'ireo loha ireo hany ka tafiditra tao anatin'ny oron'i Obaïdoullah Ibn Ziyad, nitoetra tao izy nandritra ny fotoana fohy izay vao nivoaka nandeha ka nanjavona, avy eo dia nilaza izy ireo hoe: efa tonga, efa tonga, ary nanao izany fihetsika izany ilay bibilava in-droa na in-telo”. (Hita ao amin'ny bokin'i At-tirmidhi).

* * *

- وَ رَوَى ابْنُ الْجَوْزِيِّ: عَنِ ابْنِ سَرِيْنٍ: إِنَّ الدُّنْيَا أَظْلَمَتْ ثَلَاثَةَ أَيَّامٍ وَ ظَهَرَتْ الحُمْرَةُ فِي السَّمَاءِ.

-Ary voarain'Ibn Al-djawzī avy tamin'Ibn Sirīn hoe: “ny tany dia maizina nandritra ny telo andro ary hita miharihary ilay taratra mena eny amin'ny lanitra”.

- وَ فِي رِوَايَةٍ: إِنَّ السَّمَاءَ أَمْطَرَتِ الدَّمَ عَلَى الْبُيُوتِ وَالْجُدْرَانِ بِخُرَاسَانَ وَالشَّامِ وَالْعِرَاقِ، وَ (إِنَّهُ) لَمَّا جِيءَ بِرَأْسِ الْحُسَيْنِ (عليه السلام) إِلَى دَارِ ابْنِ زِيَادٍ صَارَ لَوْنُ حَيْطَانِهَا دَمًا.

-Ary ao amin'ny hadith iray dia milaza manao hoe: “ny lanitra dia nandatsaka orana rà teo ambonin'ireo trano sy ireo rindrina tao Khoràsàn sy tao Chàm ary tao Iraq”. Ary rehefa nentina ny lohan'i Houssein teo anatrehan'Ibn Ziyàd dia nivadika niova rà ny lokon'ireo rindrina”.

* * *

- أَخْرَجَ النَّعْلَبِيُّ: إِنَّ السَّمَاءَ بَكَتْ وَ بَكَوْهَا حُمْرُهَا.

-Nilaza i Ath-thaenlabī hoe: “ny lanitra dia nitomany ary ny fitomaniany dia tarany mena”.

وَقَالَ غَيْرُهُ: إِحْمَرَّتْ أَفَاقُ السَّمَاءِ سِتَّةَ أَشْهُرٍ بَعْدَ قَتْلِ الْحُسَيْنِ (عليه السلام) ثُمَّ لَا زَالَتْ الْحُمْرَةُ تُرَى بَعْدَ ذَلِكَ.

-Ary nilaza ny ankoatr'azy hoe: “nitomara mena ireo vodin'ny lanitra nandritra ny enim-bolana taorian'ny namonoana an'i Houssein (a.s) avy eo tavela hita foana ilay taratra mena taorian'izany”.

وَإِنَّ ابْنَ سَبْرِينَ قَالَ: إِنَّ الْحُمْرَةَ الَّتِي مَعَ الشَّفَقِ لَمْ تَكُنْ حَتَّى قُتِلَ الْحُسَيْنُ (عليه

السلام).

-Ary nilaza Ibn Sirīn hoe: “ny taratra mena izay miaraka amin'ny fiandohan'ny alina dia tsy mba nisy teo aloha mandra-pamonoana an'i Houssein (a.s)”.

وَدَكَرَ ابْنُ سَعْدٍ: إِنَّ هَذِهِ الْحُمْرَةَ لَمْ تُرَ فِي السَّمَاءِ قَبْلَ قَتْلِهِ (عليه السلام).

Nilaza Ibn Saand hoe: “ity taratra mena ity dia tsy hita teo amin'ny lanitra talohan'ny namonoan'Azy (a.s)”.

قَالَ ابْنُ الْجَوْزِيِّ: وَحِكْمَتُهُ: إِنَّ غَضَبَنَا يُؤْتِرُ حُمْرَةَ الْوَجْهِ، وَالْحَقُّ مُنْزَرَةٌ عَنِ الْجِسْمِيَّةِ، فَأَظْهَرَ تَأْثِيرَ غَضَبِهِ عَلَى قَتْلَةِ الْحُسَيْنِ بِحُمْرَةِ الْأُفُقِ، إِظْهَاراً لِعَظَمِ الْحِنَايَةِ.

Nilaza Ibnoul-Djawzī: ary ny filôzôfiany dia hoe: “rehefa isika no tezitra dia mahatonga ny tarehy mivaramena, fa Ilay Haqq -Allah- dia mihataka amin’izany -noho Izy tsy manam-batana- ka naneho ny mariky ny hatezerana amin’ireo izay namono an’i Houssein ny taratra mena eny amin’ny vodin’ny lanitra, izany dia fanehoana ny mahagoavana an’ilay fahotana”.

* * *

قَالَ: وَأَنْبِيئُ عَبَّاسٍ (عليه السلام) بِبَدْرٍ وَهُوَ أَسِيرٌ مَنَعَ النَّبِيَّ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) عَنِ النَّوْمِ، فَكَيْفَ بِأَبْنِ الْحُسَيْنِ (عليه السلام).

Hoy izy: “Ny fitarainan’ i Abbàs (a.s) -dadatoan’ny Mpaminany -tamin’ny adin’i Badr rehefa izy nobaboina dia nahatonga an’ny Mpaminany (s.a.w) tsy nahita torimaso, koa ahoana tamin’ny fitarainan’i Houssein (a.s) -tao Karbalà-?”

وَلَمَّا أَسْلَمَ وَحَشِيٌّ وَهُوَ قَاتِلُ حَمْرَةَ قَالَ لَهُ النَّبِيُّ (صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) مُغْضِباً: غَيْبٌ وَجْهَكَ عَنِّي فَإِنِّي لَا أَحِبُّ أَنْ أَرَى مَنْ قَتَلَ الْأَحَبَّةَ.... فَكَيْفَ لَا يَغْضَبُ عَلَى مَنْ قَتَلَ الْحُسَيْنَ (عليه السلام) وَأَمَرَ بِقَتْلِهِ وَحَمَلَ أَهْلَهُ عَلَى أَقْتَابِ الْجَمَالِ.

Rehefa niditra ho silamo i Wahshī izay namono an’i Hamzah dia niteny taminy an-katezerana ilay Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: “Alaviro amiko ny endrikao fa Izaho dia tsy mitia ny mahita izay namono ny olontiana Koa ahoana moa Izy no tsy ho tezitra amin’izay namono an’i Houssein (a.s) sy izay nampamono Azy ary izay nitondra ny fianakaviany teo ambony fitoeran’entan’ireo rameva”.

* * *

Nanao fanekem-pankatoavana an’ny Imàm Hassan (a.s) rahalahiny ny Imàm Houssein (a.s) taorian’ny nahamaritiora ny Rain’Izy ireo, Amìroul-mou’eminin (a.s) tamin’ny taona faha-40 hidjr ary nanaja Azy tafahoatra tokoa nohon’ny voninahitry ny fitarihana sy ny firahalahiana, araka ny voalazan’ily manam-pahaizana At-twabrasī avy tamin’ny Imàm As-swadiq (a.s) izay niteny nanao hoe:

"مَا مَشَى الْحُسَيْنُ بَيْنَ يَدَيِ الْحَسَنِ قَطُّ وَلَا بَدْرَهُ بِمَنْطِقٍ إِذَا اجْتَمَعَا تَعْظِيمًا لَهُ"

Izany hoe: “Tsy mbola namindra mihitsy i Houssein nialohan’i Hassan no sady tsy nanomboka niteny nialoha Azy rehefa Izy roa tafahaona nohon’ny fanajana Azy”.

Houssein (a.s) dia niaina folo taona taorian’i Hassan (a.s) rahalahiny. Tamin’izay fotoana izay dia Izy no Imàm voadidy mba hankatoavina, izay zafin’ily Irak’i Allah (s.a.w) avy amin’ny zanany vavy sy sombin’ainy ary faharoan’ireo zava-manan-danja anankiroa izay napetran’ily Iraka (s.a.w) teo amin’ny vahoaka, dia ilay Boky sy ny fianakaviany masina. Izy (a.s) no ilay lehiben’ireo tanoran’ny Paradisa.

Niala tao an-tanànan’i Madīna ny Imàm Houssein (a.s) niaraka tamin’ireo fianakaviany sy ny mpanara-diany nizotra nankany Makka, fa tsy nanaiky ny hanao fanekem-pankatoavana an’i Yazid. Ny andro nialany dia ny alin’ny Alahady, roa andro nialohan’ny fahataperan’ny volana Rajab taona faha-60 hidjriyah, ary tamin’izany Izy (a.s) dia namaky ilay tenin’i Allah manao hoe:

”فَخَرَجَ مِنْهَا خَائِفًا يَتَرَقَّبُ قَالَ رَبِّ نَجِّنِي مِنَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ“

“Niala tao Izy, matahotra sady mijerijery ny manodidina Azy, hoy Izy hoe Tompo ô, avoty amin’ireo vahoaka mpanageja Aho”¹

Tonga tao Makka ny Imàm Houssein (a.s) tamin’ny fahatelon’ny andron’ny volana Chaanbàn taona faha-60 hidjriyah no sady namaky ilay tenin’i Allah manao hoe:

¹ Souratoul-qaswas and-21

"وَلَمَّا تَوَجَّهَ تَلْقَاءَ مَدْيَنَ قَالَ عَسَى رَبِّي أَنْ يَهْدِيَنِي سَوَاءَ السَّبِيلِ"

“Rehefa nandeha nankany Madiana Izy, dia niteny hoe: mirary ny hitarihan’ny Tompoko amin’ny làla-mahitsy Aho.”¹

Tonga Taminy (a.s) ireo taratasy maromaro avy tamin’ny vahoakan’i Koufa maneho ny fanekem-pankatoavana Azy, ka nahatratra roa arivo sy iray alina no isan’ireo tatarasy ireo.

Nandefa an’i Mouslim Ibn Anqil, zanaky ny dadatoany ny Imàm Houuseïn (a.s) nankany Koufa mba ho masoivoho sy ho solontenany.

Naheno vaovao Izy fa i Yazid zanak’i Mouànwiyah -ozon’i Allah anie ho azy ireo- dia nandefa iraka mba hamono Azy, na dia hita ao ambadiky ny lamban’ny Kaanbah aza Izy, ka voatery Izy niala tao Makka ny faha-8 volana Dhil-hadj taona 60 hidjriyah taorian’ny nanaovany ny lahateny izay nampiharihary ny asa fampielezany.

Nizotra nankany Irak Izy (a.s) nanaraka ny làlan’i Koufa fa nosakanan’ily irak’Ibn Zyad izay antsoina hoe Al-hourr Ibn Yazid Riyahî ka nahatonga Azy nivily làlana nankany Karbalà ary tonga tao Izy ny faha-2 andron’ny volana Mouharram 61 hidjriyah. Ary tsy ela akory ny nahatongavany tao Karbalà dia efa voahodidin’ireo miaramilan’Ibn Ziyad izay miisa telo arivo Izy (a.s).

Maty maritiora Izy (a.s) sy ireo havany akaiky ary ireo mpanaradiany rehetra tamin’ny faha-10 volana Mouharram taona 61H. ka nentina ny lohany masina nankany Koufa tamin’ny alin’ny faha-11 volana Mouharram 61H. fa tamin’ny andron’io daty io kosa ireo havany akaiky no nentina ho babo niala tao Karbalà nankany Koufa ihany koa, avy eo vao nentina nankany Chàm.

Nalevin’ily zanany, i Zaïnoul-Abedine (a.s) Izy (a.s) tamin’ny faha-13 volana Mouharram 61H.

¹ Souratoul-qaswas and-22

Ny olona voalohany namangy Azy (a.s) dia ilay mpanara-dian'ny Mpaminany (s.a.w) lehibe antsoina hoe Djàbir Ibn Abdillāh Al-answàri tamin'ny faha-20 volana Safar 61H. Torak'izany koa ilay zanany, i Zāinoul-Abedine (a.s) dia tonga namangy Azy (a.s) niaraka tamin'ireo fianakaviany sisa tavela, tamin'io daty io ary izany dia tamin'Izy ireo niverina nankany Madīna taorian'ny namezivezena Azy ireo tao Koufa sy tao Chàm.

Ny fasany (a.s) dia ao Karbalà miaraka amin'ireo fasan'ireo zanany sy ireo mpanara-diany izay maty maritiora. Izany fasany izany dia mifaninana amin'ny seza fiandrianan'ny lanitra amin'ny alalan'ny voninahitra sy ny fahazavana. Eo ambonin'ny fasany dia misy tilikambo volamena izay tazana na dia any amin'ny halavirana am-polony kilaometatra maromaro aza, ary eo anilany dia mijoro avo dia avo ihany koa ny tilikambon'ny fasan'ny rahalahiny, ny sayyed Aboul-falwl Abbàs (a.s). Ireo silamo maneran-tany dia tonga maro manao tohivakana izaitsizy mba hanao famangiana Azy sy hanao swalāt eo amin'io toerana masina io no sady hangataka sy hitalaho eo akaikin'ny lohany (a.s) masina.

Mouànwiyah izay mpanjakn'i Chàm dia nametraka hafatra tamin'i Yazid zanany tamin'ny tsy nahateo azy ka nanoratra taminy nanao hoe:

"يَا بُنَيَّ، قَدْ وَطَّئْتُ لَكَ الْبِلَادَ، وَ ذَلَّلْتُ لَكَ الرَّقَابَ الشَّدَادَ، وَ لَسْتُ أُخْشَى
عَلَيْكَ إِلَّا مِنْ الْحُسَيْنِ بْنِ عَلِيٍّ فَإِنَّهُ لَا يُبَايِعُكَ"

“Ô ry zanako, efa nomaniko ho anao ireo tanàna, ary nataoko malemy ho anao ireo olona mafy hatoka, ary tsy misy atahorako ho anao afa-tsy i Houssein zanak'i Ali fa izy dia tsy hanao fanekem-pankatoavana anao”.

Avy eo nomeny an'ilay olona antsoina hoe الضَّحَّاكُ بْنُ قَيْسٍ Alw-lwahàk Ibn Qīs ilay taratasy, ka nodidiany mba haterina any amin'i Yazid izany. Ny mponina tao amin'ireo tanàna rehetra dia nanao fanekem-pankatoavana azy avokoa afa-tsy ny mponin'i Koufa sy i Madīna ihany.

* * *

[أَخَذُ الْبَيْعَةَ]

Fanekem-pankatoavana

Yazid dia nanoratra tamin'i Al-walid Ibn Antabah izay governora tao Madīna tamin'izany vanim-potoana izany. Ilay taratasy dia nibaiko azy mba hampanao an'ireo mponin'i Madīna ny fanekem-pankatoavana ho azy arak'izao voasoratra izao:

“Izay tsy manaiky manao fanekem-pankatoavana aminao dia alefaso amiko ny lohany”.

Ary nantsoin'i Al-walid ny Imàm Houssein ka nasehony taminy ilay taratasy nefa tsy nanaiky nanao fanekem-pankatoavana Izy, avy eo dia niteny i Marwan Ibn Al-hakam nanao hoe:

“Ry Walid, tandremo mba tsy hivoaka Izy fa aza mandefa olona Aminy mandra-panaovany ny fanekem-pankatoavana fa raha tsy izany dia tapaho ny tendany.”

Koa rehefa henon'ny Imàm Houssein (a.s) ilay teny dia nilaza Izy nanao hoe:

"يَا ابْنَ الزَّرْقَاءِ أَنْتَ تَقْتُلُنِي أَمْ هُوَ لَاءِ، لَا أُمَّ لَكَ يَا ابْنَ اللَّخْنَاءِ"

“Ô ry zanak'ilay fotsy maso, ianao ve no hamono ahy sa izy ireo, tsy manan-dreny anie ianao ry zanak'ilay ratsy fofona.”

Avy eo dia lasa nivoaka Izy (a.s).

Ary niteny i Marwan tamin'i Al-walid hoe:

“Ianao dia nanohitra ahy, mianiana amin'i Allah aho fa ianao dia tsy hahavita ny hitovy aminy mihitsy”.

Namaly azy i Al-walid hoe:

“Ianao no nampisafidy ahy amin'izay maharendrika ahy sy ny fianakaviako, ary mianiana amin'i Allah aho fa izaho dia tsy mitia ny hahazo ny harena eto an-tany amin'ny alalan'ny famonoako an'ny Imàm Houssein (a.s).”

* * *

[خُرُوجُ الْحُسَيْنِ مِنَ الْمَدِينَةِ]

Fivoahan'i Houssein niala tao Madina

Tonga i Houssein teo amin'ny fasan'ny Raibeny (s.a.w) ka nitomany sady niteny hoe:

"يَا جَدِّي إِنِّي أَخْرُجُ مِنْ جِوَارِكَ كُرْهًا، لِأَنِّي لَمْ أَبَايَعْ يَزِيدًا شَارِبَ الْخُمُورِ وَ
مُرْتَكِبَ الْفُجُورِ"

“Ry Raibeko, izaho dia hiala eo akaikinao antery, noho izaho tsy nanao fanekem-pankatoavana tamin'i Yazid ilay mpisotro toaka sy ilay mpijangajanga.”

Tao ao anatin'ny fitomaniana Izy (a.s) dia rendremana ka nahita tamin'ny nofy ny Raibeny (s.a.w) izay naka Azy teo ampofoany ka nanoroka Azy teo amin'ny masony ary niteny nanao hoe:

“Ry zanako, ry malalako, hitako sahady Ianao fa kotsan'ny rànao, notapahina ny hatokao, amin'ny tany antsoina hoe Karbalà, nefa ianao amin'izany fotoana izany dia ao anatin'ny hetaheta, ary ireo fahavalonao no manantena ny fanavotana avy amiko, tsy eken'i Allah ho azy ireo anefa izany. Ry zanako, ry malalako, tena marina fa ny Rainao sy ny Reninao sy ny Renibenao sy ny Rahalahinao, ny dadatoanao, ny dadatoan'ny Rainao, ny anadahin-dReninao, ny rahavavin-dReninao, ny nenitoanao, Izy rehetra ireo dia mangoraka Anao, ary tena marina fa Ianao dia manana voninahitra ao am-Paradisa izay tsy ho azonao mihitsy raha tsy amin'ny alalan'ny fahafatesanao maritiora, ary Ianao sy ny Rainao sy ny rahalahinao sy ny dadatoanao sy ny dadatoan'ny Rainao, Ianareo rehetra ireo dia maty maritiora avokoa, ka hatsangan'i Allah ao amin'ny vondrona iray mandrapidiranareo ao amin'ny Paradisa ao anatin'ny fifaliana lehibe.”

Tamin'izany dia taitra tamin'ny faharendremany ny Imàm Houssein (a.s), avy eo dia nitantara izany nofiny izany tamin'ireo fianakaviany Izy ka nahatonga azy ireo nalahelo fatratra. Ary dia niomana ny handeha Izy. Niteny taminy i Mouhammad Ibn Al-hanafiyah hoe: ry rahalahiko, tena marina fa matahotra aho sao dia hovanoin'izy ireo Ianao. Namaly ny Imàm (a.s) hoe: Izaho dia hitodi-doha ho any Makka raha toa ka

misy fandriam-pahalemana ho ahy any dia hipetraka any aho; fa raha tsy izany dia ho any amin'ny tany efitra aho mandra-pahitako izay tokony hatao. Avy eo dia nanao veloma tamin'i Mouhammad Ibn Al-hanafiyah rahalahiny Izy (a.s), ary niainga tao anatin'ny haizin'ny alina. Izany fotoana izany dia nifanandrify tamin'ny daty faha-3 Shanbàn 60H, ka nanaraka ny arabe Izy no sady namaky ilay andininy manao hoe:

“فَخَرَجَ مِنْهَا خَائِفًا يَتَرَقَّبُ قَالَ رَبِّ نَجِّنِي مِنَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ”

“Nivoaka tao Izy, matahotra sady mijerijery ny manodidina Azy, hoy Izy hoe Tompo ô, avoty amin'ireo vahoaka mpanageja Aho”¹.

Nilaza taminy i Mouslim Ibn Anqil ilay zanaky ny dadatoany hoe:

"يَا ابْنَ رَسُولِ اللَّهِ لَوْ سَلَكْنَا غَيْرَ الْجَادَةِ كَان لَنَا خَيْرٌ كَمَا فَعَلَ عَبْدُ اللَّهِ بْنُ الزُّبَيْرِ فَأَبًا نَخَافُ أَنْ يَلْحَقَنَا رَجَالٌ يَزِيدٌ".

“Ry zanak’ilay Irak’i Allah, raha tsy manaraka ny arabe isika dia izany no tsara ho antsika tahaka ny nataon’i Abdoullah zanak’i Zoubaïr, fa izahay dia matahotra sao dia arahin’ireo miaramilan’i Yazid”.

Fa namaly i Houssein (a.s) hoe:

"لَا وَاللَّهِ، مَا فَارَقْنَا هَذَا الطَّرِيقَ أَبَدًا"

“Tsia dia tsia, isika dia tsy handao an’ity lâlana ity mihitsy.”

Koa lasa i Houssein (a.s) nanohy ny diany no sady niteny nanao hoe: “raha ny lehilahy no tsy miaro ireo zanany sy ireo fianakaviany ary ireo vehivaviny dia mahatonga azy ho voatsiny”. Nony farany dia niditra tao an-tanànan’i Makka Izy ka olona maromaro no tonga tsy tapaka namangy Azy.

* * *

¹ Souratoul-qaswas and-21

[رُسُلُ الْكُوفِيِّينَ]

Ireo hafatr'ireo vahoakan'i Koufa

Rehefa fantatr'ireo vahoakan'i Koufa ny fahafatesan'i Mouànwiyah dia tsy nanaiky hanao fanekem-pankatoavana tamin'i Yazid izy ireo ka niray hina izy ireo mba hanoratra ho an'ny Imàm Houssein (a.s) izay milaza toy izao ilay taratasy: “izay mahasoà Anao dia mahasoà anay ary izay manjo Anao dia manjo anay, angamba i Allah dia hanambatra anay Aminao ao anatin'ilay fahitsiana sy ny finoana marina”, ary namporisika Azy fatratra mba hahatongavany eo amin'izy ireo ka niteny izy ireo hoe: “mandefasa olona iray aty aminay Ianao mialohan'ny fahatongavanao mba hitsara ho anay ny lalànan'i Allah sy an'ilay Irany (s.a.w)”. Nanoratra taratasy maromaro mitovy hevitra amin'izany ireo vahoaka izay novalian'ny Imàm Houssein nanao hoe: “Izaho dia handefa ho anareo an'i Mouslim zanaky ny dadatoako ka henoinareo izy ary hankatoavinareo, fa efa nodidiako izy mba hihantra anareo sy hampita amiko ny hafatra sy hevitra soa avy aminareo sy ny olana mety misy aminareo ary Izaho dia ho tonga aminareo raha sitrak'i Allah”.

[بَعَثُ مُسْلِمٍ (ع) إِلَى الْكُوفَةِ]

Fandefasana an'i Mouslim (a.s) tany Koufa

Nalefan'ny Imàm Houssein (a.s) nankany Koufa i Mouslim (a.s) niaraka tamin'ny mpitari-dàlana anankiroa, fa nony teny antenantenan-dàlana dia namery làlana Azy (a.s) izy ireo ary matin'ny hetaheta ny iray tamin'izy ireo ka lasa very hevitra i Mouslim. Nandefa hafatra tany amin'ny Imàm (a.s) izy mba hanambara Aminy ny zava-mitranga sy nangataka Aminy ny fialan-tsiny amin'izao fandehanany any Koufa izao. Namaly azy anefa ilay Imàm (a.s) mba hanohy ny diany hatrany ka teo noho eo dia nanohy ny diany i Mouslim mandra-pahatongavany tany Koufa tamin'ny andro alina. Nivantana tao an-tranon'i Moukhtar Ibn Abi Obeydah i Mouslim ary nanomboka tonga nivory ny olona nanao fanekem-pankatoavana azy izay nahatratra hatramin'ny valo arivo sy iray alina olona. Avy eo i Mouslim (a.s) dia nanoratra taratasy ho an'ny Imàm

Houssein (a.s) hanambara Aminy ny fanaovan'ny vahoakan'i Koufa fanekem-pankatoavana Azy.

Tonga tamin'i Nou'màn Ibn Bashir izay governoran'i Koufa ny vaovao avy tamin'i Yazid, ka hoy izy tamin'ny toriteniny nanao hoe: “mitandrema ianareo amin'ny fanoherana an'i Yazid zanak'i Mouànwiyah fa izay hanohitra ny teniko aminareo rahampitso dia ho kapohiko mafy ny tendany.” Avy eo, i Abdoullah Al-halwramī nahita ny hevitr'i Nou'màn ho maivana, ka nandefa taratasy tamin'i Yazid izy mba hanambara aminy ny nanaovan'ny vahoaka fanekem-pankatoavana tamin'i Mouslim sy ny mahamaivana ny tenin'i Nou'màn. Teo noho eo i Yazid dia nandefa an'i Omar Ibn Sa'ad Ibn Abi Waqàs tamin'Ibn Ziyàd nonina tao Bassoura, nitondra taratasy izay mibaiko azy mba ho any Koufa ka tsy hamela mihitsy ireo taranak'i Ali raha tsy mahafaty azy ireo.

Rehefa tonga tao Koufa Ibn Ziyàd ary izy dia nanao saron-tava sy nitazona tapa-kazo, notronin'ireo miaramialany; ka isaky ny mandalo eo anatrahen'ny vahoaka izy dia miarahaba azy ireo amin'ny alalan'ilay tapa-kazo, koa ny vahoaka dia mihevitra azy ho Imàm Houssein (a.s) noho izy ireo nanantena ny hahatongavany. Nony niditra tao amin'ny lapa izy vao fantatr'izy ireo fa Ibn Ziyàd izy. Koa hoy izy tamin'i Nou'màn nanao hoe: “niaro ny tenanao ianao fa nanary ny tanànanao”. Ary nanao toriteny teo amin'ny polpitra Ibn Ziyad izay nanambarany fa izy dia nanendry azy ary nanafatra taminy mba hanao soa amin'ny mpanao soa sy handefitra amin'ny mpanao ratsy. Naheno izany ny vahoaka dia nitodika nifampijery ary niteny nanao hoe: “inona koa no mbola hanoherantsika ny fitondrana raha izany”. Koa teo noho eo dia nitsipahan'izy ireo ny fanekem-pankatoavana nataon'izy ireo tamin'ny Imàm Houssein (a.s) fa avy hatrany izy ireo dia nivadika nanao fanekem-pankatoavana an'Ibn Ziyàd.

Rehefa nahare izany i Mouslim dia lasa nandositra tao an-tranon'i Hani Ibn Ourwah izay narary tamin'io fotoana io ka niteny tamin'i Mouslim nanao hoe: “ry Mouslim, ho avy hamangy ahy Ibn Ziyàd, koa raiso ity sabatro ity ary vonoy izy, fa rehefa hitanao aho manaisotra ny fehilohako dia amin'izay fotoana izay ianao no mikapoka azy amin'ny sabatra”. Tonga tokoa Ibn Ziyàd niaraka tamin'ireo miaramilany

nanontany azy mikasika ny aretina taorian'ny swalâtoul-inshâe, ary ilay marary dia nitaraina tamin'ny nohon'ny hotsoky ny aretina, avy eo dia nesoriny in-telo ilay fehilohany, koa rehefa tsikaritr'Ibn Ziyad izany fihetsika miverimberina izany dia lasa nivositra Ibn Ziyâd. Rehefa nivoaka i Mouslim tamin'ny efitrano nisy azy dia nanontany azy i Hani nanao hoe: “inona no antony tsy namonoanao azy?” Namaly i Mouslim hoe: “ny tsy namonoako azy dia nohon'ny teny reko avy tamin'ny Amiroul-moueminin (a.s) nanao hoe: “tsy manana imân izay mamono ny mpino silamo”. Nilaza i Hani hoe: “Mianiana amin'i Allah aho fa raha namono azy ianao dia namono kâfir.” Avy eo Ibn Ziyâd dia nahalala fa i Mouslim dia ao an-tranon'i Hani, ary niditra tao izy sy ireo miaramilany fa nanohitra azy ireo i Hani ka maro ireo miaramila no matiny. Tamin'izay dia niteny i Hani hoe: “mianiana amin'i Allah aho fa raha ity tongotro ity no mbola eo ambon'ny ankizy iray eo amin'ny taranak'i Mouhammad (s.a.w) dia tsy esoriko izany mandra-pahatapaka azy”.

Avy eo izy dia novonoin'Ibn Ziyâd tamin'ny alalan'ny andrim-by ary nivoaka tao an-trano i Mouslim lasa nandositra ka niditra tao an-tranon'ny vaviantitra iray izay nandray azy am-panajana. Tonga tampoka niditra tao an-trano ihany koa ny zanak'ilay vaviantitra ka nahatsikaritra ny reniny izay mivezivezy miditra sy mivoaka ao amin'ny efitra, ka nanontany ny antony izany fa saingy tsy namaly azy ny reniny. Taorian'ny fifanarahana sy ny fianianana nataon'izy roa mianaka dia mbola nandeha tany amin'Ibn Ziyâd ihany ilay zanaky ny vaviantitra nivadika tamin'ilay fifanarahana. Nalefan'Ibn Ziyâd i Mouhammad Ibn Ach'anth al-Kandi miaraka amin'ny miaramila mpitaingin-tsoavaly arivo sy mpandeha an-tongotra diman-jato mba hiady amin'i Mouslim. Ary niady mafy tamin'izy ireo i Mouslim ka nahafaty maro tamin'izy ireo izay nandefa hafatra tamin'Ibn Ziyâd i M. Ibn Ach'anth mba hila vonjy. Nanoratra tamin'ny Ibn Ziyâd nanao hoe: “olona iray ve mahafaty maro anareo tahak'izany, koa ahoana raha ilay tena matanjaka mihoatr'azy no nalefako taminareo, izany hoe ny Imâm Houssein (a.s) no tiany hambara amin'izany”. Namaly i M. Ibn Ach'anth hoe: “ny tena marina dia ianao nandefa sabatra iray amin'ireo sabatry ny taranak'i Mouhammad”; fa avy eo dia nandefa miaramila maromaro fanampiny ihany Ibn Ziyâd; nefa i Mouslim dia mbola nanohitra mafy azy ireo hatrany ka nahafaty maro tamin'izy ireo,

hany ka zary toy ny volon-tsokina ny fahitana ireo lefona nitsatotsatoka teo amin'ny tenany.

Niteny Ibn Ach'anth tamin'i Mouslim hoe: “ianao dia ao anatin'ny fiarovana ry Mouslim”. Namaly azy ireo i Mouslim hoe: “ianao kosa dia tsy ao anatin'ny fiarovana ry fahavalon'i Allah sy ilay Irany”.

Niady lavaka lehibe teo ampovoan-dàlana ireo miaramila mba hamandrihana azy, ka norakofana tamin'ny alalan'ny tany sy bozaka ny vavan'ilay lavaka; ary dia latsaka tao i Mouslim. Avy eo dia nihodidin'izy ireo izy ary nokapohin'i M. Ibn Ach'anth tamin'ny sabatra ny lohany ka naratra mafy. Nosamborina i Mouslim ka nofaktorana ny tanany ary nentin'izy ireo nankany amin'Ibn Ziyàd.

Nisy niteny taminy nanao hoe: “aoka ianao hiarahaba an'ilay lehibe”. Namaly i Mouslim hoe: “mianiana amin'i Allah aho fa tsy manana lehibe ankoatr'i Houssein”. Avy eo izy nanao tononkalo nanao hoe:

*Miareta amin'ny fahoriana rehetra fa dia miareta,
Ary fantaro fa ny olona dia tsy haharitra mandrakizay,
Fa rehefa mahatsiaro ny fahoriana mampalahelo ianao
dia tsarovy ny fahorian'ireo taranak'i Mouhammad.*

*Miareta toy ny fiaretan'ireo olona manam-boninahitra satria
anjara mifandimbidimby izany androany fa ho hita rahampitso.*

Niteny Ibn Ziyàd hoe : “ry Mouslim, na dia manetry tena ianao na tsia dia tsy maintsy vonoina”.

Namaly i Mouslim hoe: “izaho mila lehilahy Qouraïshī mba hametrahako hafatra”.

Tamin'izay dia nitsangana i Omar Ibn Sa'ad ka nilaza taminy nanao hoe: “inona no hafatrao?”

Niteny Izy nanao hoe:

Voalohan'ny hafatro dia mino aho fa tsy misy Andriamnitra afa-tsy i Allah ary i Mouhammad no Irak'i Allah, i Ali no Waliyoullah sy

mpitondra hafatr'ily Irany ary mpandimby ny asany ho an'ireo vahoakany.

Faharoa: amidio ny apingako ary efao ho ahy ny 700 dirhams izay notrosoako.

Fahatelo: miangavy aho mba hanoratanao any amin'ny lehibeko i Houssein mba hiverin-dàlana fa tsy ho tonga aty an-tanànao.

Namaly Ibn Sa'ad nanao hoe: ny filazanao momba ny finoanao an'i Allah sy ilay Irany dia samy manaiky izany isika rehetra. Fa ny famarotana ny apinga sy ny fandoavana ny trosanao kosa raha tianay dia tanterahinay fa raha tsy izany dia tsy ataonay. Ary ny mikasika an'i Houssein, tena marina Izy dia tsy maintsy ho tonga eto mba hampanandramanay ny fahafatesana.

Avy eo dia nanome baiko Ibn Ziyàd mba hampiakarana azy eny ambonin'ny lapa ka hatsipy avy eny izy. Nigogogogo nitomany i Mouslim nohon'ny fisarahany amin'i Houssein (a.s), sady niteny nanao hoe:

*Hamaly soa anay anie i Allah nohon'ny haratsiana
Izay efa nampiharina ireo mpitondra ratsy fanahy
Eny, izy ireo dia tena nanao ratsy sy nanageja tokoa
Ireo no nanakana ny zonay sy nanambony tena teo aminay
Fa mila anay ho afa-baraka sy nanao ankeriny taminay
Nitangorona taminay izy ireo nandatsaka ny rànanay
Koa ampy ho azy ireo i Allah Ilay Lehibe izay Tena Lehibe tokoa
Kanefa Izahay no taranak'ily voafidy, tsy misy ny mitovy Aminay
Aminay no misy ny Mpaminany be voninahitra izay henin-kaja.*

Avy eo, natsipin'izy ireo avy eny ambony lapa i Mouslim, koa dia tsy ela akory no nakan'i Allah azy mba ho any am-paradisa.

Taorian'izany, dia nalain'izy ireo ny vatana mangatsiakan'i Mouslim sy i Hani ka narian'izy ireo teny an-tsena fa rehefa niparitaka ny vaovao ka henon'ireo fokon'i Madh'hadj dia nitsangana izy ireo niady tamin'ireo miaramila ary dia azon'izy ireo ihany ny fatin'izy roa ka nampandroina sy nalevin'izy ireo.

* * *

[خُرُوجُ الْحُسَيْنِ (ع) مِنْ مَكَّةَ]

Fivoahan'i Houssein (a.s) niala tao Makkah

Tamin'ny andro namonoana an'i Mouslim Ibn Anqil, andro Talata faha-08 volana Dhoul-hadj, izay antsoina hoe **يَوْمُ التَّرْوِيَةِ** “yawm at-tarwiyah”, no fotoana nialan'ny Imàm Houssein (a.s) tao Makka nankany Irak, taorian'ny nahavitany ny tawaf sy nivezivezeny nanelanelan'i Swafà sy i Marwà ary nanesorany ny lamban'ny ihràm. Ny hadj nataony dia novainy ho oumrah satria tsy vitany ny hanohy ny hadj hatramin'ny farany nohon'ny fahatahorany sao misy manafika tampoka ka hiteraka korontana amin'ny hadj sy ao Makka, satria i Yazid dia efa nandefa an'i Houdjadj miaraka amin'ny miaramila miisa telopolo avy amin'ireo olon-dratsin'ny Banī Oumaiyyah, mba haniraka azy ireo hamono an'i Houssein (a.s) na aiza na aiza amin'ny fomba rehetra.

Rehefa i Mouhammad Ibn Hanafiyah no naheno fa i Houssein (a.s) rahalahiny dia mila ho any Irak dia nitomany mafy, avy eo dia nilaza tamin'ny rahalahiny nanao hoe: efa hainao ny famitahan'ny vahoakan'i Koufa an'ny Rahalahinao sy ny Rainao koa raha ekenao ny teniko dia aoka Ianao hijanona ao Makka. Fa hoy ny Imàm Houssein (a.s) hoe: ry rahalahiko, izaho dia tena matahotra sao dia manafika ahy tampoka eto antanànan'i Makka ireo Bani Oumaiyyah ka lasa nohon'ny antony avy amiko no mampisy rà mandriaka ny tanànan'i Makka masina sy heninkaja. Namaly Azy Ibn Hanafiyah hoe: mandehana àry Ianao any Yèmen fa tsy hisy hanelingelina Anao any.

Dia hoy ny Imàm Houssein (a.s) hoe: ry rahalahiko, na dia ao anatin'ny kibon'ny vato aza aho dia vokarin'izy ireo foana aho mba ho vonoina.

Mbola niteny ihany Izy tamin'ity rahalahiny ity hoe: ry rahalahiko, izaho dia mbola handinika izany hevitrao izany.

Nony tonga ny fotoana ny “souhour”¹ dia niainga ny Imàm nankany Irak. Noraisin'i M. Ibn Hanafiyah ny lamboridin'ny ramevan'i

¹ Fotoana farany fihinana amin'ny maraina rehefa manao swaoum.

Houssein (a.s) ary hoy izy taminy hoe: ry Rahalahiko, inona no mahamaika anao?

Namaly ny Imàm Houssein (a.s) hoe:

Raibeko ilay Irak'i Allah (s.a.w) dia tonga tamiko taorian'ny fotoana kely nisarahako taminao teo tao anatin'ny torimaso, notazominy an-tratra aho ary norofany teo anelanelan'ny masoko roa sady niteny Izy hoe:

"يَا حُسَيْنُ، يَا قُرَّةَ عَيْنِي، أُخْرِجْ إِلَى الْعِرَاقِ فَاللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ قَدْ شَاءَ أَنْ يَرَكَ قَتِيلًا مُخَضَّبًا بِدِمَائِكَ"

Dikany : “Ry Houssein, ry sombin'ny aiko, mandehana any Irak fa i Allah Ilay Be Voninahitra dia efa mitia Anao hovanoina sady ho voahosotra amin'ny rànao.”

Tamin'izany, i M. Ibn Hanafiyyah dia nigogogogo nitomany sady niteny hoe:

“Ry rahalahiko, raha toa ka izany no izy, dia tsy ilaina ny mitondra an'ireto vehivavy ireto.”

Namaly anefa i Houssein (a.s) hoe:

Nilaza tamiko ihany koa ny Raibeko ilay Irak'i Allah (s.a.w) nanao hoe: i Allah Ilay Be Voninahitra dia mila mahita azy ireo ho baboina sy halaim-baraka, entina ao anatin'ny fanimbazimbana feno fahafaham-baraka, ary izy ireo koa dia tsy afa-misaraka amiko raha mbola velon'aina ihany aho.

Vao mainka nitomany mafy Ibn Hanafiyyah, avy eo dia niteny hoe: “ankiniko amin'i Allah ny fiainanao ry Houssein, Izy Allah anie no hiaro anao ry Rahalahiko!”

Ary voaray avy tamin'i Oummou Salama ny teny milaza manao hoe: “Ry zanako, aza manao mampalahelo ahy ianao amin'ny fandehananao mankany Irak fa izaho dia naheno ny Raibenao niteny nanao hoe: vonoina ilay zanako i Houssein any Irak, amin'ny tany efitra antsoina hoe Karbala.”

Fa hoy i Houssein (a.s) namaly nanao hoe:

“Ry reniko, mianiana amin'i Allah aho fa efa fantatro izany sady fantatro hatramin'ny toerana handevenan'izy ireo ahy, ary fantatro iza amin'ireo havako akaiky, Ahloul-baït sy ireo mpanara-dia ahy no

hovanoina, koa raha tianao ry reniko dia hampahitako anao ny lavaka sy ny toerana hatoriako.” Avy eo dia nanondro tamin’ny alalan’ny tanany masina nankany amin’i Karbala Izy (a.s), ary dia lasa iva ny tany ka nanamora nanehoan’ny Imàm Houssein ny toerana hilevenany sy ny fasana hamangian’olona Azy. Latsa-dranomaso nitomany mafy i Oummou Salama nahita izany.

* * *

Avy eo ny Imàm Houssein (a.s) nanoratra taratasy ho an’i Irak milaza manao hoe:

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Bismillahir-Rahmànir-Rahîm

Avy amin’i Houssein zanak’i Ali zanak’i Abou Twàlib ho an’ireo mpino rahalahiny.

Salamoun anlaïkoun,

Izaho dia midera an’i Allah Avo Indrindra izay tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izy. Manarak’izany :

Efa tonga tamiko ireo taratasin’i Mouslim Ibn Anqil izay manambara ny fahitany hatsaranareo sy ny fivondronanareo ao amin’ily finoana islam ary ny fitakianareo ny zonay, ka nangataka tamin’i Allah aho mba hanatsara ny asa ho anay sy ho anareo sy hanome anareo avy amin’izany fahasoavana lehibe ; ary efa nitodi-doha ho any aminareo aho ny andro Talata, volana Dhoul-hadj tamin’ny andron’i Tarwiyah, koa rehefa tonga aminareo ilay irako dia manorata amiko ianareo momba anareo fa ho avy ny andro hahatongavako aty aminareo raha sitrak’i Allah Ilay Avo Indrindra.

Was-salàm !

Nony tonga tao Koufa ny iraka izay nitondra ilay taratasy dia nifanena taminy i Al-haswîn Ibn Noumaïr ka nitondra azy hatreny amin’Ibn Ziyàd avy eo dia norovirovitan’ily iraka ny taratasy.

Niteny taminy Ibn Ziyàd hoe: “iza moa ianao?”

Namaly ilay iraka hoe: “izaho dia mpanara-dian’i Houssein”.

Hoy Ibn Ziyàd hoe: “fa nahoana àry no norovitinao ilay taratasy?”

Namaly izy hoe: “mba tsy hahafantaranao ny zava-misy ao”.

Avy eo izy dia nodidian'Ibn Ziyàd mba hanompa an'i Ali sy i Houssein, nefa niakatra teo amin'ny polpitra ilay iraka ary niteny hoe:

“Ô ry olombelona, marina tokoa fa i Houssein dia olona tsara indrindra amin'ny zava-boaharin'i Allah ary izaho dia irany ho aty aminareo koa mba ekenareo Izy”. Avy eo izy nanozona an'Ibn Ziyàd sy ny rainy. Fa nanome baiko Ibn Ziyàd mba handatsaka azy avy eny ambonin'ilay lapa ka niafara tamin'ny fahafatesany izany, enga anie i Allah hamindrafo aminy.

Teny an-dàlana ny Imàm Houssein (a.s) dia tonga taminy i Hilàl Ibn Nafioun sy i Amr Ibn Khalid avy any Koufa ka nanontanian'ny Imàm izy ireo mikasika ny toe-zava-misy mandalo any fa namaly izy ireo nanao hoe:

“Raha mikasika ireo mpanarivo dia miaraka amin'Ibn Ziyàd ny fon'izy ireo, fa ny sisa kosa dia miraiki-po Aminao, ary i Mouslim sy i Hani ary i Qais izay irakao dia samy efa novonoina avokoa.”

Niteny ny Imàm (a.s) nanao hoe: “Andriamanitra o, ataovy ny paradisa mba ho fonenana mahafinaritra ho anay sy ho an'ireo mpanaradianay fa tena marina, Ianao dia Mahefa ny zava-drehetra.”

Avy eo nitoriteny Izy (a.s) nanao hoe:

“Efa mitranga amintsika izay efa hitanareo, ary ny fiainana eto antany dia efa miharatsy, niova nivadika ny hatsarany, ka tsy misy tafajanona eo aminy afa-tsy ny haitraitrany, tsy misy mampiasa ny fahamarinana ary tsy misy mandrara ny fahaverezana, ny mpino dia tsy mahita ny fahafatesana raha tsy ho fahombiazana ary tsy mahita ny fahavelomana miaraka amin'ny mpanageja raha tsy ho fatiantoka.”

Avy eo dia natory ny Imàm (a.s) nandritra ny tapak'andro fa nony nifoha Izy dia nilaza nanao hoe:

“Naheno tsindrimandry Aho milaza hoe:

"يَسِيرُ الْقَوْمُ وَ الْمَنَائِي تَسِيرُ مَعَهُمْ"

“Mandeha ireo vahoaka ary ny fahafatesana dia mandeha miaraka amin’izy ireo.”

Ary niteny tamin’ny Imâm (a.s) ny zanany nanao hoe:

“Ry raiko, moa ve isika tsy amin’ny fahamarinana?”

Namaly Izy (a.s) hoe:

“Eny, ary ianiavako izany amin’Ilay Andriamanitra hiverenan’ireo mpanompony, ry zanako.”

Niteny ilay zanany hoe:

“Noho izany isika dia mianiana amin’i Allah fa tsy miraharaha ny fahafatesana raha toa ka isika no ao anatin’ny fahamarinana sy ny fahatsiana.”

* * *

[اعْتَرَا ضُ الْحُرِّ]

Fanakanan-dàlana nataon’i Hourr

Nanohy ny dia Izy (a.s) ka tonga tamin’ny toerana iray antsoina hoe Zoubala ka nijanona kely teo ary nanao toriteny nilaza hoe:

“Ry vahoaka, raha misy aminareo ny hiharitra amin’ny faharanitan’ny sabatra sy ny fitsebohan’ny lefona dia aoka hitsangana miaraka aminay fa raha tsy izany dia aleo izy mandao anay.”

Taorian’izany dia nanomboka nihatakataka nifandao ireo vahoaka, ka tsy nisy tavela nijanona teo afa-tsy ireo havany akaiky sy ireo mpanaradia tena mitia Azy, izay miisa hatramin’ny fitopolo mahery ny isan’izy ireo; izy ireto no vahoaka niaraka taminy avy tao Makka. Ary dia niarananohy ny dia izy ireo ka tonga tamin’ny toerana iray antsoina hoe “Taghlabiyah”, izay toerana nanakanan’i Hourr Ibn Yazidir-Riyahî azy ireo. Tamin’izay fotoana izay i Hourr no teny an-dàlana ho any Qadsiyah, izay iraka nalefan’i Haswîn Ibn Noumaïr; i Hourr dia niaraka tamin’ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly miisa efatr’arivo. Nitady an’i Houssein i Hourr ka nifanena taminy teo amin’ny fotoan’ny swalâtoudh-dhouhr.

Niteny i Hourr taminy (a.s) hoe:

Izahay dia tsy mamela anao mandra-pitondrasanay anao any amin'Ibn Ziyàd. Tsy nanaiky anefa ny Imàm (a.s).

Namaly i Hourr hoe:

Raha tsy manaiky ianao dia aoka hanaraka làlan-kafa.

Lasa nanarak'Azy i Hourr hatrany amin'ny lapan'ny foko Bani Mouqattil, izay nananganana tranohazo iray teo ho an'ny olona mpandeha lavitra. Niteny io olona io tamin'i Hourr nanao hoe:

Ianao dia efa nanao fahotana maro tamin'ny tenanao, ka moa ve tsy tokony hanao asa mamafa izany fahotanao izany ianao?!

Hoy i Hourr hoe:

Amin'ny fomba ahoana?

Hoy ilay olona hoe:

Vonjeo ny zanaky ny zanakavavin'ilay Irak'i Allah (s.a.w)!

Niteny izy tamin'ny Imàm Houssein hoe:

Omeko Anao ny sabatro sy ny soavaliko fa mamelà ahy amin'izany Ianao.

Namaly ny Imàm (a.s) hoe:

“Raha ianao no nahihitra taminay tamin'ny alalan'ny tenanao dia tsy ilainay akory izany harenanao izany”. Ary novakian'ny Imàm ilay andininy manao hoe:

وَمَا كُنْتُ مُتَّخِذَ الْمُضِلِّينَ عَضُدًا

“Ary tsy nalaiko ho mpanampy ireo mpamery làlana”¹

Ary niteny ny Imàm (a.s) nanao hoe:

Reko ny Raibeko ilay Irak'i Allah nilaza nanao hoe:

"مَنْ سَمِعَ وَاعْيَتَنَا أَهْلِ الْبَيْتِ وَ لَمْ يُجِبْهُ أَكْبَهُ اللَّهُ عَلَى مَنْخَرِ يَه فِي النَّارِ"

“Izay naheno ny fitarainanay Ahloul-baït kanefa tsy namaly izany dia hahetrin'i Allah ao amin'ny Afobe ny lavak'orony”.

* * *

¹ Souratoul-kah'f : 51

[نُزُولُ الْحُسَيْنِ (ع) فِي كَرْبَلَاءَ]

Fahatongavan'ny Imàm Houssein (a.s) tao Karbala

Tonga teo amin'izy ireo ny miaramila iray avy any Koufa, izay niarahaba an'i Hourr fa tsy niarahaba akory an'ny Imàm Houssein (a.s), ary nisy taratasy avy tamin'Ibn Ziyàd no natolony an'i Hourr izay mibaiko mba hahatongavan'izy ireo haingana. Koa dia niara-nandeha izy rehetra mandra-pahatongavana tao Karbalà. Tampoka teo dia nijanona ny soavalin'ny Imàm Houssein (a.s) ary na dia nobaikony mba handeha ilay soavaly dia tsy nihetsika mihitsy na dia dingana iray aza. Tamin'izay fotoana izay dia nanontany ny Imàm (a.s) nanao hoe: “inona no anaran'ity toerana ity?” Nisy namaly hoe: “Karbala!” Koa dia niteny àry Imàm (a.s) nanao hoe:

"هَذِهِ وَاللَّهِ أَرْضُ كَرْبٍ وَ بَلَاءٍ، هَهُنَا تُقْتَلُ الرَّجَالُ وَ تَرْمَلُ النِّسَاءُ وَ هَهُنَا مَحَلُّ قُبُورِنَا وَ مَحْشَرِنَا، وَ بِهَذَا أَخْبَرَنِي جَدِّي صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَ آلِهِ"

“Ianianana amin'i Allah fa inty no tanin-doza amam-pahoriana, eto no hovonoina ireo lehilahy sy hanovana an'ireo vehivavy ho maty vady ary eto no toerana hisy ny fasana hilevenantsika sy hitsanganantsika amin'ny fahafatesana, ary sahala amin'izany no nambaran'ny Raibeko (s.a.w) tamiko”.

Avy eo dia nidina teo ambony soavaly ny Imàm Houssein (a.s), tamin'io andro Alarobia faha-08 Mouharram 61H. io sady nanao tononkalo toy izao Izy:

*Ry tontolo, eisy ianao izay tsy misy namana,
Firifiry ny anananao manomboka amin'ny fiposahana ka
hatramin'ny hariva,
Amin'ny mpitady zony nefa vonoina,
Ary ilay tontolo dia tsy mety afa-po amin'izay tonga eo,
Eny, izay velona rehetra dia tsy maintsy mandalo amin'ny làlana,
Fa ny fiasarana dia any amin'Ilay Be Voninahitra.
Tena atomotra anie ny fotoam-pandehanana !*

Naverimberin'ny Imàm (a.s) foana izany teny izany ka henon'i Zàinab (a.s) anabaviny. Nivoaka avy tao an-tranolay i Zàinab (a.s) ka niteny nanao hoe:

“Ry anadahiko malala, izany teninao izany dia toa milaza ny fahafatesana. O ry Reny maty anaka. Androany dia maty ny Raibeko i Mouhammad Al-Moustapha, sy ny Raiko i Ali Al-Mourtalwà sy ny Reniko i Fàtwimatouz-Zahrà ary ny anadahiko Al-Hassan Al-Moudjtabà”. Avy teo dia safotra izy.

Avy eo dia niteny taminy ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Ry anabaviko malala, ny zava-boahary rehetra any an-danitra sy eto an-tany dia ho faty avokoa, ary ny zava-drehetra dia ho rava afa-tsy ny endrik'i Allah. Ry anabaviko malala, amin'ny alalan'ny zoko amina, rehefa vonoina Aho dia aoka ianao tsy handrovitra ny lamba na handrangotra ny handrina”.

Avy eo dia nentin'ny Imàm (a.s) niditra tao an-tranolay izy.

Nanome baiko ny Imàm (a.s) mba hampifanakaiky ny tranolain'ireo mpanara-diany.

Niantso Ibn Ziyàd tao amin'ny tobiny nanao hoe:

“Iza no hitondra ety amiko ny lohan'i Houssein fa omeko fanomezana lehibe no sady omeko ny fitondrana an'i Raï¹ mandritra ny fito taona?”

Nitsangana teo anatrehany i Omar Ibn Saand Ibn Waqqas ka nilaza nanao hoe: “izaho”.

Niteny Ibn Ziyàd nanao hoe:

“Mandehana àry ianao manakana Azy amin'ny fisotroana rano ary ento aty amiko ny lohany”.

Tonga tamin'i Omar Ibn Saand ny zanak'ireo Mouhadjrine sy ireo Answar nilaza taminy nanao hoe:

“Ry Ibn Saand, ianao mandeha miady amin'i Houssein kanefa ny rainao no fahenina amin'ny olona niditra silamo”.

¹ Tanàna malaza anisan'ny renivohitra mpamokatra voankazo sy vokatra hafa ary izy no toerana fandolavan'ireo mpanao hadj, eo anelanelan'ny tanànan'i Nisabour sy i Darine.

Namaly izy hoe: “izaho dia tsy hanao izany”.

Avy eo izy dia nandinika zavatra roa eo amin’ny fanjakana ny fitondrana ny tanànan’i Raï sy eo amin’ny famonoana an’i Houssein. Nony farany dia norebireben’ny Satana izy ka lasa jamba ny fony.

* * *

Avy eo dia nilaza tamin’izy ireo ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

"وَاللَّهِ مَا بَيْنَ الْمَشْرِقِ وَالْمَغْرِبِ ابْنُ بِنْتِ نَبِيِّ غَيْرِي، وَاللَّهِ مَا تَعَمَدْتُ الْكُذْبَ مُدَّ نَشَأْتُ وَ عَرَفْتُ أَنَّ اللَّهَ يَمْفُتُ الْكُذْبَ، هَلْ تَطْلُبُونَنِي بِنَفْسٍ قَتَلْتُهُ؟ أَوْ بِمَالٍ اسْتَمَلَكْتُهُ؟ أَوْ بِقِصَاصٍ مِنْ جِرَاحَةٍ؟"

“Mianiana amin’i Allah Aho fa tsy misy eo anelanelan’ny fiposahana sy filentehan’ny masoandro zanaky ny zanakavavin’ny Mpaminany raha tsy Izaho.

Mianiana amin’i Allah Aho fa tsy mbola nandainga mihitsy hatramin’ny nitomboan’ny vatako mandra-pahalalako fa i Allah dia mankahala izany.

Moa ve ianareo nahita ny ain’olona novonoiko na harena noravaiko na olona noratraiko ka hitaky ny onitr’izany amiko ianareo?”

Fa ‘ngina tsy nahateny ny rehetra.

* * *

Ny alin’ny fahasivin’ny Mouharram dia nimonomonona ireo mpanara-dian’ny Imàm Houssein (a.s) sahala amin’ny fimonomononan’ny renin-tantely tamin’ny fanaovana swalât sy ny famakiana ny Qour’an, ka niteny ny Imàm (a.s) nanao hoe:

"إِنِّي لَا أَعْلَمُ أَصْحَاباً أَوْفَى بِالْعَهْدِ وَلَا خَيْراً مِنْ أَصْحَابِي، وَلَا أَهْلَ بَيْتِ أَبَرٍّ وَلَا أَوْصَلَ بِالرَّحِمِ مِنْ أَهْلِ بَيْتِي، فَجَزَاكُمُ اللَّهُ عَنِّي خَيْرًا، أَلَا وَ إِنِّي قَدْ أَذِنْتُ لَكُمْ فَاَنْطَلِفُوا فَاَنْتُمْ فِي حِلِّ مِنِّي، وَ هَذِهِ اللَّيْلَةُ سِيرُوا بِسَوَادِهَا فَاتَّخِذُوا سِرًّا جَمِيلًا."

“Marina tokoa fa izaho dia tsy mahafantatra mpanara-dia mahatazona ny fampanantenana sy tsara mihoatra ny mpanara-diako, ary tsy mahafantatra ankohonana iray izay tena tsara sy tia mifandray amin’ny havana mihoatra ny ankohonako, ka enga anie i Allah hanome

fahasoavana ho anareo nohon'ny amiko. Nefa anie dia efa nomeko alalana mba handeha ianareo koa efa malalaka eo anatrehako ianareo. Amin'ity alina ity dia mandehana ianareo manararaotra ny haizina koa raiso ny haizin'ny alina ho toy ny sarona tsara ho anareo”.

Namaly Azy (a.s) ireo rahalahiny sy ireo ankohonany ary ireo mpanara-diany nanao hoe:

“Izahay dia tsy misaraka aminao na dia fotoana kely aza ary mangataka amin'i Allah izahay mba tsy hapetrany aorianao mihitsy”.

* * *

Avy eo dia niteny tamin'ireo fahavalony ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Moa ve tsy Izaho no zanaky ny zanakavavin'ny Mpaminaninareo sy ny zanak'ilay mpino voalohany tamin'ireo mpino, ilay nanamarina an'i Allah sy ilay Irany?

Moa ve tsy i Hamzah ilay lehiben'ireo maritiora no rahalahin-dRaibeko?

Moa ve tsy i Dja'afar at-Twayyàr ilay misidina ao am-Paradisa no dadatoako?

Moa tsy efa niteny ilay Raibeko (s.a.w) hoe: tena marina fa ireto zanako roalahy ireto no lehiben'ireo tanora ao am-Paradisa amin'ny olombelona rehetra?

Moa ve tsy efa niteny ihany koa Izy hoe: Izaho dia mametraka ho anareo zavatra mavesa-danja anankiroa, dia ny bokin'i Allah sy ny ankohonako?

Raha manamarina Ahy ianareo amin'izay nolazaiko dia tsara izany fa raha tsy izany dia aoka ianareo hanontany an'i Djabir Ibn Abdillah sy i Saand sy Sahl Ibn Saand As-sàindī sy i Zaïd Ibn Arqàm ary i Anas Ibn Màlik fa ry zareo dia tena nahare izany avy tamin'ilay Raibeko (s.a.w)”.

Avy eo Izy (a.s) dia niantso tamin'ny feo avo nanao hoe:

“Ry Shibthou Ibn Rib’in sy ry Kathir Ibn Shihàb, tsy ianareo ihany ve no nanoratra tamiko mba hahatongavako ary niteny nanao hoe: izay mahasoà Anao dia mahasoà anay ary izay manjo Anao dia manjo anay?”

Namaly anefa izy ireo nanao hoe:

“Tsy hainay akory izany zavatra lazainao izany, fa manambania tena ianao amin’ny didin’ny mpitondra sy amin’ny fanekem-pankatoavana an’i Yàzid”.

Niteny ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Mianiana amin’i Allah Aho fa Izaho dia tsy manome ny tanako tahaka ny fanomezana ataon’ny olona afa-baraka, Izaho dia tsy manaiky tahaka ny faneken’ny olona andevo, ary Izaho dia mangataka fiarovana amin’i Allah mba hiaro Ahy amin’ny fanambanian-tena eo amin’ny fitondran’ireo mpanambony tena rehetra izay tsy mino ny andro farany”.

* * *

[وَأَقِمْ وَجْهَكَ لِلدِّينِ حَنِيفًا]

Ny zava-nitranga tao Twaff

Niomana ny Imàm Houssein (a.s) sy ireo mpanara-diany tamin’ily ady ka nitifitra tamin’ny zana-tsipika Ibn Saand no sady niteny nanao hoe:

“Aoaka ianareo ho vavolombeloko eo anatrehan’ily lehibentsika fa izaho no voalohany niady tamin’i Houssein, ary ny faneva voalohany navoaka hiady amin’i Houssein dia ny fanevan’i Omar Ibn Saand”.

Avy eo izy niantso an’i Ounrwàh Ibn Qīs sy Khouaïl Ibn Yàzid sy i Sinàn Ibn Anas sy i Shimr Ibn Dhil Djawshàn ary nomeny baiko izy ireo mba hitari-tafika an-tsoavaly miisa efatra arivo isanisany.

Niala tao Koufa ireo vahoaka mandra-pahatongavan’izy ireo niodidina an’ny Imàm Houssein (a.s) ka nahatratra miaramila miisa

efatr'alina izy ireo. Tsy nisy tamin'izy ireo no avy tao Cham na tao Arabia Saoudia na tao Ezypta fa izy rehetra ireo dia vahoakan'i Koufa.

Nandefa an'i Kathir Ibn Shihab tamin'ny Imàm (a.s) i Omar Ibn Saand. Nanontany ny Imàm (a.s) hoe: “inona moa no tadiaviny?”

Namaly an'ny Imàm (a.s) izy ireo hoe: “izy dia te hiditra ao Aminao”.

Niteny i Zouhair taminy hoe: “avelao ny fiadiana dia midira ianao”.

Namaly izy hoe: “tsy afaka hanao izany aho”.

Ary dia niverina tamin'i Omar Ibn Saand izy, fa inty farany avy eo dia nandefa olon-kafa antsoina hoe Khazimah, izay namela ny fiadiany ary niditra ka avy hatrany dia nanoroka ny tongotry ny Imàm (a.s) ary tsy niverina tany amin'i Omar Ibn Saand intsony izy fa niteny nanao hoe:

“Iza no hamela ny Paradisa ka ho any amin'ny Afobe?!”

Avy eo izy (رحمة الله) dia nanara-dian'ny Imàm (a.s) sy niady niaro Azy ka niafara tamin'ny fahafatesany maritiora teo anatrehan'ny Imàm (a.s).

* * *

Lasa any i Abbàs naka rano



Lasa any i Abbàs naka rano!(in-4)

Karbalà toerana mangina
Misy renirano mikoriana
Tampoka teo dia nisy feo
Heno miantso mitoreo

Tsy mba nisy fijaliana
Na koa fahoriana
Mitovy amin'izany e
Tany Karbalà'zao!

Niantsoantso ô ry Dada
Niantsoantso ô ry Neny
Hetaheta sy mosary telo andro
Ary hafanan'ny tany sy masoandro

Mampalahelo anie izany
Feon-jazakely mitomany
Mikiakiaka: Rano! Rano!
Mangina ry zanako andraso.

* * *

[مَقْتَلُ الْعَبَّاسِ (ع)]

Ny nahamaritiora an'i Abbàs (a.s)

Rehefa nihamafy ny hetaheta dia niteny ny Imàm (a.s) tamin'i Abbàs rahalahiny hoe:

“Avorio ny ankohonanao ka mihadia lava-drano ianareo”

Ary dia nanatanteraka izany izy ireo fa saingy tojo vatolampy, nihady lava-drano hafa indray izy ireo nefa dia mbola tojo vato toy izany hatrany, ary hoy Izy (a.s) nony farany hoe:

“Mandehana any amin'ny reniranon'i Efroata ianao mba haka rano ho anay”.

Namaly i Abbàs hoe:

“Heno anie izany ary ankatoavina”.

Koa dia lasa naka rano i Abbàs fa nanaovan'ireo miaramilan'Ibn Saand sakana izy, ka nanafika azy ireo i Abbàs irery sy namono ny maro tamin'izy ireo, hany ka niala tamin'ny sakana izy ireo. Tonga teo amin'ilay rano Efroata i Abbàs ka nameno ny kitapony. Avy eo izy naka rano amin'ny felan-tanany mba hisotroany nefa nahatsiaro ny hetahetan'ny Imàm Houssein (a.s) sy ny fianakaviany izy dia nariany ilay rano teo amin'ny tanany no sady niteny izy hoe:

“Mianiana amin'i Allah Aho fa tsy hosotroiko mihitsy ny rano raha mbola tena mangetaheta i Houssein sy ireo zanany”.

Ary hoy izy niteny nanao hoe:

Ry fanahy, aorian'i Houssein dia aoka ianao ho maivana

Fa aoriany dia saika tsy nisy akory ianao.

Ity i Houssein efa misotro ny ranon'ny fahafatesana

Ary ianao misotro ny hatsiaky ny renirano

Mianiana amin'i Allah aho fa izany dia tsy fomban'ny finoako

Ary tsy fomban'ny olo-marina manam-pahatokisana

Nandritr'izany dia efa feno zana-tsipika ny vatany ka toy ny sokina ny fahitana azy. Tamin'izay izy no niteny nanao hoe:

*Anio aho dia miady amin'ny fo mahitsy
Nohon'ny fiarovako an'ily zafin'ny Mpaminany Ahmad
Kapohiko amin'ily sabatra vita avy any Inde ianareo
Mandra-pijanonareo tsy hiady amin'ny lehibeko
Izaho dia Abbàs tompon'ny fitiavana
Zanak'i Ali ilay Madio izay nahazo fanohanana.*

Avy eo dia nitolona mafy i Abbàs ka nahafaty miaramilan'i Yàzid maro fa nisy miaramila fahavalo iray antsoina hoe Al-abràd Ibn Shaïbàn izay nikapoka tamin'ny sabatra ny tanany havanana ka tapaka nitangarana izany fa noraisiny avy amin'ny tanany havia ilay sabatra ka dia nanafika mafy an'ireo fahavalony izy no sady niteny hoe:

*Mianiana amin'i Allah aho fa na dia notapahinareo ny havanako
Dia arovako hatrany ny finoako sy ilay Imàm marina mendri-
pitokisana
Zafin'ily Mpaminany Ilay madio, Ilay azo antoka*

Koa nahafaty maro tamin'ireo fahavalo izy, fa nisy miaramila iray antsoina hoe Abdoullah Ibn Yàzid nikapoka tamin'ny sabatra ny tanany havia ka avy hatrany dia noraisiny teo amin'ny vavany ilay sabatra sady niteny izy hoe:

*Ry fanahy, aza matahotra an'ireo tsy mpino
Ary mifalia amin'ny fahasoavan'Ilay Tsitoha
Miaraka amin'ily Mpaminany lehiben'ireo olon-tsoa
Notapahin'izy ireo amin'ny tsindry hazolenan'izy ireo ny haviako
Ary efa nanao tsindry hazolena ireo mpanao meloka ireo
Koa adefaso izy ireo ry Tompo ho any amin'ny hafananan'ny Afo*

Avy eo dia nanafika an'ireo fahavalo izy tamin'ny tàmny roa efa tapaka ary nohon'ny ratra maromaro nahazo azy dia nihanalemy izy ka nanarotra izany ireo miaramila fahavalo izay niaraka nanafika azy ary nisy iray tamin'izy ireo no nikapoka ny lohany tamin'ny vy izay nahavaky ny lohany, noho izany dia nianjera tamin'ny tany i Abbàs no sady niantso tamin'ny feo avo nanao hoe:

"يَا أَبَا عَبْدِ اللَّهِ، يَا حُسَيْنُ،
عَلَيْكَ مِنِّي السَّلَامُ"

“Ry Aba Abdillah, ry Houssein,
Ho aminao anie ny fiadanana avy amiko”

Rehefa naheno izany ny Imàm (a.s) dia namaly nanao hoe:

"وَأَبَّاسَاهُ، وَآمُجَّةَ قَلْبَاهُ"

“Ry Abbàs malalako, ry silaky ny foko”

Ary dia notafihin’ny Imàm (a.s) izy ireo ka vaky lositra avokoa.

Nentin’ny Imàm (a.s) teo ambony soavaliny izy ka nentiny tao an-tranolay, ary nigogogogo nitomany Izy (a.s) sady niteny nanao hoe:

"جَزَاكَ اللَّهُ عَنِّي خَيْرَ الْجَزَاءِ، فَلَقَدْ جَاهَدْتُ حَقَّ الْجِهَادِ"

“Hamalisoa tsara ho anao anie i Allah, fa tena nanao ezaka marina ianao”.

* * *

[وَعَظُ الْحُسَيْنِ (ع) وَ أَصْحَابُهُ لِأَهْلِ الْكُوفَةِ]

**Fananaran’i Houssein (a.s) sy ireo mpanara-diany
tamin’ireo vahoakan’i Koufa**

Niteny tamin’ireo fahavalony ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Ry ianareo vahoakan’i Koufa, izao tontolo izao dia miova sy mikorontana, fa ny hatsarany dia mivadika ary izy ity dia toeran’ny faharavana, ny fiainana eto an-tany dia mampanao sakodim-panina ny mponina ao aminy, koa ny voarebirebiny dia izay variana aminy sy izay miondrik’aminy ary izay manantena azy. Ry olombelona, moa ve tsy novakianareo ny Qour’an, tsy hainareo ve ny lalànan’ny islam? Ianareo dia miantsembotra amin’ily zanaky ny Mpaminaninareo mba hamono

Azy nohon'ny fanagejana sy ny fankahalana fotsiny? Ry ianareo olombelona, indro ny reniranon'i Efroata fa sotroin'ny alika sy ireo madjousse¹, kanefa ny taranaky ny Mpaminanareo dia avelanareo matin'ny hetaheta?!"

Namaly izy ireo hoe:

"Tanianana amin'i Allah fa tsy hanandrana amin'io rano io mihitsy ianao fa kosa ny fahafatesana no hanandrana anao miaraka amin'ny fahasemporana".

Rehefa naheno izany ny Imàm (a.s) dia niverina tamin'ireo mpanara-diany ka nilaza hoe:

"Ny vahoaka dia efa babon'ny satana, moa ve tsy ny vondron'ny satana no matiantoka?!"

*Efa tafahoatra ry vahoaka farany ratsy ny fanagejanareo,
Ary notoherinareo ny tenin'ny Mpaminany Mouhammad,
Ilay olona tena tsara ve tsy efa nanafatra anareo momba anay,
Tsy ny Raibeko Ahmad ve no safidin'i Allah,
Tsy i Az-Zahrà ve no Reniko ary ny Raiko dia i Ali,
Rahalahin'ilay olona tsara amin'ny olon-drehetra izay henin-kaja,
Voaozona sy afa-baraka ianareo amin'izay efa nataonareo,
Ary ho tojo ny sazy ianareo amin'ny toerana hitamason'ny rehetra,*

Rehefa nahavita izany teny miendrika tononkalo izany Izy (a.s) dia nibaiko an'i Anas al-Kahili mba handeha hananatra an'ireo vahoaka sao dia mba ho tonga saina ihany izy ireo, ary nilaza Izy (a.s) hoe:

"Fantatro fa tsy ho tonga saina izy ireo fa izany dia ho vavolombelona amin'izy ireo".

Koa dia lasa i Anas nankany amin'Ibn Saand fa tsy niarahaba nanao salàm azy akory.

Niteny taminy Ibn Saand hoe:

¹ Tsy mpino.

“Nahoana ianao no tsy manao salâm amiko sa ve tsy silamo izaho araka ny fahitanao?”

Namaly i Anas hoe:

“Ianiavako amin’i Allah fa tsy silamo akory ianao noho ianao te hamono ny zanak’ily Irak’i Allah (s.a.w)”.

Ary dia nitanondrika Ibn Saand izay vao niteny hoe:

“Mianiana amin’i Allah aho fa fantatro tsara fa izay mamono Azy dia miditra ao amin’ny Afobe, fa kosa tsy maintsy manatanteraka ny baikon’ily filoha Obaïdoullah Ibn Zyâd aho”.

Avy eo niverina tamin’ny Imâm Houssein (a.s) izy ka nanambara taminy izany resaka izany.

Niteny i Mouslim Ibn Awsadja hoe:

“Mianiana amin’i Allah aho fa ataoko tapatapaka ao an-tratran’izy ireo ny zana-tsipika ary ny sabatro hikapokapoako ny tendan’izy ireo mandra-pihaonako amin’i Allah Ilay Be Voninahitra mba ho hitany fa isika dia niaro ireo taranak’ily Irany, koa raha vonoina aho avy eo dia velomina indray, im-pitopolo no anaovana ahy toy izany dia tsy handao anao velively aho ry zanak’ily Irak’i Allah”.

Niteny tahak’izany koa i Zouhaïr Ibn Al-qâïn avy eo nifandimby nanao teny mitovitovy amin’izany avokoa ny tsirairay tamin’ireo mpanara-dian’ny Imâm Houssein (a.s).

Niteny ireo mpanara-diany rehetra nanao hoe:

“Ny tenanay dia ataonay sorona ho an’ny tenanao, koa raha vonoina izahay dia efa tanterakay ny adidy mikasika ny zonao eo anatrehanay”.

* * *

Fiomanana amin'ilay ady

Avy eo i Omar Ibn Saand dia nametraka teo amin'ny ilan-kavanoan'ireo miaramilany ny olona antsoina hoe Sinàn Ibn Anas ary eo an-kaviany i Chimr Ibn Djawchàn, ny tsirairay amin'izy roalahy dia manana mpitaingin-tsoavaly miisa efatr'arivo ary i Omar sy ireo miaramilany ambiny kosa dia eo afovoan'izy ireo.

Teo amin'ny Imàm Houssein (a.s) kosa dia nataony an-kavanoany i Zouhaïr Ibn Al-qāïn miaraka amin'ny miaramila miisa roapolo ary eo an-kaviany dia i Habib Ibn Mazahir miaraka amin'ny mpitaingin-tsoavaly miisa telopolo, ary nihady lavaka nanodidina ireo tranolay izy ireo izay nampirehetin'izy ireo afo mba hahatonga ny fifandonana eo amin'ny ady ho eo amin'ny vavan'ady iray ihany.

Nisy olona voaozona iray niteny nanao hoe:

“Ry Houssein, maika ho any amin'ny afon'ny eto an-tany ianao mialohan'ny afon'ny any ankoatra”.

Namaly ny Imàm (a.s) hoe:

“Ianao ve no manompa ahy amin'ilay afo kanefa ny Raiko no mpizara azy io, ary Ilay Andriamanitra Tompoko no Be Famelan-keloka sy Be Famindram-po”.

Avy eo niteny tamin'ireo mpanara-diany Izy (a.s) nanao hoe:

“Moa ve mba hainareo io olona io?”

Namaly izy ireo hoe:

“Izy no Djoubair Al-kalbî” (Ozon'i Allah anie ho azy).

Niteny ny Imàm Houssein (a.s) hoe:

“Tompoko Allah ô, doroy amin'ny afo eto an-tany izy mialohan'ny afon'ny andro farany”.

Mbola tsy tapitra akory izany tenin'ny Imàm (a.s) izany dia nentin'ny soavaliny niriotra mafy i Djoubair ka nianjera latsaka tao anatin'ilay afo koa dia may ary dia nanome voninahitra an'i Allah ny

rehetra nanao hoe “Allah Akbar”. Avy eo dia nisy antso avy any andanitra nanao hoe: “Arahabaina Ianao tamin’ny valim-bavaka haingana ry zanak’ily Irak’i Allah!”

Nilaza i Abdoullah Ibn Masroun nanao hoe:

“Rahefa nahita izany aho dia niverin-dàlana tsy hiady amin’ny Imàm Houssein”.

* * *

Niteny olona iray antsoina hoe Abou Thamata As-swaïdawî tamin’ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Ry lehibeko, tariho ny swalât dhouhr sy answr ataonay fa toa efa hitanay sahady fa ireo no swalât farany ataonay miaraka Aminao, amin’izay hifanena amin’i Allah amin’ny fanatanterahana ny didiny.”

Koa nanao adhàn io olona io avy eo nanao iqàmah ary nitsangana izy ireo hanao ny swalât fa tamin’izany indrindra ireo fahavalo no nandefa ireo zana-tsipika tamin’izy ireo.

Niteny ny Imàm (a.s) hoe:

“Ity lozanareo ry fahavalo, fa tsy mba afaka mampiato ny ady na dia kely ve ianareo ambara-pahavitan’ny vavaka ataonay?”

Tsy nisy anefa namaly Azy afa-tsy i Al-haswîn Ibn Noumaïr nanao hoe: “Ry Houssein, ny swalât ataonao dia tsy ekena.”

Namaly izany Habib Ibn Mazahir nanao hoe:

“Raha toa ka tsy ekena ny swalât ataon’ny zanak’ily Irak’i Allah (s.a.w) dia moa ve ny ataonao no ekena ry zanak’ily mamolava, ilay mipipy mitsangana?!”

* * *

[مَقْتُلُ حَبِيبِ بْنِ مَظَاهِرٍ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an’i Habib Ibn Mazahir (r.a)

Avy eo dia niatrik’ady i Habib Ibn Mazahir ka nanafika avy hatrany an’i Al-haswîn Ibn Noumaïr izay nokapohiny mafy ka nianjera tamin’ny tany avy teo ambony soavaliny inty farany fa tonga nanavotra

azy ireo namany, nefa mbola nanafika hatrany i Habib ka nahafaty miaramila maro tamin'izy ireo, mandra-pahafatesany, ary hoy i Houssein (a.s) hoe:

"يَرْحَمُكَ اللهُ يَا حَبِيبُ، لَقَدْ كُنْتَ تَخْتِمُ الْقُرْآنَ فِي لَيْلَةٍ وَاحِدَةٍ وَأَنْتَ فَاضِلٌ"

“Hamindrafo aminao anie i Allah ry Habib, ianao dia nahavita mamaky ny Qur’an manontolo ao anatin’ny alina iray ary ianao dia olona manam-boninahitra.”

* * *

[مَقْتَلُ زُهَيْرٍ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an’i Zouhaïr (r.a)

Fa niteny i Zouhaïr Ibn Al-qaïn hoe:

“Ry lehibeko, hitako amin’ny endrikao ny alahelo taorian’ny nahafaty an’i Abbàs sy i Habib, fa angaha moa isika tsy tompon’ny fahamarinana?”

Namaly ny Imàm Houssein (a.s) hoe:

“Izay tokoa, fa ianiavana amin’Ilay Andriamanitra Marina fa isika dia tompon’ny fahamarinana.”

Niteny i Zouhaïr (r.a) hoe:

“Koa inona no mampalahelo amin’ny fahafatesanay kanefa isika dia hiditra ao am-Paradisa sy ao amin’ny fahasoavany.”

Ary dia niatrik’ady izy avy eo ka nanafika an’ireo fahavalo ary namono mpitaingin-tsoavaly miisa roapolo, avy eo izy dia niverina tamin’ny Imàm Houssein (a.s) mba hanao swalàt djamaanh ary niteny inty farany nanao hoe:

“Ry vahoakako, ity ilay Paradisa efa misokatra ny varavarany ary ireo voankazony dia efa malalaka, ary ity ilay Irak’i Allah efa miandry ny fahatongavantsika ka arovinareo ny finoan’i Allah sy ny voninahitry ny zanak’ily Irak’i Allah (s.a.w).”

Taorian’izany dia nanohy ny ady hatrany izy ka nahafaty fahavalo dimam-polo mahery mandra-pahafatesany ho maritiora.

* * *

[مَقْتَلُ حَنْظَلَةَ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Hanzalah (r.a)

Niatrak'ady i Hanzalah sady niteny hoe:

*Ry vahoaka ratsy fototra sy vatsy,
Firifiry ny fankahalanareo anay,
Ianareo olona tena mpanompo ratsy,
Enga anie i Allah tsy hitahiry taranaka ho anareo.*

Nanohy ny ady hatrany izy ka nahafaty mpitaingin-tsoavaly miisa enim-polo mandra-pahafatesany ho maritiora.

* * *

[مَقْتَلُ الْمُعَلَّا (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Al-mouanllà (r.a)

Niatrik'ady i Al-mouanllà Ibn Al-inlà (r.a) ka nanohy ny ady ary nahafaty mpitaingin-tsoavaly roapolo fa ny vatany dia voan'ireo zana-tsipika miisa fitopolo ka lasa toy ny sokina ny hodiny. Nony farany dia notapahan'izy ireo ny lohany ka natsipiny teo anatrehan'ny Imàm Houssein (a.s). Teo ampandraisana ny lohan-janany ny reniny dia niteny hoe:

"الْحَمْدُ لِلَّهِ قُتِلَتْ يَا وَلَدِي بَيْنَ يَدَيِ ابْنِ رَسُولِ اللَّهِ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ"

“Isaorana i Allah, fa novonoina ianao ry zanako teo anatrehan'ny zanak'ilay Irak'i Allah (s.a.w).”

"نَمْ قَالَتْ: "يَا أُمَّةَ السُّوءِ أَشْهَدُ أَنَّ الْيَهُودَ وَالنَّصَارَى خَيْرٌ مِنْكُمْ"

Avy eo, mbola nanohy ny teniny ilay reny nanao hoe:

“Ry vahoaka ratsy, mijoro vavolombelona aho fa ny jiosy sy ny kristiana no tsara mihoatra anareo.”

* * *

[مَقْتُلُ عَبْدِ اللَّهِ بْنِ مُسْلِمٍ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Abdoullah Ibn Mouslim (r.a)

Niatrik'ady i Abdoullah Ibn Mouslim Ibn Aqil no sady niteny hoe:

*Izahay no taranak'i Hachim ilay be voninahitra,
Arovanay ilay Filoha sady Imàm
Taranak'i Ali, zanak'ilay Filoha mahery fo
Zafin'ny Mpaminanin'Ilay Tompon'izao tontolo izao*

Nanohy niady izy ka nahafaty fahavalo mpitaingin-tsoavaly miisa dimam-polo mahery eo noho eo mandra-pahafatesany ho maritiora. Rehefa tazan'ny Imàm Houssein (a.s) izy dia niteny Imàm (a.s) hoe:

"اللَّهُمَّ اقْتُلْ قَاتِلَ آلِ عَقِيلٍ"

“Ry Allah Tompoko o, vonoy ilay namono taranak'i Aqil”

Avy eo Izy (a.s) niteny hoe:

“Tafiho izy ireo, -fahasoavan'i Allah anie ho aminareo- ary mifarombaha ianareo amin'ilay Paradisa izay trano fitoeran'ny manam-pinoana.”

* * *

[مَقْتُلُ عَوْنِ بْنِ عَبْدِ اللَّهِ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Anwn Ibn Abdoullah (r.a)

Niatrik'ady i Anwn Ibn Abdoullah Ibn Djaenfar At-Twayyàr (r.a) ka nahafaty fahavalo miisa enim-polo mandra-pahafatiny ho maritiora.

* * *

[مَقْتُلُ عُرْوَةَ الْغَفَّارِي (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Ourwah Al-gcaffari (r.a)

Niatrak'ady i Ourwah na dia efa antitra be aza izay nahita ny adin'i badr sy i swifin ary i hounaïn ka niteny taminy ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Efa nankasitraka ny fihetsikao i Allah ry rangahy.”

Fa nanohy ny adiny izy ka nahafaty fahavalo miisa dimy amby roapolo mandra-pahafitiny ho maritiora.

* * *

[مَقْتَلُ مَالِكٍ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Màlik (r.a)

Niatrik'ady i Màlik ka nahafaty fahavalo miisa efatra ambin'ny efapolo mandra-pahafatiny ho maritiora.

* * *

[مَقْتَلُ مُوسَى بْنِ عَقِيلٍ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Moussà Ibn Aqïl (r.a)

Niatrik'ady i Moussà Ibn Aqïl ka nahafaty fahavalo miisa enim-polo mandra-pahafatesany ho maritiora.

* * *

[مَقْتَلُ أَحْمَدَ بْنِ مُحَمَّدٍ الْهَاشِمِيِّ (رضي الله عنه)]

Ny nahamaritiora an'i Ahmad Ibn Mouhammad Al-hachimi (r.a)

Niatrik'ady i Ahmad Ibn Moummad Al-hachimi ka nahafaty fahavalo maro mandra-pahafatesany ho maritiora.

* * *

[مَقْتَلُ سُلَيْمَانَ مَوْلَى الْحُسَيْنِ (ع)]

Ny nahamaritiora an'i Soulaïman mpanompon'i Houssein (a.s)

Niatrik'ady i Soulaïman (a.r) mpanompon'i Houssein (a.s) ka nahafaty fahavalo maromaro mandra-pahafatesany ho maritiora.

* * *

[تَوْبَةُ الْحُرِّ (رضي الله عنه) وَ مَقْتَلُهُ وَ ابْنُهُ]

**Ny Fibebahan'i Hourr Ibn Yazidir-Riyahî (a.r)
sy ny nahamaritiora azy miaraka amin'ilay zanany**

Avy teo ny Imàm Houssein (a.s) dia nitoditodika an-kavia sy an-kavanana mba hijery vatan-dehilahy izay afaka hifanandrina amin'ireo fahavalo nefa tsy nahita intsony, ka nitomany mafy Izy (a.s) no sady niantsoantso nanao hoe:

"وَ مُحَمَّدَاهُ، وَ عَلِيَّاهُ، وَ حَمَزَاهُ، وَ جَعْفَرَاهُ، وَ عَبَّاسَاهُ"

Avy eo Izy (a.s) niteny hoe:

“Ry vahoaka, tsy misy ve mpanampy afaka hanampy anay? Tsy misy olona matahotra ny sazin'i Allah ve mba hiaro anay?”

Avy eo nanohy ny teniny Izy (a.s) nanao hoe:

*Izaho no zanak'i Ali ilay madio avy amin'ny taranak'i Hachim,
Ampy Ahy ho voninahitra izany rehefa mirehareha Aho,
Ary i Fâtwhmah no Reniko ary i Mouhammad no Raibeko,
Ny dadatoako dia i At-Twayyâr, ao amin'ny Paradisa i Djaenfar,
Aminay no nanazavan'i Allah ny fahitsiana amin'ny fahaverezana
Ary ao aminay no fanarahana ny reharehan'izao tontolo izao
Ary ny olona mpanara-dianay no mpanara-dia tsara indrindra
Fa izay mankahala anay dia matiantoka amin'ny andro farany
Sambatra ny olona izay mamangy anay aorian'ny fahafatesanay
Ao am-Paradisan'i Edena izay tsy miova ny hatsarany*

*Rehefa tonga ao anatin'ny hetaheta amin'ny andro farany
Hampisotroin'i Haïdar rano amin'ny felatanany ao am-Paradisa*

Naheno izany tenin'ny Imàm (a.s) izany i Hourr dia niteny tamin'ny zanany hoe:

“Houssein mila vonjy nefa tsy misy mamonjy Azy, moa ve manaiky ianao raha isika no hamonjy Azy hiady eo anatrehany no sady hanao sorona ny tenantsika ho Azy, fa isika dia tsy hahavita hiaritra amin'ilay Afobe sy ny hatezeran'i Allah Ilay Tsy Refesi-mandidy, amin'izay tsy ho lasa fahavalontsika i Mouhammad ilay voafidy?”

Namaly ilay zanany nanao hoe:

“Mianiana amin'i Allah aho fa mankato anao”

Avy eo dia lasa haingana izy roa mianaka nitaingin-tsoavaly sahala amin'ireo olona efa ao anatin'ny ady mandra-pahatongavan'izy roa teo anatrehan'ny Imàm (a.s) ary nidina izy roa ka nanoroka ny tany.

Niteny tamin'ny Imàm Houssein (a.s) i Hourr nanao hoe:

“Ry lehibeko, izaho no nanakana Anao tsy nahafahanao niverina, mianiana amin'i Allah aho fa tsy nanampo an'ireo vahoaka voaozona ireo hanao izany zavatra ataon'izy ireo Aminao izany, koa tonga eto Aminao izahay mianaka mba hibebaka.”

Nanafika an'ireo fahavalo ireo ilay zanany ka nahafaty miaramila miisa efatra ambin'ny roapolo mandra-pahafatesany ho maritiora. Faly dia faly i Hourr rainy ary niteny nanao hoe:

“Dera sy laza ho an'i Allah izay nahafaty maritiora ny zanako teo anatrehan'ny zanak'ilay Irak'i Allah.”

Avy eo i Hourr nandeha niatrik'ady, ka niady sy tena niady ary nahafaty miaramila fahavalo maromaro, nony avy eo dia niverina tamin'ny Imàm Houssein (a.s) izy no sady niteny nanao hoe:

*Matiantoka ny vahoaka mitsipaka ny baikon'ny Tompon'izy ireo
Izay te hanapotika ny finoana kanefa ny finoana dia làlan-kizorana*

*Mila hamono an-tsitrapo ireo taranak'i Mouhammad
Ary ny raiben'izy ireo dia tsy ho mpanavotra ny fahavalon'izy ireo*

Taorian'izany dia lasa izy nanatona an'ireo miaramila fahavalo ary niteny nanao hoe:

“Ry ianareo vahoakan'i Koufa, indro i Houssein izay nantsoinareo ary nilaza ianareo fa hanavotra Azy sy hanao sorona ny tenanareo eo anatrehany nefa izao indray ianareo dia manafika Azy sy manao Azy ho fahirano amin'ny vazan-tany rehetra ary nosakananareo ny fianakiaviany tsy hisotro ilay renirano nefa na dia ny alika sy ny kisoa aza dia afaka misotro aminy, ratsy tena ratsy ny nataonareo ary tsy hampisotroin'i Allah ianareo amin'ny andro tena mampangetaheta lehibe raha tsy mitsahatra amin'io fombanareo io ianareo.”

Avy eo izy dia nanafika mafy azy ireo ka nahafaty miaramila miisa dimam-polo mandra-pahafatiny ho maritiora (r.a). Notapahin'ireo fahavalo ny lohany ka natsipin'izy ireo teo anatrehan'ny Imàm (a.s) izay noraisin'ity farany ka napetrany teo am-pofaony no sady nitomany Izy no namafamafa ny rà mihosina eo amin'ny tarehiny. Ary niteny Imàm (a.s) nanao hoe:

"وَاللّٰهُ مَا اَخْطَاْتُ اُمَّكَ اِذْ سَمَّيْتُكَ حُرًّا، فَانْتَ وَاللّٰهِ حُرٌّ فِي الدُّنْيَا وَ سَعِيدٌ فِي
الْآخِرَةِ"

“Mianiana amin'i Allah Aho fa tsy diso ny reninao raha niantso anao hoe Hourr fa ianiavana amin'i Allah fa ianao dia olon'afaka eto an-tany sy olon-tsambatra any amin'ny andro farany.”

* * *

[مَقْتُلُ الْقَاسِمِ (ع)]

Ny nahamaritiora an'i Qassim (a.s)

Avy eo niatrik'ady i Qassim (a.s) izay zanak'i Hassan Al-Moudjtabà (a.s) nefa mbola tanora izy tamin'izany. Nanafika mafy an'ireo fahavalo izy ka nahafaty miaramila miisa enim-polo, fa nony farany dia nisy lehilahy iray nikapoka tamin'ny sabatra teo an-tampon-dohany ary rehefa lavo tamin'ny tany izy dia niantsoantso mafy nanao hoe:

"يَا عَمَّاءُ أَدْرِكْنِي"

“Ry dadatoako, vonjeo aho!”

Teo noho eo ny Imàm (a.s) dia nandeha nanafika ka nampisavoritaka an’ireo fahavalo ka nahafaty an’ireo izay namono an’i Qassim (a.s) , noraisiny i Qassim avy eo dia nitomany mafy Izy sady niteny nanao hoe:

“Ry Allah Tompoko, efa fantatrao fa izy ireo dia niantso Anay mba hanavotray kanefa namela Anay ho afa-baraka izy ireo sy niady Aminay. Tompo ô, aza arotsaka amin’izy ireo ny andon’ny lanitra ary sakano ho azy ireo ny fahasoavanao. Tompo ô, aza mamela azy ireo mihitsy. Tompo ô, raha sakananao ho Anay ny fandresena eto an-tany dia mba ataovy tahiry ho Anay izany any amin’ny andro farany ary mamalia faty ho Anay amin’ireo vahoaka mpanageja.”

* * *

[مَقْتَلُ أَحْمَدَ بْنِ الْحَسَنِ (ع)]

Ny nahamaritiora an’i Ahmad Ibn Al-Hassan (a.s)

Avy eo niatrik’ady indray i Ahmad rahalahin’i Qassim, izay mbola zaza eo amin’ny faha-17 taonany. Ary niteny izy nanao hoe:

Izaho dia zanaky ny Imàm izay zanak’i Ali

Izahay sy ny Tranon’i Allah no mendrika eo amin’ily Mpaminany

Kapohiko amin’ny sabatra ianareo mandra-piforetany

Tsindromiko amin’ny lefona ianareo mandra-piolahany

Ary nanafika izy ka nahafaty miaramila miisa valopolo, avy eo dia niverina tamin’ny Imàm (a.s) izy ary nohon’ny hetaheta mafy loatra nanjo azy dia lasa lali-maso izy. Niantsoantso mafy izy nanao hoe:

"يَا عَمَّاءُ هَلْ شُرْبِيَّةٌ مِنْ مَاءٍ أَتَقَوَّى بِهَا عَلَى أَعْدَاءِ اللَّهِ وَ أَعْدَاءِ رَسُولِهِ؟"

“Ry dadafarako, moa ve misy rano kely azo sotroina mba hampatanjaka ahy eo amin’ny fahavalon’i Allah sy ilay Irany?”

Fa namaly azy ny Imàm (a.s) hoe:

“Ry zanako malala, miareta kely fa hifanena amin’ny Raibenao, i Mouhammad Al-Moustapha (s.a.w) ianao dia ampisotroiny ianao ka tsy hangetaheta intsony mandrakizay aorian’izany.”

Ary lasa nanafika izy ka nahafaty fahavalo maro izay vao maty maritiora (a.s).

* * *

[مَقْتُلٌ عَلِيٍّ الْأَكْبَرِ (ع)]

Ny nahamaritiora an’i Ali Akbar (a.s)

Avy eo, niatrik’ady i Ali Akbar (a.s) zanaky ny Imàm Houssein (a.s), izay zaza mbola 17 taona tamin’izany fotoana izany, ary niteny izy nanao hoe:

*Izaho no Ali zanak’i Houssein izay zanak’i Ali
Izahay sy ny tranon’i Allah no mendrika eo amin’ilay Mpaminany
Kapohiko ianareo amin’ny sabatra tsy dombo
Tsiindromiko zanatsipika ianareo ao anatin’ny vovoka mitorajofa*

Avy eo dia lasa nanafika mafy izy ka nahafaty miaramila fahavalo miisa valopolo, nony farany dia nisy nikapoka ny lohany masina ka nianjera teo amin’ny tany izy, fa niarina nipetraka mahitsy izy sady niantsoantso nanao hoe:

“Ry Raibeko, indro i Mouhammad Al-Moustapha (s.a.w) sy i Ali Al-Mourtalwà (a.s), indro koa ny Renibeko i Fàtwimatouz-Zahrà (a.s) sy i Khadidjatoul-Koubrah (a.s).”

Naheno izany ny Imàm Houssein (a.s) dia lasa nanafika haingana an’ireo miaramila fahavalo ka nampisavoritaka azy ireo. Nalainy ilay zanany ka napetrany teo am-pifoany ny lohany ary namafamafa ny rà mihosina tamin’ny tarehin-janany Izy sady niteny nanao hoe:

“Voaozona ireo vahoaka namono anao ry zanako! Ahoana izany fahasahisahan’izy ireo an’i Allah sy ny fanalam-baraka an’ireo taranak’ilay Irak’i Allah izany!!”

Lasa niraradraka ny ranomason’ny Imàm (a.s), nigogogo mafy nitomany ireo vehivavy fa nampitony azy ireo ny Imàm sady niteny hoe:

"أَسْكُتْنَ فَإِنَّ الْبُكَاءَ أَمَامُكُنَّ"

“Mangina ianareo fa ny tena fitomaniana dia ho avy eo alohanareo.”

* * *

Hormalà tsy mataho-tody

*Hormalà dia olona tsy mataho-tody e!
Olona “maenssoum” nefa novonoiny!*



Sahiny nofaizina, i Ali Asghar !
Dia nampijaliany, i Ali Asghar !
Ka nampamonoiny, i Ali Asghar !
Olona “maenssoum” nefa novonoiny!

Sahiny notifirina, i Ali Asghar !
Dia nampijaliany, i Ali Asghar !
Ka nampamonoiny, i Ali Asghar !
Olona “maenssoum” nefa novonoiny!

Sahiny novonoina, i Ali Asghar !
Dia nampijaliany, i Ali Asghar !
Ka nampamonoiny, i Ali Asghar !
Olona “maenssoum” nefa novonoiny!

* * *

[مَقْتُلُ عَبْدِ اللَّهِ الرَّضِيعِ (ع)]

Ny nahamaritiora an'i Abdoullah, ilay zazamenavava (a.s)

Niteny i Oummou Koulthoum, anabavin'ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe:

“Ry anadahiko, ny zanakao i Abdoullah dia tsy nisotro rano efa nandritra ny telo andro ka tadiavo rano amin'ireo miaramila izy mba hampisotroinao azy.”

Koa dia nentiny izy nankany amin'ireo miaramila ary hoy Izy (a.s) hoe:

“Ry miaramila, efa novonoinareo ireo mpanara-diako sy ny zanaky ny dadatoako sy ireo rahalahiko ary ny zanako, ka ity zazamenavava vao enim-bolana ity no sisa tavela, izay mitaraina mangetaheta mafy izaitsizy koa aoka ianareo hampisotro rano azy na dia indray mitete fotsiny aza.”

Teo am-piresahana izany indrindra Izy (a.s), no nisy nitifitra zanatsipika izay nitsatoka teo amin'ny tendan'ilay zaza ka nahafaty azy. Misy milaza fa ny olona nitifitra an'io zanatsipika io dia antsoina hoe Ounqbah Ibn Bachir -ozon'i Allah anie ho azy-.

Niteny ny Imàm (a.s) tamin'izany fotoana izany nanao hoe:

"اللَّهُمَّ إِنَّكَ شَاهِدٌ عَلَى هَؤُلَاءِ الْقَوْمِ الْمَلَّاعِينَ، إِنَّهُمْ قَدْ عَمَدُوا أَنْ لَا يُبْقُوا مِنْ دُرِّيَّةِ رَسُولِكَ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ"

Ary tamin'izay fotoana izay, ny Imàm (a.s) dia nitomany nigogogogo mafy no sady niteny nanao hoe:

*Ry Tompo ô, aza avelanao irery aho
Efa nahariharin'izy ireo ny haratsiana sy ny fitsipahana
Nataon'izy ireo izahay eo anatrehan'izy ireo ho toy ny andevo
Mba hahafalifaly an'i Yazid ny amin'ny fihetsika ataon'izy ireo
Fa ny rahalahiko kosa dia efa lasa maritiora
Navela izy eo amin'ny tany efitra mangina
Ary Ianao no manaramaso ô r'Ilay Mendri-piderana.*

* * *

Veloma Aminao ry Baba



Baba a, veloma Aminao!
Baba a, veloma Aminao!
Hoy i Sakina nilaozanao
Nanantena ny hiverenanao
Ho any Madina nilaozanao

Baba a, veloma Aminao!
Baba a, veloma Aminao!
Hoy i Sakina nilaozanao
Nanantena ny hiverenanao
Raha vao vita ny adidinao

Baba a, veloma Aminao!
Baba a, veloma Aminao!
Hoy i Sakina nilaozanao
Nanantena ny hiverenanao
Raha namita ny adidy Ianao

* * *

[وَدَاعُ الْحُسَيْنِ (ع)]

Fanaovam-beloman'ny Imàm Houssein (a.s)

Ny Imàm (a.s) dia niantso nanao hoe:

"يَا أُمَّ كُلُّوْمَ، وَ يَا سُكَيْنَةَ، وَ يَا رُقِيَّةَ، وَ يَا عَاتِكَةَ، وَ يَا زَيْنَبُ، يَا أَهْلَ بَيْتِي
عَلَيْكُنَّ مِنْي السَّلَامُ"

“Ry Oummou Koulthoum, ry Soukaïnah, ry Rouqiyah, ry Antikah, ry Zaïnab, ry havako akaiky ho aminareo anie ny fiadanana avy amiko.”

Rehefa naheno izany ireo vehivavy dia nitaraina mafy tamin'ny fitomaniana ary nofikirin'ny Imàm (a.s) teo amin'ny tratrany i Soukaïnah zanany, ka norofany teo anelanelan'ireo masony, sady nofafany ny ranomason'ily zaza. Fa Izy (a.s) dia nanana fitiavana azy tafahoatra ka niezaka nampangina azy tamin'ny alalan'ny tambitamby nanao hoe:

*Fantaro ry Soukaïnah fa hitohy aminao
Ny fitomaniana rehefa iharan'ily fahafatesana aho
Aza mandoro ny foko amin'ny ranomasonao
Raha mbola amin'ny vatako ny fofon'aiko
Fa raha vonoina aho, ianao no mendrika voalohany
Hanao izay ataonao amiko r'ily tsara amin'ireo vehivavy*

* * *

[مَقْتَلُ الْحُسَيْنِ (ع)]

Ny nahamaritiora an'ny Imàm Houssein (a.s)

Avy eo, ny Imàm Houssein (a.s) nanantona an'ireo miaramilan'i Yazid, ary niteny nanao hoe:

"يَا وَيْلَكُمْ أَ تَقْتُلُونِي عَلَى سُنَّةِ بَدَلْتُمْهَا؟ أَمْ عَلَى شَرِيعَةٍ غَيْرِئُهَا؟ أَمْ عَلَى جُرْمٍ فَعَلْتُمْهُ؟ أَمْ
عَلَى حَقٍّ تَرَكْتُمْهُ؟"

“Ry ianareo tsy mifaditrovana, moa ve ianareo te hamono Ahy nohon’ny sori-dàlana izay novaiko? Sa nohon’ny lalàna novaiko? Sa nohon’ny fahotana nataoko? Sa nohon’ny zo tsy notanterahiko?”

Namaly Azy (a.s) izy ireo hoe:

"إِنَّا نَقْتُلُكَ بُغْضًا لِأَبِيكَ"

“Izahay tena marina dia hamono anao nohon’ny fankahalanay ny rainao.”

Koa rehefa naheno izany valitenin’izy ireo izany ny Imàm (a.s) dia avy hatrany nanafika mafy an’ireo miaramila ka nahafaty mpitaingin-tsoavaly miisa zato tamin’izy ireo; avy eo izy niverina nankao amin’ny tranolainy, namaky tononkalo lava dia lava anisan’izany izao andalan-teny manaraka izao:

*Safidin’i Allah tsara indrindra amin’ny zava-boahary dia ny Raiko
Taorian’ny Raibeko, koa izaho dia zanaky ny hatsarana anankiroa
Marina tokoa fa ny Reniko dia i Az-Zahra ary ny Raiko
Dia ilay mpandovan’ny fahalalana sy lehiben’ny jiny sy ny olona
Izy dia nanompo an’i Allah hatramin’ny nahazatovo Azy
Tamin’izany fotoana izany anefa ny Qouraiçh dia nanompo sampy
Izy ireo dia nampiaraka ny fanompoana an’i làty sy i ounzzà
Nefa i Ali dia nitsangana, nanompo nanoloana ny Qiblatain
Niaraka tamin’ny Mpaminanin’i Allah nandritra ny fito taona
Tsy nisy teto an-tany nanao swalât afa-tsy Izy roa*

.....

Avy eo Izy (a.s) dia nanafika mafy azy ireo ka nampisava ny làlana nizorany izay nahatongavany teo amin’ilay reniranon’i Eofrata ary nampisotroiny rano ny soavaliny, nanampatra ny tanany Izy (a.s) mba haka rano hosotroiny no sady entiny any amin’ireo ankizy amam-behivaviny, fa tampoka teo dia nisy antsoantso henony nanao hoe:

"يَا حُسَيْنُ، أَدْرِكْ حَيْمَةَ النَّسَاءِ فَإِنَّهَا هُنَّكَتُ"

“Ry Houssein, vonjeo haingana ny tranolain’ireo vehivavy fa alain’izy ireo Baraka!”

Teo noho eo dia nariany ilay rano teo amin’ny tånany ka nandeha haingana Izy (a.s) namonjy nankany amin’ny tranolay kanefa nony tonga tao Izy (a.s) dia nahita ireo ankizy amam-behivaviny mandry fahalemana tsy nisy olana akory ka tamin’izay fotoana izay vao tsapany (a.s) fa hay ilay antsoantso teo iny dia teti-dratsin’ireo miaramila.

Avy eo ny Imàm Houssein (a.s) dia lasa nandeha niady indray ary nanafika an’ireo miaramila avy amin’ny elatra an-kavanana sy ny elatra an-kavia ka nahafaty maromaro tamin’ireo miaramila. Rehefa hitan’i Shimr -ilay voaozona- izany hafanam-pon’ny Imàm Houssein (a.s) izany dia niteny tamin’Ibn Saand izy nanao hoe:

“Ry filohan’ny tafika, tena marina ity lehilahy ity dia hamono antsika rehetra amin’io fanafihany antsika io.”

Namaly Ibn Saand hoe:

“Koa inona àry no hataontsika?”

Dia hoy i Shimr hoe:

“Mila tafihina indray mandeha miaraka izy ka ny sasany mikapoka azy amin’ny sabatra, ny sasany mitora-defona ary ny hafa mitifitra amin’ny zanatsipika.”

Notanterahin’izy ireo tokoa izany hevitra izany ka nahatonga an’ny Imàm (a.s) nihanalemy nohon’ny ratra maro nahazo Azy; ary nisy zanatsipika notifirin’ny miaramila iray antsoina hoe Khawli Ibn Yazid al-Asbahî -ilay voaozona- izay nampianjera an’ny Imàm (a.s). Avy eo dia nipetraka ny Imàm (a.s) nanaisotra ilay zanatsipika amin’ny vatany tamin’ny alalan’ny tånany anankiroa ary dia nitsotsorika ny ràny avy amin’ny lohany mikoriana amin’ny somony no sady niteny Izy nanao hoe:

" هَكَذَا أَلْقَى اللَّهُ وَ أَلْقَى رَسُولَ اللَّهِ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَ آله وَ سَلَّمَ "

“Toy izao no hihaonana amin’i Allah sy hihaonana amin’ilay Irak’i Allah (s.a.w)”.

Nony avy eo dia fanina Izy (a.s) ka lavo teo amin'ny tany. Rehefa afak'izany dia te hitsangana Izy (a.s) nefa tsy nahavita. Tamin'izay dia nisy miaramila iray avy amin'ny fokon'ny Kindi, nikapoka teo amin'ny lohany masina (a.s) ka nahavaky izany ary dia latsaka teo amin'ny tany ny fehilohany. Avy eo, dia niteny taminy ny Imàm hoe: “enga anie ianao tsy afaka hisakafo amin'ny tanagerana no sady tsy afaka hisotro rano amin'ny alalany ary hatsangan'i Allah ianao miaraka amin'ireo olona mpanageja.”

Nilaza i Abou Mikhnaf fa rehefa nalain'ily Kindi ny fehilohan'ny Imàm Houssein (a.s) dia niteny ily vadiny nanao hoe: “inty loza ho anao, efa novonoinao ve i Houssein avy eo dia mbola nalainao koa ny fitafiany, tena ianiavako amin'i Allah fa izaho dia tsy hiray trano aminao intsony.”

Avy teo dia saika hanome tehamaina an'ily vadiny izy fa saingy voan'ny fantsika tampoka ny tanagerany ka voatery notapahina mihitsy izany hatreo amin'ny lantotanagerany ary dia nanjary niaina tao anatin'ny fahantrana tanteraka izy.

Nilaza i Abou Mikhlaf hoe: nandritra ny telo ora ny Imàm Houssein (a.s) no nihosin-drà ary niandrahandra ny lanitra sady niteny hoe:

“Ry Andriamanitra ô, fiaretana no amin'ny lahatrao, ary tsy misy tompoina afa-tsy ianao, r'Ilay Mpamonjy an'ireo mila vonjy!”

Avy hatrany dia mpitaingin-tsoavaly miisa efapolo no indray nanafik'Azy (a.s) ka mila hanapaka ny lohany masina feno fahasavana amam-boninahitra sy feno fahasavana.

Niteny i Omar Ibn Saand nanao hoe: “Ry tsy valahara ireto, faingàna ianareo mamono azy.”, koa dia nanatona Azy (a.s) olona iray antsoina hoe Shibth Ibn Rib'ain, ary rehefa tsikariny ny Imàm (a.s) nibanjina azy, dia latsaka ny sabany ka vaky lositra izy no sady niteny hoe: “mangataka fiarovan'i Allah aho mba tsy hifanena Aminy, amin'ny alalan'ny ranagera ry Houssein.”

Tonga teo amin'i Shibth olona iray antsoina hoe Sinàn Ibn Anas, lehilahy fohy, manana somotra singa iray, feno habokana ny vatany,

manana endrika mitovitovy amin'i Shimr, izay niteny tamin'ilay nandositra hoe: “nahoana ianao no tsy namono azy? Aleo ny reninao tsy niteraka anao!”

Namaly azy i Shibth hoe: “ry Sinàn, raha nosokofany teo anatrehako ny masonry roa dia tazako mitovy tsy misy valaka amin'ny mason'ilay Irak'i Allah.”

Avy eo dia lasa nanakaiky an'ny Imàm (a.s) i Sinàn ary nanokatra ny masonry roa teo anatrehany ny Imàm (a.s), avy hatrany dia nangovitra ny tàmnan'i Sinàn ka lasa nandositra ihany koa izy.

Ary nanatona an'i Sinàn i Shimr -ilay voaozona- ka niteny taminy hoe: “aleo ny reninao tsy niteraka anao! Nahoana ianao no nandositra fa tsy namono azy?”

Namaly izy hoe: “Ry Shibth, nosokafany teo anatrehako ny masonry roa ka tsaroako ny haja amam-boninahitry ny Rainy, i Ali Ibn Abi Twàlib koa dia nandositra aho fa tsy nahavita namono azy.”

Niteny taminy i Shimr -ilay voaozona- hoe: “Tena marina ianao dia kanosa amin'ny ady, ianiavana amin'i Allah fa tsy misy olona na dia iray aza ankoatr'ahy no manan-jo kokoa amin'ny famonoana an'i Houssein.”

Avy teo izy dia niakatra teo ambony tratan'ity olo-masina ity, ka napetrany teo amin'ny vozony ny sabatra, ary efa vonona tokoa izy ny hanapaka ny tendany, fa nosokafan'ny Imàm Houssein (a.s) ny masonry roa teo anatrehan'i Shimr sady niteny hoe: “ry ilay voaozona, iza ianao no efa niakatra amin'ny fiakarana tena avo toy izao?”

Namaly Azy i Shimr hoe: “ilay miakatra eo amboninao dia i Shimr Ibn Djawshàn.”

Fa hoy ny Imàm Houssein (a.s) hoe: “moa ve fantatrao izaho ry Shimr?”

Namaly izy hoe: “eny, ianao dia i Houssein zanak’i Ali, ary ny Raibenao dia ilay Irak’i Allah, ny Reninao dia i Fàtwimatouz-Zahrà, ny rahalahinao dia i Al-Hassan.”

Niteny ny Imàm (a.s) hoe: “ry tsy vahalahara, raha ianao no mahafantatra izany dia nahoana ianao no mamono ahy?”

Hoy i Shimr hoe: “nohon’ny faniriko hahazo valisoa avy amin’i Yazid.”

Hoy Izy (a.s) taminy hoe: “ry tsy valahara, inona no tena tianao: ny valisoa avy amin’i Yazid sa ny fanavotan’ny Raibeko ilay Irak’i Allah (s.a.w) any amin’ny andro farany?”

Niteny i Shimr ilay voaozona hoe: “ny ampahenin’ny valisoa avy amin’i Yazid no tiako kokoa mihoatra ny fanavotana avy amin’ny raibenao.”

Avy eo dia niteny taminy ny Imàm Houssein (a.s) nanao hoe: “Izaho manontany anao amin’ny alalan’i Allah, mba aseho ahy ny kibonao.”

Koa dia nasehony izany. Ary avy hatrany dia hita eo amin’ny kibony misy habokana sahala amin’ny kibon’alika ary misy volovolo sahala amin’ny volon-kisoa.

Ary dia niteny ny Imàm (a.s) hoe:

"اللهُ أَكْبَرُ لَقَدْ صَدَقَ جَدِّي فِي قَوْلِهِ لِأَبِي: يَا عَلِيُّ إِنَّ وَكَدَكَ الْحُسَيْنَ يُقْتَلُ بِأَرْضٍ يُقَالُ لَهُ كَرْبَلَا، يُقْتَلُهُ رَجُلٌ أَبْرَصٌ أَشْبَهُ بِالْكِلَابِ وَالْخَنَازِيرِ."

“Allah Akbar, efa nilaza marina ny Raibeko amin’ily teny nolazainy an-dRaiko nanao hoe: ry Ali, ny zanakao i Houssein dia hovanoina amin’ny tany antsoina hoe Karbalà, hamono Azy (a.s) ny olona boka mitovy amin’ny alika sy kisoa.”

Fa niteny i Shimr ilay voaozona nanao hoe:

“Izaho ve nampitoviana amin’ny alika sy ny kisoa?! Ianiavako amin’i Allah fa hotapahiko eo amin’ny hatoka ny tendanao.”

Avy eo izy, ilay voaozona dia nanapaka ny loha masina, feno fahasovana fa amin'ny fotoana ny fivezivezin'ily sabatra manapaka ny lohany dia niteny ny Imàm (a.s) nanao hoe:

"يَا جَدَّاهُ، يَا مُحَمَّدَاهُ، يَا أَبَا الْقَاسِمَاءُ، وَيَا أَبْتَاهُ، يَا عَلِيَّاهُ، يَا أُمَّاهُ، يَا فَاطِمَاهُ،
أُقْتَلُ مَظْلُومًا وَ أُذِيحُ عَطْشَانًا وَ أَمُوتُ غَرِيبًا"

“Ry raibeko ô, ry Mohammad ô, ry Dadan'i Qassim ô, ary ianao ry Dadako ô, ry Ali ô, ry Neniko ô, ry Fâtvimah ô, vonoina ao anatin'ny tsindrihazolena aho sy tapahina tenda ao anatin'ny hetaheta ary maty manirery.”

Rehefa notapahiny ilay loha ka natsatony tamin'ily sabany dia nanao “takbîr” in-telo izy ka nanaraka izany koa ireo miaramila namany.

Tampoka teo dia nisy horohoron-tany, lasa maizina ny tany sy nirotsaka ny orana manana endrika rà velona, ary nisy feo avy any andanitra nilaza nanao hoe:

"قُتِلَ وَاللَّهِ الْحُسَيْنُ بْنُ عَلِيٍّ بْنِ أَبِي طَالِبٍ، قُتِلَ وَاللَّهِ الْإِمَامُ ابْنُ الْإِمَامِ، قُتِلَ
الْأَسَدُ الْبَاسِلُ، وَ كَهْفُ الْأَرَامِلِ"

“Taniavana amin'i Allah fa novonoina i Houssein zanak'i Ali zanak'i Abi Twàlib, ianiavana amin'i Allah fa novonoina ilay Imàm zanak'ily Imàm, novonoina ilay liona mahery fo, sy ilay fialofan'ireo vehivavy mitondran-tena.”

Ary ny andro namonoana Azy (a.s) moa dia ny Zoma faha-10 volana Mouharram taona 61 H.

* * *

[بُلُوغُ خَبَرِ مَقْتَلِ الْحُسَيْنِ (ع) لِلنِّسَاءِ وَ بُكَاءُ هُنَّ]

**Ny fahazoan'ireo vehivavy ny vaovao nahamaritioran'ny Imàm
Houssein (a.s) sy ny fitomanian'izy ireo.**

Niteny i Abdoullah Ibn Abbàs (r.a) fa nisy nitantara taminy izay nahita ny zava-nitranga tao Karbalà hoe: ny soavalin'ny Imàm Houssein

(a.s) dia nanomboka namoaka feo avo mitaraina no sady nandalo tamin'ireo fatin'ireo maritiora tsirairay mandra-pijanonany teo amin'ilay vatana masina feno fahasoavan'ny Imàm Houssein (عَلَيْهِ آلاُفُ الْآلُفِ التَّحِيَّةِ وَالسَّلَامُ) ary manorokoroka ny vatany; fa rehefa tazan'i Omar Ibn Saand izany dia niteny izy tamin'ireo miaramilany nanao hoe: “samborinareo izy ka atero aty amiko aty.”

Ary rehefa tsapan'ilay soavaly ny fihetsik'izy ireo, dia nitsipahany tamin'ny tongony sy nokaikeriny tamin'ny vavany izy ireo mandra-pahafatesany miaramila maro, ary nampianjera ireo mpitaingina eo ambonin'ny soavalin'izy ireo ka niantso mafy i Omar nanao hoe: “lozanareo, manalavira azy ianareo!”

Avy teo ilay soavaly dia nanoroka indray ny vatan'ny Imàm masina feno fahasoavana ary namafamafa amin'ny alalan'ny tampondohany ilay rà madio feno fahasoavana ilay soavaly sy nikiaka amin'ny feo avo. Nitodi-doha nizotra nankany amin'ilay tranolay ilay soavaly ary niteny i Oummou Koulthoum nanao hoe:

"يَا سَكِينَةُ إِنِّي سَمِعْتُ صَهِيلَ فَرَسِ أَبِيكَ، أَطُنُّ قَدْ أَتَانَا بِالْمَاءِ، فَأَخْرَجِي إِلَيْهِ"

“Ry Soukaïnah, izaho dia naheno feon-tsoavalin'ny Rainao, angamba izy tonga hitondra rano ho antsika koa mandehana mitsena Azy ianao.”

Nivoaka i Soukaïnah fa nahita ny soavaly tsy nisy mpitaingina ka avy hatrany dia nesoriny ny saron-dohany ary nikiakiaka amin'ny feo avo nanao hoe:

"وَأَقْتِيلَاهُ وَأَحْمَدَاهُ وَأَعْلِيَّاهُ وَأَبْنَاهُ وَأَحْسَيْنَاهُ وَأَفَاطِمَاهُ وَأَحْمَرَ تَاهُ وَأَجْعَفَرَاهُ
وَأَعْقِيلَاهُ وَأَعْبَاسَاهُ"

“Ry ilay novonoina ô, ry Mouhammad ô, ry Ali ô, ry Dadako ô, ry Houssein ô, ry Fâtchimah ô, ry Hamzah ô, ry Djaenfar ô, ry Aqil ô, ry Abbàs ô !”

Avy eo nanao tononkalo i Soukaïnah fa rehefa naheno izany i Zaïnab (a.s) dia niteny koa izy hoe:

"وَأَخَاهُ وَأَحْسَيْنَاهُ وَأَ غَرِيْبَاهُ، نَفْسِي لَكَ الْفِدَاءُ، وَرُوجِي لَكَ الْوَقَا"

“Ry anadahiko ô, ry Houssein ô, ry manirery ô, ny tenako dia sorona ho anao, ary ny fofon’ aiko dia fiarovana ho anao.”

Ary nitomany mafy izy sy nanao ny tononkalo ka nanaraka azy nitomany ihany koa ireo vehivavy rehetra no sady niteny izy ireo hoe:

" وَأَمَحْمَدَاهُ وَأَعْلِيَّاهُ وَأَحْمَزَتَاهُ وَاجْعَفَرَاهُ وَحَسَنَاهُ وَأَحْسَيْنَاهُ، الْيَوْمَ وَاللَّهِ مَاتَ مُحَمَّدُ الْمُصْطَفَى، وَ عَلِيُّ الْمُرْتَضَى، وَالْحَسَنُ الْمُجْتَبَى، وَ فَاطِمَةُ الزَّهْرَاءِ "

“Ry Mouhammad ô, ry Ali ô, ry Hamzah ô, ry Djaenfar ô, ry Hassan ô, ry Houssein ô, mianiana amin’i Allah aho fa androany no maty i Mouhammad Al-Moustaphà sy i Ali Al-Mourtoulwà sy i Hassan Al-Moudjtabà ary i Fàtwimatouz-Zahrà.”

Avy eo i Soukaïnah zanak’i Houssein (a.s) nanomboka nanao ny tononkalony maneho ny fomba fampijalian’ireo fahavalo azy ireo nefa izy ireo no taranak’i Mouhammad sisa tavela eto an-tany, no sady nigogogogo nitomany.

Nisy lehilahy iray antsoina hoe Abdoullah Ibn Qaïs izay nanatrika ny zava-tranga tao Karbalà no niteny nanao hoe:

“Hitako ilay soavaly ary izy tena nanakifika ny olona manoloana ny ranon’i Eofrata avy eo izy niditra teo afovoan’ ilay rano ka nanjavona tsy hita no tsy heno vaovao intsony.”

* * *

[دُخُولُ السَّبَايَا إِلَى الْكُوفَةِ]

Fidiran’ireo babo tao Koufa

Avy eo i Omar Ibn Saand dia nanangona ireo miaramilany maty rehetra ary nivavaka ho azy ireo sy nandevina azy ireo; fa ny Imàm Houssein (a.s) sy ireo mpanara-diany kosa dia navelany.

Fa ireo mponina ao Ghàlwiriyah avy amin’ny fokon’ny banī Asad no tonga nampitafy lambamenan’ny Imàm Houssein (a.s) sy ireo mpanara-diany.

Fa i Omar Ibn Saand lasa nitodi-doha nankany Koufa nitondra ireo babo teo ambony rameva miisa teo ho eo amin'ny efaolo izay tsy nisy lasely fipetrahana na lamba akory ary ny tongotr'i Ali zanak'i Houssein tamin'izany dia nivoahan-drà.

Ireo vahoakan'i Koufa dia nanome an'ireo ankizy sasany antrendry sy mofo nefa hoy i Oummou Koulthoum nanao hoe:

“Ny sadaqah dia voarara ho anay.”

Ary dia noraisin'i Oummou Koulthoum ireo mofo teo am-bava sy tamin'ny tanaan'ireo ankizy ka natsipiny amin'ny tany no sady niteny nanao hoe: “ry vahoakan'i Koufa, ireo lehilahinareo dia mamono anay kanefa ireo vehivavinareo dia mitomany ho anay?! Fa ny mpitsara eo anatrehanay sy anareo dia i Allah any amin'ily andro Fitsarana.”

Fa rehefa tazan'i Zāinab (a.s) ny lohan'ny anadahiny dia nakapony teo amin'ny zavatra nentin'ny rameva ny handriny ka naratra nivoahan-drà.

* * *

[في مجلس ابن زياد]

Tao amin'ny lapan'Ibn Ziyàd

Avy eo Ibn Ziyàd nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany tao an-dapa ka nasainy ho entina eo anatrehanany ny loha masin'ny Imàm Houssein (a.s). Nony tonga teo aminy ilay loha masina dia nojereny am-pitsikiana. Ary nisy tehina notazominy teny an-tànany ka nokapokapohiny tamin'izany tehina izany ny molotra masin'ny Imàm Houssein (a.s). Niteny taminy i Zayd Ibn Arqam nanao hoe:

"ارْفَعْ قَضِيْبِكَ عَنْ هَاتَيْنِ الشَّفَتَيْنِ، فَوَ اللّٰهِ الَّذِي لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ، لَقَدْ رَأَيْتُ تُنَايَا
رَسُولِ اللّٰهِ صَلَّى اللّٰهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ تَرَشُّفُ تُنَايَاهُ"

“Esory amin'ireo molotra masina roa ireo ny tehinao, fa mianiana amin'i Allah izay tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izy aho, fa efa avy hitako ilay Irak'i Allah nanoroka an'ireo molony roa ireo.” Avy eo dia nigogogogo nitomany i Zayd Ibn Arqam.

Niteny taminy Ibn Ziyàd hoe:

“Mitomany angaha ianao? Ampitomanian’i Allah anie ny masonao, mianiana amin’i Allah aho fa raha tsy olona antitra efa verivery saina ianao dia efa notapahiko ny tendanao.”

Avy eo dia nitsangana i Ziyad ary lasa nandeha.

Nony afak’izany, dia niditra tao amin’Ibn Ziyàd, i Zaïnab zanak’i Ali (a.s), tamin’izany i Zaïnab dia nitafy ny lambany tsy dia mihaja izay nandrakotra ny tenany manontolo, ary namonjy nipetraka amin’ny sisin-trano Izy (a.s), koa dia hoy Ibn Ziyàd taminy hoe:

“Dera ho an’i Allah izay nanala baraka sy namono anareo.”

Namaly azy i Zaïnab (a.s) hoe:

“Dera ho an’i Allah izay nanome voninahitra ho anay tamin’ny alalan’ny Mpaminaniny i Mouhammad (s.a.w), sady nanadio anay amin’ireo loto amin’ny fahadiovana masina. Tena marina fa ny mpanao ratsy no afa-baraka ary ny mpandainga dia ny mpanao meloka izay tsy iza izany fa ianao, ô ry fahavalon’i Allah sy ilay Irany.”

Niteny Ibn Ziyàd nanao hoe:

“Ahoana ny fahitanao ny fihetsik’i Allah amin’ny anadahinao? i Houssein sy ny fianakaviany?”

Namaly azy i Zaïnab (a.s) hoe:

“Marina tokoa fa efa voadidin’i Allah ho azy ireo ny ady ary notanterahin’Izy ireo haingana ny baikon’ny Tompon’Izy ireo koa dia nanatrika ny toerana hatoriana Izy ireo. Niady Izy ireo fa avy eo dia novonoina noho i Allah, ary havorin’i Allah Izy ireo sy ianareo mba hotsaraina eo anatrehan’ny; fa kosa hisy fanontaniana hapetraka aminao koa dia miomana amin’ny valin’izany fanontaniana izany satria ny mpitsara dia i Allah ary ny mpitory anao dia ny Raibeko ilay Irak’i Allah (s.a.w), sady ny fonja dia ilay Gehena.”

Niteny i Ali zanak’i Houssein (a.s) tamin’Ibn Ziyàd nanao hoe:

“Hotapahin’i Allah anie ny tànanao roa sy hataony malemy anie ny tongotrao ry Ibn Ziyàd. Hatraiza moa ny firesahanao amin’ny nenitoako, no dia sahisahinao Izy eo anatrehan’ny olona mahalala sy tsy mahalala Azy!”

Tezitra tamin'izany Ibn Ziyàd ka nanome baiko mba hotapahina ny lohan'i Ali zanak'i Houssein (a.s), nefa nosakanan'ireo olona izy.

* * *

[السَّبَايَا فِي طَرِيقِهَا إِلَى الشَّامِ]

Ireo babo mizotra mankany Shàm

Nony afak'izany dia nantsoin'Ibn Ziyàd i Shimr sy i Khawli sy i Shibth Ibn Rib'ain ary i Omar Ibn Saand niampy ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly arivo ka nandidy azy ireo mba hitondra an'ireo babo sy loha ireo ho any amin'i Yazid. Nomeny baiko ihany koa izy ireo mba hampisehoseho Azy ireo any amin'ireo tanàna izay lalovan'Izy ireo. Nandalo nanaraka ny sisin-dranon'i Eofrata izy ireo ka nijanona tamin'ny trano iray efa haolo. Napetrak'izy ireo ilay loha masina feno fahasoavana aman-kaja. Ary ireo babo dia miray toerana amin'ilay loha masina. Tampoka teo dia tazan'izy ireo nisy tânana mitazona penina niseho avy tamin'ny rindrina izay nanoratra tononkalo amin'ny alalan'ny rà velona toy izao:

*“Moa ve ny vahoaka namono an'i Houssein dia manantena
Ny fanavotan'ny Raibeny any amin'ny andro Fitsarana
Tsia, ianiavana amin'i Allah fa Izy dia tsy hanavotra azy ireo
Ary amin'ny andro farany izy ireo dia ao anatin'ny sazy
Efa namono an'i Houssein ao anatin'ny fanagejana izy ireo
Ny fihetsik'izy ireo dia mifanipaka amin'ny fitsaran'ilay Boky.”*

Arak'izany dia nandositra aloha izy ireo avy eo niverina indray ary dia niala nandao an'ilay toerana, nefa mbola nahare feo ihany koa izy ireo izay nilaza nanao hoe:

*“Inona no holazainareo raha hiteny aminareo ilay Mpaminany
Inona moa no nataonareo nefa ianareo no vahoaka farany
Tamin'ireo taranako sy ireo ankohonako rehefa tsy teo aho
Ny sasany amin'Izy ireo dia nobaboina, ny sasany dia mihosin-drà
Tsy tokony izany ny valisoako nefa Izaho mba nananatra anareo
Ka nitsipak'ahy ianareo amin'ny fampijaliana an'ireo havako”*

Nony tonga tamin'ny tanàna iray antsoina hoe Tikrite izy ireo, dia namelatra ny saina faneva ka nivoaka tao an-trano am-pifaliana ireo vahoaka. Nilaza ireo kristiana tamin'ireo miaramila hoe:

“Izahay dia mihataka lavitra amin'izao fihetsika ataonareo izao ô ry mpanageja. Ianareo dia namono ny zanakavavin'ny Mpaminaninareo ary nobaboinareo ireo fianakaviany.”

Rehefa niala tamin'io tanàna Tikrite io ry zareo dia tonga tao an-dohasaha antsoina hoe Wadin-nahla, dia naheno feona jiny mikapokapoka ny tenan'izy ireo sy mitomany sady nanao tononkalo hoe:

*“Safosafoin'ily Mpaminany ny tarehiny
Ka misy mamirapiratra eo amin'ny takaloka
Ny Ray aman-dReniny dia manam-boninahitra amin'ny Qouraïsh
Ny Raibeny dia tsara amin'ireo raibe”*

Rehefa tonga tamin'ny tanàna antsoina hoe Mirshad, dia nivoaka ireo olona sady nanao “swalawâte” amin'i Mouhammad sy ireo taranany ary manozona ny fahavalon'Izy ireo.

Avy eo, nialohan'ny fahatongavan'izy ireo tamin'ny tanàna iray antsoina hoe Ba'enlabak dia nanoratra taratasy ho an'ny lehiben'ily tanàna izy ireo mba hivoahan'ireo olona hitsena azy ireo, ka nivoaka tokoa ireo vahoaka teo ho eo amin'ny 10 km miala eo amin'ily tanàna, sady naneho hafaliana. Nitaraina tamin'i Allah ho azy ireo i Oummou Koulthoum nanao hoe:

“Potehin'i Allah ny hamaroanareo ary hampanjakazakan'i Allah aminareo izay tsy hamindrafo aminareo.”

Nitomany ny Imàm Ali Ibn Al-Houssein (a.s) nohon'ny fihetsika ratsin'ireo vahoaka ireo sady nivity tononkalo.

Niteny i Abou Mikhnaf nanao hoe:

Narangaranga'izy ireo ambony ilay lefona misy ny loha masina teo am-pandalovana manoloana ny tobin'ireo mompera ka naheno feo manao tononkalo mankalaza an'ny Imàm Houssein sy ireo fianakaviany izy ireo. Nanontany i Oummou Koulthoum hoe:

“Iza moa ianao, hamindrafo aminao anie i Allah?”

Namaly ilay feo hoe: “Izaho no lehiben'ny jiny, tonga aho miaraka amin'ireo vahoakako saika hanavotra an'i Houssein saingy hitanay Izy fa efa maty.”

Rehefa naheno izany feona jiny izany ireo miaramila dia nahay avy hatrany fa izy ireo dia olon'ny Afobe.

* * *

[أَخَذُ الرَّاهِبِ لِرَأْسِ الْحُسَيْنِ (ع) وَ إِعْلَانُ إِسْلَامِهِ]

**Fakan'ilay mompera ny lohan'ny Imàm Houssein (as)
sy ny faneken'ny finoana islam**

Rehefa nirotsaka ny alina dia nojeren'ilay mompera ilay loha masina feno fahasovana ka nahatazanany hazavana mivoaka avy eo aminy, miakatra mankany an-danitra, ary hitany ihany koa ireo Anjely midina sy miteny manao hoe:

"يا أبا عبد الله عليك السلام"

“Ô ry Abà Abdillah, ho Aminao anie ny fiadanana”

Fa dia nitomany izy ary nanontany azy ireo nanao hoe:

“Inona io entinareo io?”

Namaly izy ireo hoe: “lohan'i Houssein Ibn Ali”.

Nanontany indray izy hoe: “iza no reniny?”

Namaly izy ireo hoe: “ny reniny dia i Fàtwimatouz-Zahrà zanak'i Mouhammad Al-Moustapha”.

Dia hoy izy hoe: “marina ny voalazan'ireo mompera”.

Hoy izy ireo hoe: “fa inona no voalazan'ireo mompera?”

Namaly izy hoe:

“Ireo relijiozy dia nilaza fa rehefa vonoina ny Mpaminany na ny lefitry ny Mpaminany na ny zanaky ny Mpaminany na ny zanaky ny

lefitry ny Mpaminany dia mirotsaka avy any an-danitra ny orana miendrika rà. Ary hitanay izao fa nirotsaka avy an-danitra ny orana rà.

Avy eo dia hoy izy:

"وَأَعْجَبَاهُ مِنْ أُمَّةٍ قَتَلَتْ ابْنَ بِنْتِ نَبِيِّهَا"

“Mahagaga ny vahoaka izay mamono ny zanaky ny zanakavavin’ny Mpaminaniny”.

Avy eo izy dia niteny hoe: “omeko 10.000 dirham ianareo raha toa ka omenareo ahy ilay loha masina mba ho aty amiko”.

Namaly izy ireo hoe: “omeo ny volanao 10.000 dirham”.

Koa dia nomeny azy ireo ilay vola ary noraisiny ilay loha masina feno fahasoavana, ka napetrany teo ampofoany sy norofakorofany sady nitomany izy no niteny hoe:

"لَيْتَ أَكُونُ أَوَّلَ قَتِيلٍ بَيْنَ يَدَيْكَ، فَأَكُونَ غَدًا مَعَكَ فِي الْجَنَّةِ، وَأَشْهَدُ لِي عِنْدَ جَدِّكَ رَسُولِ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ وَسَلَّمَ) بِأَنِّي أَشْهَدُ أَنْ لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ، وَأَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ."

“Niriko ny mba ho voalohany novonoina teo anatrehanao, amin’izay aho tafaraka Aminao any am-Paradisa rahampitso, ary mijoroa vavolombelona ho ahy Ianao eo amin’ny Raibenao ilay Irak’i Allah (s.a.w) fa izaho dia manaiky marina fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allah Tokana tsy manam-paharoa, ary i Mouhammad dia Mpanompony sy Irany.” Koa dia izany teny izany no nidiran’ilay mompera tao anatin’ny finoana islam.

Avy eo izy ireo dia nivory nifampizara an’ilay vola fa avy hatrany dia nivadika niova vaingan-tanimanga izany, ary eo amin’ny lafiny ilan’ny vaingan-tanimanga tsirairay dia nahitana soratra voasikotra milaza manao hoe:

"وَلَا تَحْسَبَنَّ اللَّهُ غَافِلًا عَمَّا يَعْمَلُ الظَّالِمُونَ"

“Ary aza heverina velively ho variana i Allah amin’izay ataon’ireo mpanageja”¹

Ary amin’ny lafiny ao ambadika dia misoratra hoe:

"وَسَيَعْلَمُ الَّذِينَ ظَلَمُوا أَيَّ مُنْقَلَبٍ يَنْقَلِبُونَ"

“Tsy ho ela dia ho fantatr’ireo mpanageja ny fivadihana hahazo azy ireo!”²

* * *

[دُخُولُ السَّبَابِيَا عَلَى يَزِيدٍ]

Fahatongavan’ireo babo teo amin’i Yazid

Nony tonga i Shimir ilay voaozona izay nitondra ny lohan’ny Imàm Houssein (a.s) dia nirehareha teo anatrehan’i Yazid ilay voaozona izy tamin’ny fitenenana nanao hoe:

*“Fenoy ny kitapoko amin’ny volafotsy sy volamena
Fa novonoiko ilay manana reny sy ray tsara indrindra
Izaho no namono an’ily lehibe ilay mpanabe
Ilay manana raibe tsara amin’izy ireo sy ambony firazanana
Notorahako lefona mandra-pianjerany
Nokapahiko tamin’ny sabatra ka lasa nalemy”*

Fa niteny taminy i Yazid hoe:

“Raha hainao fa izy no olombelona manana reny sy ray tsara indrindra dia nahoana izy no mbola novonoinao?! Mialà eto anatrehako fa tsy misy valisoa ho azonao!”

Koa dia lasa nivoaka izy, nandositra sady diso fanantenana tsy nahazo valisoa, ka matiantoka eto amin’ity tany fandalovana ity sy ny any ankoatra mandrakizay.

¹ Sourat Ibrahim 14:42

² Souratoush-shouaenrà 26:227

Avy eo i Yazid ilay voaozona dia naniraka mba ho entina eo anatrehany ilay loha masin'ny Imàm Houssein (a.s) sy ireo fianakaviany. Niteny i Zainab (a.s) hoe:

“Ry Yazid, ianao ve tsy matahotra an'i Allah sy ilay Irany amin'ny famonoana an'i Houssein? Tsy ampy anao izany fa mbola nasainao koa ireo zanakavavin'ilay Irak'i Allah (s.a.w) avy tao Irak nentina nankany Chàm! Ary toy izany koa ny mbola nitarihana anay aty aminao teo ambony biby fitaingina tsy misy lasely sahala amin'ny fitondrana andevo! Tsy nisy ny namono an'i Houssein (fiadanana avy amin'i Allah anie ho Aminy) anadahiko afa-tsy ianao ry Yazid, fa raha tsy nohon'ny baikonao dia tsy mba afaka namono Azy ilay zanak'i Mardjanah, satria vitsy an'isa izy ireo no sady olona mpampietry tena. Moa ve ianao tsy natahotra an'i Allah tamin'ny namonoana Azy kanefa ilay Irak'i Allah (s.a.w) dia efa nilaza momba Azy sy ny rahalahiny nanao hoe:

”الْحَسَنُ وَ الْحُسَيْنُ سَيِّدَا شَبَابِ أَهْلِ الْجَنَّةِ مِنَ الْخَلْقِ أَجْمَعِينَ”

”Hassan sy Houssein dia lehiben'ireo tanoran'ny Paradisa amin'ny zava-boahary rehetra”? Raha milaza ianao hoe: tsia, dia mandainga, fa raha milaza kosa ianao hoe: eny, dia mifahavalo amin'ny tenanao ianao ary miaiky ny haratsiana nataonao.”

Fa hoy izy: “mifandimby manaranaka tokoa ny taranaka”.

Ary dia nangina tsy nahateny intsony i Yazid tahak'ireny olona menamenatra ireny.

* * *

[الرُّجُوعُ إِلَى كَرْبَلَاءَ]

Ny fiverenana tao Karbalà

Avy eo dia nasainy naverina any an-tanàn'i Madīnatoul-mounawwarah Izy ireo. Nisy mpitari-dàlana Izy ireo. Niteny ny Imàm Ali Ibn Houssein (a.s) sy ireo vehivavy tamin'ilay mpitari-dàlana hoe:

“Amin’ny alalan’ny Zon’Ilay Tompoinao, dia mba tariho izahay amin’ny lâlana mankany Karbalà”.

Nanaiky izany ilay mpitari-dâlana ka tonga tao Karbalà Izy ireo ny faha-20 volana Safar, ary nifanena tao tamin’i Djàbir Ibn Abdillah Al-answàri sy vondron’olona avy amin’ny foko Bani Hashim. Ary dia nanangana “ma’etam” Izy ireo nandritra ny telo andro, izay vao nitodidoha nankany Madinah.

* * *

[دُخُولُ الْمَدِينَةِ الْمُنَوَّرَةِ]

Fidirana tao an-tanànan’i Madīnatoul-mounawwarah

Niteny i Bashir Ibn Hadhlam hoe:

Rehefa mandiva ho tonga tao Madīnah izahay, dia naniraka ahy ny Imàm Zāinoul-Abidīne (a.s) mba hilaza mialoha amin’ny vahoakan’i Madīnah, ary dia niditra tao an-tanàna aho ka nilaza hoe:

“Ry ianareo mpino silamo, i Ali Ibn Houssein dia efa ho tonga aty aminareo miaraka amin’ireo anabavin-drainy sy ireo anabaviny”.

Na dia ny vehivavy manafin’endrika amin’ny olona aza dia tsy nisy tafajanona tao an-tranony fa samy lasa nivoaka daholo nandeha hitsena Azy ireo, tao anatin’ny fialana saron-doha sy fandrangotana tarehy sy fikapohan’izy ireo ny takolak’izy ireo, no sady mirary ozona aman-doza ho an’ireo fahavalo.

Niteny izy hoe: izaho dia mbola tsy nahita olona nitomany na lehilahy na vehivavy maro mihoatra tamin’izany andro izany. Fa nivoaka avy tao amin’ny tranolay ny Imàm, teny an-tànany dia nisy mosoara hamafany ny ranomasony, ary nipetraka teo amin’ny seza Izy (a.s) ka nidera sy nanome voninahitra an’i Allah, avy eo dia nilaza hoe:

“Ry olombelona, marina dia marina fa ho an’i Allah ny fiderana sy ny fisaorana, fa efa nitsapa anay Izy tamin’ny alalan’ny fahoriana lehibe, ary ny fahorianay dia hantsana goavana eo amin’ny finoana islam, alahelo

ao am-pon'ny olombelona. Maty novonoina i Houssein Raiko sy ireo taranany miaraka amin'ireo mpanara-diany, ary nobaboina ireo vehivaviny sy zanakavaviny, nentina nivezivezy eran'ireo tanàna ny lohany izay natsatoka teo amin'ny tendron'ny lefona; fa ity no alahelo mihoatra ny alahelo rehetra, ka nahatafatomany ny habakabaka fito nohon'ny famonoana Azy, sy ny fanambanin'ny tany fito nohon'ny fandozany, ary mitomany ireo ranomasina amin'ny alalan'ireo onjany, sy ireo tany amin'ny alalan'ireo fihorohorony, sy ireo hazomaniry amin'ny alalan'ireo rantsany, sy ireo vorona amin'ny alalan'ireo fitsambikibikiny, sy ireo zava-manan'aina any ambany ranomasina lalina any, sy ireo bibidia antanety sy any an'efitra, sy ireo Anjely be voninahitra ary ireo tany aman-danitra manontolo.

Ry olombelona, fo manao ahoana loatra no tsy ho torotoro sy tsy alahelo amin'ny namonoana Azy.

Ry olombelona, nenjehina, noroahina, nampanalavirina, natao sesin-tany izahay nefa tsy nisy heloka vitanay, na fahotana nobabenay, na lavaka ao amin'ny islam nolavahanay, na ny tsy fahamendrehana nataonay.

Ianiavana amin'i Allah fa raha ilay Mpaminany (s.a.w) no nanafatra azy ireo mba hamono anay dia tsy mba tafahoatra toy izao 87ation'izy ireo aminay izao izany; eny fa isika dia avy amin'i Allah ary isika dia mbola hiverina any Aminy.”

Taorian'izany, i Ali Ibn Houssein (a.s) dia nitsangana sy nandeha an-tongotra niditra tao an-tanànan'i Madīnah, fa nony tonga Izy (a.s) dia nivantana namangy ny fasan'ny Raibeny, ilay Irak'i Allah (s.a.w), avy eo Izy (a.s) vao nandeha nankany an-tranony.

Fa i Oummou Koulthoum kosa tamin'ny fotoana nizorany nankany Madīnah dia latsa-dranomaso nitomany no sady nanao tononkalo.

* * *

Fifankahalana noho i Allah

Eo amin'ny lehilahy dia tsy izay raibe rehetra no manahaka an'i Mouhammad. Ary eo amin'ny vehivavy dia tsy izay reny rehetra no manahaka an'i Batoul. Eny, fa tsy izay ray rehetra ihany koa no manahaka an'i Ali, na izay rahalahy rehetra dia hanahaka an'i Hassan, na izay zanaka rehetra dia hanahaka an'i Zaïnoul-Abidine, na izay mpanara-dia rehetra dia hitovy amin'i Habib sy i Zouhaïr ary i Bouraïr, ary tsy izay maritiora rehetra dia hitovy amin'i Houssein. Fa i Yazid kosa dia mijoro amin'ny lafiny mifanohitra amin'izany eo amin'ny fiaviany sy ny toetrany ary ny mpanara-diany; satria tsy misy olona mamolava sy olon-dratsy toa an'i Yazid, ary tsy misy na iza na iza amin'ireo olon-dratsy mihoatra ny rainy i Mouânwiyah, tsy misy fahavalon'i Allah sy ilay Irany mihoatra ny raibeny i Abou Soufiân, tsy misy mpihinana ny atin'ireo maritiora mihoatra ny renibeny i Hind, ary tsy misy mpanara-dia tena ratsy sy tsy valahara mihoatra an'Ibn Ziyâd sy i Shimr ary Ibn Saand.

Niteny ny Imâm As-Swâdiq (a.s) nanao hoe:

"نَحْنُ وَآلُ أَبِي سُوْفِيَانَ تَعَادِيْنَا فِي اللَّهِ، فَلْنَا: صَدَقَ اللَّهُ. وَقَالُوا كَذَّبَ اللَّهُ."

"Izahay sy ireo taranak'ibou Soufiân dia mifankahala noho i Allah; hoy izahay hoe: milaza marina i Allah; fa hoy kosa izy ireo hoe: milaza lainga i Allah."

Koa noho izany, ilay fifankahalana dia hita fa ifanaovan'ny famaharinana sy ny lainga, fifankahalana teo amin'ny fitsipahan'ny taranak'i Omaiya sy ny fananam-pinoan'ny Ahloul-Baït; ary tamin'ny vanim-potoany i Mouânwiyah dia niezaka nanakambana ny fahamarinana sy ny lainga ary koa nampiray ny ao amin'i Allah sy ny ao amin'ilay satana, ka nanoratra tamin'i Marwânah Ibn Hakam izay solontenany tao Madîna izy mba hangata-bady ny zanakavavin'i Zaïnab Bint Amiroul-

moueminin izay manana ray antsoina hoe Abdoullah Ibn Djaenfar, ho vadin'i Yazid zanany. Koa lasa i Marwanah nandeha niresaka tamin'i Abdoullah rain'io zazavavy io, fa namaly azy ity farany nanao hoe: “tena marina ny momba azy dia miverina amin'ny Lehibenay sy dadatoany i Houssein”. Ary nankany amin'ny Imàm Houssein i Marwanah ka nilaza taminy nanao hoe: “i Mouànwiyah dia nanirak'ahy fa ny vodiondrin'io zazavavy io dia arak'izay sitraky ny rainy na inona na inona, miampy ihany koa ny fandoavana izay trosany sy mampifandray an'ireto andaniny sy ny ankilany anankiroa ireto, avy eo ny tombontsoa azonareo avy amin'i Yazid dia atao betsaka mihoatra ny tombontsoa azony avy aminareo, fa ny mahagaga dia amin'ny fomba ahoana moa i Yazid no hamoaka ny vodiondry kanefa izy dia mahampy amin'izay tsy ampy azy, ary nohon'ny voninahiny no mahatonga ny rahona ho mandatsaka ny orana!”

Namaly i Houssein (a.s) nanao hoe: “isaorana i Allah izay nifidy anay ho an'ny Tenany sy nanaiky anay ho an'ny Finoany ary nanavaka anay teo amin'ny zava-boahary. Fa ny resakao ry Marwanah mikasika ny vodiondriny arak'izay sitraky ny rainy na inona na inona, dia mianiana amin'i Allah Aho fa raha tianay izany dia tsy naka nihoatra ny voalazan'ny sori-dàlan'ilay Irak'i Allah izahay amin'ny vodiondrin'ireo zanany vavy sy ireo vehivaviny ary izany dia mitentina 480 dirham. Fa ny resakao mikasika ny fandoavana ny trosan'ny rainy dia oviana moa ny vehivavinay no natao ho fandoavana ny trosanay?! Ny mikasika ny fampifandraisana ny andaniny sy ny ankilany anankiroa ireto dia marina fa izahay dia mankahala anareo noho i Allah ka tsy hiray hina aminareo nohon'ny fiainana eto an-tany izahay. Fa mikasika ny teninao hoe: “amin'ny fomba ahoana i Yazid no hamoaka ny vodiondry” dia na ny Mpaminany (s.a.w) aza dia efa namoaka vodiondry. Ary ny resakao milaza an'i Yazid ho “mahampy amin'izay tsy ampy azy” dia tokony izay nahampy azy nialohan'ny androany dia tokony ho izy koa no mahampy azy androany satria ny fitondrany dia tsy mampitombo zavatra ho azy na dia kely aza. Ary ny resakao mikasika fa nohon'ny voninahiny no

mahatonga ny rahona ho mandatsaka ny orana, ny tena marina dia avy amin'ny alalan'ily Irak'i Allah (s.a.w) no mahatonga izany. Ny mikasika resakao milaza fa “ny tombontsoa azonay avy amin'i Yazid dia atao betsaka mihoatra ny tombontsoa azony avy aminay”, dia tena marina fa ny tombontsoa azonay avy aminy dia tsy misy afa-tsy ny olona bado ary ny tombontsoa azony avy aminay dia ny olona manan-tsaina.

Avy eo dia nijoro vavolombelona ny Imàm (a.s) teo anatrehan'ireo rehetra nanatrika teo, fa Izy (a.s) dia nampanambady ny zanakavavin'ny anabaviny izay mitondra anarana hoe Oummou Koulthoum tamin'ny zanaky ny dadatoany antsoina hoe Qassim Ibn Mouhammad Ibn Djaenfar Ibn Abi Twàlib.

Eny, i Yazid zanak'ily mpihinana aty dia nitady hanambady ny zanakavavin'i Zàinab, vehivavy mpino zanak'i Ali sy i Fàtwimah. Ary noheverin'i Mouàniyah izay rainy, tompon'ny fitondrana sy ny fanjakana tamin'izany fotoana izany fa ho vitany ny manambatra ny haratsiana sy ny fahadiovana, sy eo amin'ily hazo voaozona ao amin'ny Qour'ân sy ireo izay narovan'i Allah tamin'ny fahotana ka nanadio azy ireo tamin'ny fahadiovana masina; fa kosa ny Imàm Houssein (a.s) dia nanome azy lesona mafonja tena mafonja sy nampahafantatra azy fa na dia hitohy haharitra aza ny fanjakany, na dia hihamaro aza ny harenany dia izy ihany no malemy tena malemy sy ambany tena ambany ary maivana tena maivana tsy ampahafin'ireo olona madio ireo. Ny Imàm Houssein (a.s) dia nampahafantatra azy fa ireo Ahloul-Baït (a.s) dia tsy manambady na tsy mampanambady nohon'ny fitiavan-karena, sy nampahalala azy koa fa ny fankahalana misy eo amin'ny roa tonta dia tsy nohon'ny seza na ny fitondrana na nohon'ny harena fa kosa izany dia fankahalana noho i Allah, sy fankahalana eo amin'izay manamarina an'i Allah sy izay mampandainga Azy.

Tena marina fa izany no antony voalohany sady farany izay mahatonga ny fifanoherana sy ny fifankahalana misy eo amin'ny

fianakaviana madio sy ireo taranak'i Oumaiyah maloto, mpanao ratsy. Izany no fanazavana tena marina nahatonga ny vonomoka tao Karbalà; fa diso tena diso tokoa ireo milaza fa ny nahatonga izany dia avy amin'ny tsy fanekena an'i Yazid hanambady an'ilay zanakavavin'i Zāinab (a.s); tsia dia tsia, tsy avy amin'izany velively; fa tsy misy antony afa-tsy ny fankahalana noho i Allah satria ireo Ahloul-Bāit (a.s) dia tsy mitia no sady tsy mankahala raha tsy noho i Allah, koa noho izany rehefa Izy ireo no mampanambady na manambady na mandà izany dia tsy maintsy miverina amin'io fototra sy tanjona ary famantarana Azy ireo io.

* * *

Milaza marina aminareo aho fa teo amin'i Yazid sy i Mouànwiyah rainy dia nahitana fitoviana amin'ny lafiny rehetra, toy izany koa teo amin'i Obaïdoullah sy i Zyàd rainy, satria nanana tanjona iray izy ireo dia ny fiadiana amin'i Allah sy ilay Irany (s.a.w), ny tsirairay amin'izy ireo dia nanatanteraka izany ady izany arak'izay vitany, ary ny antony mahatonga izy ireo manao izany dia iray ihany koa dia ny fialonana, ka izy ireo dia olona iray ihany fa saingy ny anarana fotsiny no miova.

Fa raha i Mouànwiyah no mbola velona tamin'ireo telo taona nanjakan'i Yazid zanany ka nahita ny fihetsika nataon'io zanany io tamin'ny famonoana an'i Houssein sy ny fianakaviany ary ireo mpanaradiany, sy ny fanababoana an'ireo vehivaviny; raha nahita ihany koa izy tamin'ny taona faharoa nanao ahoana i Yazid zanany niditra ankeriny tao an-tanàn'ilay Irak'i Allah antsoina hoe Madīnah, ka nametavetany ireo vehivavy virijiny miisa arivo na maherin'izany, sy namonoany ireo tompon-tanàna maromaro ka anisan'izany novonoina izany ireo mouhadjirine sy answar miisa fitojato izay mpanaradian'ilay Mpaminany (s.a.w), ary raha mbola nahita koa tamin'ny taona fahatelo ny fitifiran'io zanany io hatrany an'ilay Kaanbah masina. Eny, raha hitan'i Mouànwiyah ireo fametavetana nataon'i Yazid zanany izany dia ho nankasitrahany tanteraka tokoa izany, ary ho nilaza tamin-janany izy nanao hoe :

"أَنْتَ مَيِّ وَأَنَا مِنْكَ، وَكِلَانَا مِنْ هِنْدِ أَكِلَةُ الْأَكْبَادِ"

Midika hoe: “ianao dia avy amiko ary izaho dia avy aminao, ary isika roa dia avy amin’i Hind izay mpihinana ireo aty”.

Ary tsy vitan’i Yazid izay nanao ny nataony tamin’i Karbalà feno fahamasinana sy i Madīnah feno fahazavana ary i Makkah feno voninahitra fa mbola notendreny ihany koa ho governora tao Koufa i Obaïdoullah Ibn Ziyàd, mba hanatanteraka ny asa nataon’i Ziyàd rainy mba hampahory an’ireo shian sisa tavela, koa nampiditra am-ponja sy nandroaka sy namono sy nanombo ary nanapaka ny tànana aman-tongotra an’ireo mpanara-dian’i Ali (a.s) araka ny voalazan’ny tantara. Niteny i Maïtham Tamarr mpianatra sy mpanara-dian’ny Imàm Ali (a.s) nanao hoe:

"لَتَنْبِرَنَّ مِنْ عَلِيٍّ أَوْ لَأَقْطَعَنَّ يَدَيْكَ وَرِجْلَيْكَ وَأُصْلِبَنَّكَ"

“Manalavira lavitra an’i Ali ianao fa raha tsy izany dia ho tapahiko ireo tànana aman-tongotra ary hombohako ianao”.

Fa izany anefa dia vao mainka nahatonga an’i Maïtham Tamarr nidera sy nanome voninahitra an’i Ali (a.s) ary nanozona an’Ibn Zyàd sy ireo banī Oumaiyah, ka avy hatrany dia notapahiny ireo tongotra aman-tànana sy ny lelan’i Maïtham avy eo nony maty izy dia nohomboany.

Inona koa ry namana silamo ny fametavetana mihoatr’izany teti-dratsy nitranga tao Twaff izany.

Voalazan’ireo mpanao tantara fa i Yazid dia nanoratra tamin’ny mpanompony antsoina hoe Omar Ibn Saand nanao hoe: “tafiho i Houssein sy ireo mpanara-diany mandra-pahafatesan’izy ireo avy eo dia tetiteho ny vatan’izy ireo fa mendrika izany izy ireo!” Ary rehefa avy novonoina i Houssein dia nampandalovina teo ambony tratrany sy ny lamosiny ireo soavaly satria hono Izy (a.s) dia mpanageja sy mpitsipika.

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe:

"مَا أُودِيَ نَبِيٍّ مِثْلَ مَا أُودِيْتُ"

“Tsy nisy Mpaminany nampijaliana mitovy amin’ny fampijaliana natao tamiko”.

Eny, marina tokoa izay nolazainao ry Mpaminany (s.a.w) fa i Houssein (a.s) zanakao dia voadona tafahoatra dia tafahoatra tao Karbalà, ary niharitra sahala amin’ny fiaretan’ireo Mpaminany sy Iraka, sy nibaiko ny fianakaviany sy ireo mpanara-diany mba hanana fiaretana ihany koa. Anisan’ny resaka nolazain’ny Imàm Houssein tamin’ny andron’i Twaff tamin’ireo fianakaviany sy ireo mpanara-diany ny hoe :

"صَبْرًا بَنِي الْكِرَامِ، فَمَا الْمَوْتُ إِلَّا فَنَطْرَةٌ تَعْبُرُ بِكُمْ عَنِ الْبُؤْسِ، وَالضَّرَاءِ إِلَى الْجَنَانِ الْوَاسِعَةِ، وَالنَّعِيمِ الدَّائِمِ، فَأَيُّكُمْ يَكْرَهُ أَنْ يَنْتَقَلَ مِنْ سِجْنٍ إِلَى قَصْرِ، وَمَا هُوَ لِأَعْدَائِكُمْ إِلَّا كَمَا يَنْتَقِلُ مِنْ قَصْرِ إِلَى سِجْنٍ وَعَذَابٍ، إِنَّ أَبِي حَدَّثَنِي عَنْ رَسُولِ اللَّهِ (صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ) : "الدُّنْيَا سِجْنُ الْمُؤْمِنِ، وَجَنَّةُ الْكَافِرِ"¹ وَالْمَوْتُ جِسْرٌ هُوَ لَاءٍ إِلَى جَنَاتِهِمْ، وَجِسْرٌ هُوَ لَاءٍ إِلَى جَهَنَّمِهِمْ، مَا كَذِبْتُ وَلَا كُذِّبْتُ"².

“Miareta ianareo taranak’olona tsara, fa ny fahafatesana dia tsy inona fa tetezana mampita anareo hiala amin’ny fahasahiranana, sy fahoriana mankany amin’ny Paradisa izay midadasika, sy ny fahasoavana mandrakizay, koa iza aminareo moa no mankahala hifindra hiala ao amin’ny fonja ka hiditra ao amin’ny lapaso. Ary ny fahafatesana eo amin’ny fahavalonareo dia tsy inona fa toy ny fifindràna avy ao amin’ny lapaso mankany amin’ny fonja sy ny sazy. Tena marina ny raiko dia nilaza tamiko avy tamin’ilay Irak’i Allah nanao hoe: “ny fiainana eto antany dia fonja ho an’ny mpino fa paradisa ho an’ny tsy mpino”. Ary ny fahafatesana dia tetezan’ny andaniny mankany amin’ny Paradisan’Izy ireo

¹ صحيح مسلم 210/8 – مسند أحمد 323/2 – سنن الترمذي 385/3 ح 2426 – صحيح ابن حبان 462/2 ح

687

² تحف العقول 53 – معاني الأخبار 289 ح 3

sy tetezan'ny ankilany mankany amin'ny gehenan'izy ireo. Izaho dia tsy nandainga ary tsy nisy nampandainga tamiko.”

Niteny Izy nanao veloma tamin'ireo fianakaviany nanao hoe:
"إِسْتَعِدُّوا لِلْبَلَاءِ، وَاعْلَمُوا أَنَّ اللَّهَ حَامِيكُمْ وَحَافِظُكُمْ، وَسَيُنَجِّيكُمْ مِنْ شَرِّ
الْأَعْدَاءِ، وَيَجْعَلُ عَاقِبَةَ أَمْرِكُمْ إِلَى خَيْرٍ، وَيُعَدِّبُ عَدُوَّكُمْ بِأَنْوَاعِ الْعَذَابِ، وَ يُعَوِّضُكُمْ
عَنْ هَذِهِ الْبَلِيَّةِ بِأَنْوَاعِ النِّعَمِ وَالْكَرَامَةِ، فَلَا تَشْكُوا وَلَا تَقُولُوا بِالسِّنِّتِكُمْ مَا يَنْقُصُ مِنْ
قَدْرِكُمْ"¹

“Miomàna amin'ny fahoriana ianareo ary fantaro fa i Allah no hiaro anareo sy hiahy anareo sy hanavotra anareo amin'ny haratsian'ireo fahavalo sy hametraka ny fiafaranareo amin'ny hatsarana, fa kosa hanasazy ireo fahavalonareo amin'ireo karazan-tsazy sy hanolo ireo loza amam-pahoriana amin'ny karazam-pahasoavana sy voninahitra ho anareo, koa aza miferinaina na mitaraina amin'ny alalan'ny lelanareo izay hampihena ny hajanareo.”

* * *

¹جلاء العيون للمجلسي .151

Hamaranako an'ity tantara ity dia tiako hoesahina kely ny momba an'ny zanak'i Yazid izay antsoina hoe Mouàwiyah faha-II.

Talohan'ny fahafatesan'i Yazid dia nandray tànan'ireo olona izy mba ho fankatoavan'izy ireo an'i Mouàwiyah zanany, fa ity farany dia nametra-pialàna tamin'izany taorian'ny nahafatesan'ity rainy ity.

Niteny ny manam-pahaizana sounnah antsoina hoe Aboul-Mahàsin ao amin'ny boky antsoina hoe النُّجُومُ الزَّاهِرَةُ an-noudjoumouz-zàhirah v.1 p.164 natonta voalohany tamin'ny taona 1929, nanao hoe:

"خَطَبَ مُعَاوِيَةُ بْنُ يَزِيدِ النَّاسِ، وَقَالَ: أَيُّهَا النَّاسُ إِنَّ جَدِّي مُعَاوِيَةَ نَارِعُ الْأَمْرِ أَهْلُهُ، وَمَنْ هُوَ أَحَقُّ بِهِ لِقَرَابَتِهِ مِنْ رَسُولِ اللَّهِ (ص) وَهُوَ عَلِيُّ بْنُ أَبِي طَالِبٍ، وَرَكَّبَ لَكُمْ مَا تَعْلَمُونَ حَتَّى آتَيْتُهُ مَبِيئَتُهُ، فَصَارَ فِي قَبْرِهِ رَهِينًا بِدُنُوبِهِ، وَأَسِيرًا بِخَطَايَاهُ، ثُمَّ تَقَلَّدَ أَبِي الْأَمْرِ، فَكَانَ غَيْرَ أَهْلِ لِذَلِكَ، وَرَكَّبَ هَوَاهُ، وَأَخْلَفَهُ الْأَمْلَ، وَقَصَرَ بِهِ الْأَجَلَ، وَصَارَ فِي قَبْرِهِ رَهِينًا بِدُنُوبِهِ، وَأَسِيرًا بِجُرْمِهِ".

“Nitoriteny i Mouàwiyah zanak'i Yazid teo anatrehan'ireo vahoaka nanao hoe: ry olombelona, marina dia marina fa i Mouàwiyah raibeko dia niady ilay raharaha tamin'ny tompony, sy izay mendrika azy bebe kokoa nohon'ny fihavanany amin'ilay Irak'i Allah (s.a.w), tsy iza izany fa i Ali Ibn Abi Twàlib, ary nampitondra zioga anareo izay efa fantatrareo mandra-pahafatesany, koa lasa tompon'antoka izy amin'ireo fahotany ao am-pasany, sy lasa babon'ireo fahadisoany, avy eo ny raiko dia nanaraka an'ilay raharaha, nefa izy dia tsy mendrika an'izany, nanaraka ny sitrapony sy nanadiso azy ny fanantenana ary nampihena ny fiainany ny fahafatesana ka lasa tompon'antoka izy amin'ireo fahotany ao am-pasany sy babon'ny haratsiany.”

Avy eo dia nitomany mafy ilay zanak'i Yazid ka nikoriana teo amin'ny takalony mihitsy ny ranomasony sady niteny izy nanao hoe:

"إِنَّ مِنْ أَعْظَمِ الْأُمُورِ عَلَيْنَا عِلْمُنَا بِسُوءِ مَصْرَعِهِ، وَ بِئْسَ مُنْقَلَبِهِ، وَ قَدْ قَتَلَ عَشْرَةَ رَسُولِ اللَّهِ، وَ أَبَاحَ الْحَرَمَ، وَ خَرَّبَ الْكَعْبَةَ، وَ مَا أَنَا بِالْمُنْقَلَدِ وَ لَا بِالْمَتَحَمِّلِ تَبِعَاتِكُمْ، فَسَأُنُكِّمُكُمْ وَ أَمْرُكُمْ".

“Ny tena vesatra goavana teo amintsika dia ny fahafantarantsika ny haratsian'ny fahafatesana sy ny sazy any amin'ny fiafarany; ary izy dia efa nanao vonomoka an'ireo fianakavian'ilay Irak'i Allah sy nametaveta ilay toerana masina sy nanimba ilay Kaanbah; fa izaho kosa dia tsy mpanaraka ary tsy mpibaby izany fahotanareo izany koa ento any ny raharahanareo”.

Niteny taminy ny reniny nanao hoe:

"أَلَيْتَاكَ كُنْتَ حَيْضَةً".

“Aleo ianao tafajanona ho fadimbolana”.

Hoy ilay zanak'i Yazid namaly an-dreniny nanao hoe:

"يَا لَيْتَ. أَجَلٌ إِنَّ الْحَيْضَةَ أَفْضَلُ مِنَ الْإِنْتِسَابِ إِلَى يَزِيدٍ وَ مُعَاوِيَةَ بْنِ أَبِي سُفْيَانَ".

“Aleo tokoa izany. Eny, ny fadimbolana dia tena tsara noho ho anisan'ny taranak'i Yazid sy i Mouàwiyah zanak'i Abou Soufiàn”.

Voalazan'ny tantara fa afaka andro vitsivitsy taorian'izany dia maty i Mouàwiyah faha-II ka misy ny milaza fa izy dia maty nomena poizina noho izy tsy nanaraka ny fomban'izy ireo.

* * *

وَ الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ وَسَيَعْلَمُ الَّذِينَ ظَلَمُوا أَيَّ مُنْقَلَبٍ يَنْقَلِبُونَ. وَ صَلَّى اللَّهُ
عَلَى نَبِيِّنَا مُحَمَّدٍ وَ آلِهِ الطَّيِّبِينَ الطَّاهِرِينَ وَ أَصْحَابِهِ الْمُتَجَبِّينَ.

Fomba nanoratana an'ireo litera arabo :

ا ب ت ث ج ح خ
a b t th dj h kh

د ذ ر ز س ش ص
d dh r z s sh sw

ض ط ظ غ غ ع ع
an in on en dhw tu lu

غ ف ق ك ل م ن
n m l k q f gh

و ه ء ي
y a h w

Fizahan-takelaka

Teny fanolorana	9
Ny Imàm Houssein Ibn Ali (a.s)	12
Ny fahaterahany:	12
Ny toe-batany:	12
Ireo anarambositra fiantsoana Azy (a.s)	13
Ireo vadiny	13
Ireo zanany.....	13
Ny tombon-kasen'ny perany.....	13
Ny mpanao tononkalony.....	13
Ny irakirany	14
Mikasika ireo hadith malaza momba ny maritioran'i Houssein	14
Fanekem-pankatoavana.....	28
Fivoahan'i Houssein niala tao Madīna	29
Ireo hafatr'ireo vahoakan'i Koufa	31
Fandefasana an'i Mouslim (a.s) tany Koufa	31
Fivoahan'i Houssein (a.s) niala tao Makkah	36
Fanakanan-dàlana nataon'i Hourr	40
Fahatongavan'ny Imàm Houssein (a.s) tao Karbala.....	42
Ny zava-nitranga tao Twaff	46
Ny nahamaritiora an'i Abbàs (a.s).....	49
Fananaran'i Houssein (a.s) sy ireo mpanara-diany	51
Fiomanana amin'ilay ady	54
Ny nahamaritiora an'i Habib Ibn Mazahir (r.a)	55
Ny nahamaritiora an'i Zouhaïr (r.a).....	56
Ny nahamaritiora an'i Hanzalah (r.a)	57
Ny nahamaritiora an'i Al-mouanllà (r.a)	57

Ny nahamaritiora an'i Abdoullah Ibn Mouslim (r.a)	58
Ny nahamaritiora an'i Anwn Ibn Abdoullah (r.a)	58
Ny nahamaritiora an'i Ourwah Al-ghaffàri (r.a)	58
Ny nahamaritiora an'i Màlik (r.a).....	59
Ny nahamaritiora an'i Moussà Ibn Aqil (r.a)	59
Ny nahamaritiora an'i Ahmad Ibn Mouhammad Al-hachimī (r.a)	59
Ny nahamaritiora an'i Soulaïman mpanompon'i Houssein (a.s).....	60
Ny Fibebahan'i Hourr Ibn Yazidir-Riyahī (a.r)	60
Ny nahamaritiora an'i Qassim (a.s).....	62
Ny nahamaritiora an'i Ahmad Ibn Al-Hassan (a.s)	63
Ny nahamaritiora an'i Ali Akbar (a.s)	64
Ny nahamaritiora an'i Abdoullah, ilay zazamenavava (a.s)	67
Fanaovam-beloman'ny Imàm Houssein (a.s).....	69
Ny nahamaritiora an'ny Imàm Houssein (a.s).....	69
Ny fahazoan'ireo vehivavy ny vaovao nahamaritioran'ny Imàm Houssein (a.s) sy ny fitomanian'izy ireo.	75
Fidiran'ireo babo tao Koufa	77
Tao amin'ny lapan'Ibn Ziyàd	78
Ireo babo mizotra mankany Shàm	80
Fakan'ilay mompera ny lohan'ny Imàm Houssein (as)	82
Fahatongavan'ireo babo teo amin'i Yazid.....	84
Ny fiverenana tao Karbalà.....	85
Fidirana tao an-tanànan'i Madinatoul-mounawwarah.....	86
Fifankahalana noho i Allah.....	88
Mouànwiyah faha-II.....	95
Fizahan-takelaka	99

* * *

Anaran'ilay boky: “Ny marina amin’ny tantaran’ny Imâm Houssein (a.s) tao Karbalâ”.

Mpanoratra: Sheikh Salim Manrouf

Natonta: Voalohany teto Antananarivo

Navoaka: Teto Antananarivo, volana Mouharram 1441H/ 2019.

Famoaham-boky: Print Express Tél: 22 697 62 Fax: 22 551 53

Imprimatur: INISMA

**Ny marina amin'ny tantaran'ny
Imàm Houssein (a.s) tao Karbalà**



مدرسة دار الحكمة

Madrassat Dârroul-hikmah